




ONIVERSITEN'ANTANANARIVO
FAKIOLTEN'NY TENY AMAN-TSORATRA
ARY NY SIANTSAN'NY MAHA OLONA
SAMPANA TENY SY LAHABOLANA ARY RIBA
MALAGASY
RANTSAM-PIOFANANA: HAIOLONA



Asa fikarohana natao hahazoana ny mari-pahaizana Maîtrise ès-Lettres


NY ENDRIKA ISEHOANA SY NY HEVITRA MITONDRA NY MIVOAKA ITANY - ANTANIFOTSY VAKINANKARATRA

Mpanatontosa : RANDIMBISON Antsanarindra Fiderana
Mpitarika : Andriamatoa RABARIJAONA Bernardin Victor
Maître de Conférences

Datin'ny Fanohanana ampahibemaso : 02 Desambra 2014



ONIVERSITEN'ANTANANARIVO
FAKIOLTEN'NY TENY AMAN-TSORATRA
ARY NY SIANTSAN'NY MAHA OLONA
SAMPANA TENY SY LAHABOLANA ARY RIBA
MALAGASY
RANTSAM-PIOFANANA: HAIOLONA



Asa fikarohana natao hahazoana ny mari-pahaizana Maîtrise ès-Lettres

NY ENDRIKA ISEHOANA SY NY HEVITRA MITONDRA NY MIVOAKA ITANY - ANTANIFOTSY VAKINANKARATRA

Mpanatontosa : RANDIMBISON Antsanarindra Fiderana
Mpitarika : Andriamatoa RABARIJAONA Bernardin Victor
Maître de Conférences

Datin'ny Fanohanana ampahibemaso : 02 Desambra 2014

FIZAHAN-TAKILA

Fizahan-takila	1
Teny fanolorana.....	6
Fisaorana.....	7
Fanalavan-teny:	8
Lisitry ny sary pika :.....	9
Lisitry ny fafana:	9
Lisitry ny kisary :.....	9
Lisitry ny sarintany :.....	9
Fintina.....	10
Résumé	11
Abstract.....	12
FAMPIDIRANA	17
FIZARANA VOALOHANY: MOMBAMOMBA NY SEHATRA SY NY AKORA.....	20
1.1. Mombamomba ny toerana	20
1.1.1. Jeografian’Antanifotsy	20
1.1.1.1. Toerana misy azy.....	20
1.1.1.2. Endriky ny tanàna.....	20
1.1.1.3. Tompon-tany ny ankabetsahan’ny mponina.....	21
1.1.2. Fandrindrana ny fiainan’ny mponina	21
1.1.2.1. Foto-pivelomana nentim-paharazana	21
1.1.2.2. Fifandraisan’ny ray aman-dreny sy zanaka	27
1.1.2.3. Fiheverana ny tontolo iainana.....	27
1.1.3. Ambaratongan-drafitra eo amin’ny fiarahamonina	28
1.1.3.1. Fiarahamonim-pivavahana	28
1.1.3.2. Fiarahamonina nentin-drazana	29
1.1.3.3. Rafi-pitondram-panjakana	31
1.2. Fironan-tsaina nampiharina	33
1.2.1. Famaritana ankapobeny ny haitsikera ara-drafitra	33
1.2.1.1. Tantaran’ny haitsikera	33
1.2.1.2. Foto-kevitra ijoroany sy tanjony.....	33
1.2.1.3. Mpivoy ny Fironantsaina.....	33

1.2.2. Famaritana ankapobeny ny haitsikera ara-pielezana	34
1.2.2.1. Tantaran'ny haitsikera	34
1.2.2.2. Foto-kevitra ijoroany sy tanjony.....	34
1.2.2.3. Ireo Mpivoy ny Lalantsaina.....	34
1.2.3. Fiharan'ny Lalantsaina	35
1.2.3.1. Fomba fihodinany ao amin'ny asa fikarohana	35
1.2.3.2. Fampifandraisana azy amin'ny lohahevitra dinihina.....	35
1.2.3.3. Vokatra andrasana amin'ny asa fikarohana.....	35
1.3. Lalam-piasa narahina.....	36
1.3.1. Novakina ny boky isan-tsokajiny	36
1.3.1.1. Notsongaina ny boky momba ny lohahevitra	36
1.3.1.2. Niompanana ny boky mirakitra ny kolontsaina.....	36
1.3.1.3. Notrandrahina ny fironan-tsaina	36
1.3.2. Fikirakirana tahirin-kevitra.....	36
1.3.2.1. Fanatonana tompon'andraikitra.....	36
1.3.2.2. Fanivanana ny lahatsoratra an-gazety.....	37
1.3.2.3. Fanatrehana velakevitra samihafa	37
1.3.3. Firotsahana mivantana	37
1.3.3.1. Sokajin'olona nohadihadina	37
1.3.3.2. Valim-panontaniana naravona.....	37
1.3.3.3. Nananosarotra ny fanatanterahana.....	37
Tsoa-kevitra	38
FIZARANA FAHAROA: FANDOKOANA NY LANONANA MIVOAKA ITANY	39
2.1. Fizotry ny lanonana	39
2.1.1. Fiomanana ho fanatanterahana	39
2.1.1.1. Fanatonana mpanandro na reninjaza	39
2.1.1.2. Fanangonana ny fitaovana	40
2.1.1.3. Fampiomanana ny mpandray anjara.....	40
2.1.2. Vontoatin'ny fankalazana.....	40
2.1.2.1. Fiaingana	40
2.1.2.2. Fampitana	41
2.1.2.3. Fitodiana	41
2.1.3. Vokatra andrasana	42

2.1.3.1. Firarian-tsoa.....	42
2.1.3.2. Hetaheta ny lafatra.....	42
2.1.3.3. Antoky ny fahaela velona	43
2.2. Hevitra fototra.....	44
2.2.1. Tandindon'ny mpandray anjara.....	44
2.2.1.1. Ifantohana ny zaza	44
2.2.1.2. Voafidy ny mpitrotro	44
2.2.1.3. Miantrana ny mpanaraka	44
2.2.2. Fitaovana ampiasaina	44
2.2.2.1. Kojakoja fampiasa min'ny zazalahy.....	44
2.2.2.2. Hafa ny an'ny zazavavy	45
2.2.2.3. Misy iraisana	46
2.2.3. Fifandraisana amin'ny tontolo.....	47
2.2.3.1. Fiaikena ny Zanahary	47
2.2.3.2. Fiantsoana ny Razana	47
2.2.3.3. Finoana ny hasin'ny zavaboary	47
2.3. Fampitahana amin'ny fomba amam-panao	49
2.3.1. Tanterahina ny fomban-drazana hafa	49
2.3.1.1. Fihetsika amin'ny fanalana bozaka sy famorana.....	49
2.3.1.2. Fanambadiana fahizay	50
2.3.1.3. Fandrazanana	51
2.3.2. Mivoaka itany mitaha amin'ny hafa.....	53
2.3.2.1. Mbola fanao ny mivoaka itany ao Betafo.....	53
2.3.2.2. Tsy latsa-danja ny an'ny Betsileo.....	53
2.3.2.3. Fivoarana ao Antanifotsy.....	54
2.3.3. Hevitra ny antokom-pivavahana	54
2.3.3.1. Mivoaka itany kristiana	54
2.3.3.2. Fomba silamo	56
2.3.3.3. Fijerin'ny hindo	58
Tsoa-kevitra	61

FIZARANA FAHATELO: TOMBANA SY TOLO-KEVITRA	62
3.1. Ireo lafiny heverina fa nahomby	62
3.1.1. Fiantraikany mivantana amin'ny mpankafy	62
3.1.1.1. Miteraka fahasalamana ho an'ny reny sy ny zaza	62
3.1.1.2. Manefy azy hahafolaka ny tontolo iainana	62
3.1.1.3. Antoky ny faneken'ny fiarahamonina	63
3.1.2. Hevitry ny mpino katôlika	63
3.1.2.1. Fitiavan-janaka	63
3.1.2.2. Fankatoavana ny baikon'Andriamanitra	63
3.1.2.3. Fitiavan-tanindrazana	64
3.1.3. Fiakony eo amin'ny fitondram-panjakana	64
3.1.3.1. Malalaka ny fampifangaroam-pinoana	64
3.1.3.2. Mifanindran-dalana amin'ny tetikasan'ny Ministera sy ny fikambanana tsy miankina	65
3.1.3.3. Mampisongadina ny fiizian'ny firenena	66
3.2. Fijerin'ny mpanohitra	67
3.2.1. Fandanim-potoana	67
3.2.1.1. Fanangonana fitaovana	67
3.2.1.2. Fampiomanana ny mpanotrona	67
3.2.1.3. Fanatrehana ny lanonana	67
3.2.2. Fandanim-bola	68
3.2.2.1. Kely ny vola miditra	68
3.2.2.2. Lafo vidy ny fitaovana	68
3.2.2.3. Anokanana vola ny sakafo	68
3.2.3. Finoanoam-poana	68
3.2.3.1. Miteraka tsy fiezahana hihary	69
3.2.3.2. Tsy mampidi-doza mivantana ny tsy fanatanterahana azy	69
3.2.3.3. Fanompoan-tsampy	69
3.3. Hoaviny sy tolo-kevitra	70
3.3.1. Eo an-dalam-pahafatesana ity fomba ity saingy mbola azo arenina	70
3.3.1.1. Misarika ny hafa ny mpankafy	70
3.3.1.2. Mirona hiala fady ny olona sahirana	70
3.3.1.3. Azo antoka ny fitohizany raha mivaha ny olana	71
3.3.2. Tolokevitra avy amin'ny mpiara-monina	71

3.3.2.1. Avy amin'ny vahoaka tsotra.....	71
3.3.2.2. Avy amin'ny mpanandro	72
3.3.2.3. Avy amin'ny Zokiolona	72
3.3.3. Hevitry ny mpikaroka.....	72
3.3.3.1. Mitovy lanja amin'ny fomba malagasy hafa rehetra ny famoahan-jaza	73
3.3.3.2. Azo tanterahina araka ny fari-piainana.....	73
3.3.3.3. Azo tanterahina araka ny finoana	74
Tsoa-kevitra	75
TENY FAMARANANA	76
Loharano nanovozan-kevitra	78
Fanolorana ny tovana.....	81
Filazalazana momba ny boky	120

TENY FANOLORANA

Singa manan-danja eo amin'ny fiarahamonina ny zaza. Mifantoka aminy manokana ny mivoaka itany. Nahasarika anay ny handray anjara biriky amin'ny fanatsarana ny hoavin'izy ireo. Tontosa antsakany sy andavany izao asa fikarohana izao ka atolotray ho an'ny ray aman-dreny, ny mpampianatra sy mpanabe, ny fikambanana miady amin'ny herisetra atao amin'ny zaza, ny mpitondra fanjakana miadidy ny zaza sy ny tanora ary ny mpamaky rehetra tsy an-kanavaka.

Ialana tsiny mialoha izay mety ho fahadisoan-tsipelina sy fitavozavozana eo amin'ny fanehoan-kevitra ary ny tsy fahafenoan'ny hevitra aroso. Raisinay amin-kafaliana ny fanamarihana sy fanitsiana avy aminareo ho fanatsarana ny asa. Isaoranay indrindra koa ny fankasitrahana atolotrareo.

Antenainay fa hanampy ireo mpikaroka any aoriana amin'ny fandalinana ny fomba fanao amin'ny zaza sy ny tontolon'ny fiterahana ary ny fomba amam-panao nentim-paharazana ity asa fikarohana ity.

FISAORANA

Isaoranay voalohany indrindra Andriamanitra Andriananahary, mpahary sy mpandahatra ny zavatra rehetra nanome anay saina hoenti-mikaroka sy fahasalamana hoenti-manatontosa ny asa.

Manaraka izany, ankasitrahana eram-po ireto tompon'andraikitra hajaina ireto:

- Andriamatoa RAMANOELINA Panja, Filohan'ny Oniversiten'Antananarivo, nitantana sy nandrindra ny fampianarana ka nahafahanay nanatontosa ny asa fikarohana.
- Andriamatoa RANARIVONY Richard, Sojaben'ny Fakiolten'ny Teny aman-Tsoratra ary ny Siantsan'ny maha olona namela anay hanatanteraka ny asa fikarohana.
- Andriamatoa RANDRIAMANALINA Daniel Jules, Maître de Conférences, Talen'ny Sampana Teny sy Lahabolana ary Riba Malagasy, namolavola ny saina amam-panahinay nandritra ny efa-taona nandalinana ny maha Malagasy; nanome alalana hanatanteraka ny asa fikarohana.

Tsy hadinoina ireo Mpampianatra Mpikaroka izay angady nananana sy vy nahitana, nampiofana sy nanabe anay teto anivon'ny toeram-pianarana ka nahatongavanay amin'izao dingana izao.

Tolorana fisaorana manokana Andriamatoa RABARIJAONA Bernardin Victor, Maître de Conférences, nanaiky hitarika anay ary nahafoy tena sy nahafoy fotoana mba hanatsarana ny asa sady nanaiky hitsara izany hatramin'ny farany. Hambinin'Andriamanitra anie ianao sy ny ankohonanao.

Ankasitrahana etoana Andriamatoa RAKOTOARISON Jeannot, mpanandro sady Filohan'ny mpanolotsaina ny kaominina Antanifotsy, niara-niasa akaiky taminay nandritra ny fanadihadiana teny an-toerana. Toy izany koa Ramatoa RAVAOARISOA Blandine, reninjaza ao Andohafarihy, nanome fahalalana antsipirihany anay hoenti-manatanteraka ny asa. Tolorana fisaorana ianareo tsy nitandro hasasarana tamin'ny fanampiana anay.

Farany fa tsy ny kely indrindra, zava-dehibe indrindra aminay koa ny fanohanana ray aman-dreny, mpiray tampo, fianakaviana, mpiara-mianatra ary tapaka sy namana. Nanolo-tanana sy nanolo-kevitra ianareo matoa tontosa izao asa izao.

Koa fisaorana mitafotafo no atolotray anareo rehetra tsy an-kanavaka noho ny fiaraha-miasa mahafatrapo notanterahinareo. Misaotra, Tompokolahy; mankasitraka, Tompokovavy.

FANALAVAN-TENY:

ACEEM : Association Culturelle des Elèves et Enseignants de Madagascar

Ar : Ariary

BCG : Bacille de Calmette et de Guérin

DTCoqPolyo : Diphtérie Tétanos Coqueluche Polyomyélite

ECAR : Eglise Catholique Apostolique Romaine

FJKM : Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara

FLM : Fiangonana Loterana Malagasy

FLMN : Fiangonana Loterana Malagasy Nohavaozina

Ha : hekitara

Hab : habitants

Km : kilaometatra

Km² : kilaometatra tora-droa

L : lehilahy

RN7 : Route Nationale numéro7

RNM : Radio Nationale Malagasy

T : Taonina

TVM : Télé Vision Malagasy

TV Plus : Télé Vision Plus

V : vehivavy

LISITRY NY SARY PIKA :

Sary pika 1 : Filazam-pahaterahana nataon'ny reninjaza	30
Sary pika 2 : Fitaovana fampiasa amin'ny famoahan-jazalahy	45
Sary pika 3 : Fitaovana fampiasa amin'ny famoahan-jazavavy.....	46
Sary pika 4 : Fihaonana amin'ny tontolo eo an-tokontany	48
Sary pika 5 : Maneho ny foto-pinoan'ny mponina ao Antanifotsy ny fasana.....	53
Sary pika 6 : Hazo “dattier”: tandindon'ny fahaela velona.....	57

LISITRY NY FAFANA:

Fafana 1: Fitsinjaran'ny mponina araka ny salan-taona	21
Fafana 2: Ireo fiangonana miorina eto an-toerana.....	28
Fafana 3: Fampitahana ny fivavahana nentin-drazana amin'ny fivavahana hafa.....	60

LISITRY NY KISARY :

Kisary 1: Famintinana ny rafi-piarahamonina nentin-drazana ao Antanifotsy	32
Kisary 2: Famintinana ny dingam-piainana lalovan'ny olombelona araka ny finoana malagasy	39
Kisary 3: Ambaratongan-drafitra mifehy ny fiarahamonina kristiana	55
Kisary 4: Ambaratongan-drafitra mifehy ny fiarahamonina silamo	56
Kisary 5: Ambaratongan-drafitra mifehy ny fiarahamonina hindoista	58

LISITRY NY SARINTANY :

Sarintany 1: Ireo Faritra 22 mandrafitra an'i Madagasikara	13
Sarintany 2: Ireo Distrika mandrafitra ny Faritra Vakinakaratra	14
Sarintany 3: Ireo Kaominina mandrafitra ny Distrikan'Antanifotsy	15
Sarintany 4: Ireo Fokontany mandrafitra ny Kaominina Antanifotsy	16

FINTINA

Miankina tanteraka amin'ny ray aman-dreniny ny zaza. Tia zanaka ny mponina ao Antanifotsy. Endrika iray anaporofoany izany ny fanatanterahana ny famoahan-jaza. Mamahavaha ity fomba malagasy ity izao asa fikarohana izao ary nampitondraina ny lohateny hoe: ***“Ny endrika isehoana sy ny hevitra mitondra ny mivoaka itany - Antanifotsy Vakinankaratra”***.

Misongadina ato amin'ny asa fa fomba fitsofan-drano ny zaza ho salama sy hanan-karena ary ho ela velona ny famoahan-jaza. Mahatsara ny hoavin'ny zaza ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy izany fitsofan-drano azy amin'ny fotoana ihaonany voalohany amin'ny tontolo manodidina azy izany. Mifanindran-dalana amin'ny tetikasam-panjakana ity fomba ity satria mikendry ny hampandrosoana ny firenena sy ny hitsinjovana ny hasin'ny zaza amin'ny maha olona azy. Mihendanja anefa, ankehitriny, ny kolontsaina malagasy vokatry ny fidiran'ny kolontsaina vahiny sy ny hasarotry ny fiainana.

Dingana efatra lehibe no narahina nanatontosana ny asa. Natomboka tamin'ny fanangonana ny loharanon-kevitra mikasika ny lohahevitra izany; notohizana tamin'ny fidinana teny an-toerana nanadihadiana ny zava-misy sy ny fandravonana ny vaovao rehetra azo ary nofaranana tamin'ny fandrafetana ny boky.

Nampiharina ny haitsikera ara-drafitra izay mifantoka amin'ny fandinihana ny singa tsirairay mandrafitra ny tontolo iray. Notovanana haitsikera ara-pielezana izany: haitsikera mandinika ny fiparitahan'ny kolontsaina. Mifameno ny mpandray anjara sy ny fitaovana ampiasaina mandritra ny “mivoaka itany”. Ahatarafana ny finoana ny Zanahary sy ny Razana ary ny hasin'ny zavaboary ny fihetsika tanterahina. Mitaona ny olona mifanerasera aminy hanaraka ny fomban-drazana ny fahitana ny mponin'Antanifotsy manatanteraka ny famoahan-jaza.

Narafitra tao anaty fizarana telo lehibe ny asa. Nasongadina tao amin'ny fizarana voalohany ny fampahafantarana ny mombamomba an'Antanifotsy. Navoitra tao amin'ny fizarana manaraka ny fandokoana ny lanonana sy ny fanakaran-kevitra. Niompanan'ny fizarana fahatelo farany ny fandinihana ny voka-tsoa azo avy amin'ny fanatanterahana ny mivoaka itany sy ny lesoka ilana fanarenana ary ny tolo-kevitra hanatsarana ny hoaviny.

RESUME

L'enfant dépend de ses parents. La population d'Antanifotsy adore la progéniture si bien qu'elle pratique le famoahan-jaza. Cette recherche intitulée "***Ny endrika isehoana sy ny hevitra mitondra ny mivoaka itany - Antanifotsy Vakinankaratra***" consiste à étudier le sens profond de cette pratique malgache.

Il a été démontré dans ce travail que le mivoaka itany est la bénédiction pour l'enfant en vue de bonne santé, d'accumulation de richesse et de longévité. Cette bénédiction au cours de son premier contact avec son environnement garantit à l'enfant un avenir prospère tant physique, mental, que spirituel. Cette coutume concorde au programme de l'Etat visant le développement national et la valeur de l'enfant en dignité humaine. Pourtant la culture malagasy tend à perdre de pratique, actuellement, à cause de l'invasion culturelle étrangère et de la cherté de la vie.

Nous avons appliqué le Structuralisme analysant les divers éléments du système et le Diffusionnisme étudiant la diffusion en périphéries de la culture. Les acteurs du « mivoaka itany » et les matériels qu'ils utilisent sont complémentaires. L'ensemble reflète la croyance au Zanahary (créateur), au Razana (ancêtres) et à la puissance du Zavaboary (nature). La pratique du famoahan-jaza à Antanifotsy incite les Malgaches à vivre leurs coutumes.

Quatre étapes ont été suivies pour réaliser ce travail : la documentation sur le thème, puis les visites d'enquête sur les lieux, et enfin, la confection de l'ouvrage.

Notre travail est construit en trois grandes parties : d'abord, la présentation monographique de la ville d'Antanifotsy ; ensuite, la description intégrale de la cérémonie suivie de la synthèse des informations et, enfin, l'évaluation suivie de suggestions d'amélioration de cette pratique.

ABSTRACT

Children depend totally on their parents. The people of Antanifotsy love so much their children. They practice the famoahan-jaza to express and prove their love to them. Our work entitled “*Ny endrika isehoana sy ny hevitra mitondra ny mivoaka itany - Antanifotsy Vakinankaratra*” is especially focused on the accurate understanding of this traditional usage.


The present research displays the famoahan-jaza is a way to bless the offspring: wishing they are in good health, full of richness and they have long life. Blessing the earliest childhood of the progeniture from their first contact with their surroundings is indispensable for it underwrites their flourishing physical, intellectual and spiritual development. This custom is consistent with the government’s program for it endeavours to the whole development and to revalorize all the children’s rights. Still, the Malagasy culture becomes less and less observed because of the foreign cultures invasion and life hardship.

We performed the research following four steps: in the first step, we gathered documents that deal with this theme; on the second step, we went to Antanifotsy for a raid, then and the last step is the writing of the book.

To realize our work, we combined Structuralism which consists in examining every element that constitute a system and Diffusionnism that surveys the culture spread from the focus. The participants in the mivoaka itany and the tools they use are complementary. They reveal both people’s belief in Zanahary (Creator), in Razana (Ancestors) and in the value of the whole creature. Practising the famoahan-jaza incites the Malagasy people to put up with their customs.

The present piece of work is divided in three parts: the first part presents the Antanifotsy town monograph; the second part describes the ceremony from the preparations to the fulfilment and the last part handles the assessment (the benefits and the drawbacks) of the mivoaka itany observance and the convenient solutions.


Sarintany 1 : ireo Faritra 22 mandrafitra an'i Madagasikara



- | | | |
|----------------------------|----------------------------|---------------------------------|
| 1 : Diana | 9 : Atsinanana | 16 : Matsiatra Ambony |
| 2 : Sava | 10 : Bongolava | 17 : Vatovavy Fitovinany |
| 3 : Sofia | 11 : Analamanga | 18 : Atsimo Andrefana |
| 4 : Boeny | 12 : Itasy | 19 : Ihorombe |
| 5 : Analanjirofo | 13 : Vakinankaratra | 20 : Anosy |
| 6 : Melaky | 14 : Menabe | 21 : Atsimo Atsinanana |
| 7 : Betsiboka | 15 : Amoron'i Mania | 22 : Androy |
| 8 : Alaotra-Mangoro | | |


Loharano : ny mpikaroka

Sarintany 2: ireo Distrika mandrafitra ny Faritra Vakinankaratra




Loharano : ny mpikaroka

Sarintany 3 : ireo Kaominina mandrafitra ny Distrikan'Antanifotsy



Loharano : ny mpikaroka

Sarintany 4 : ireo Fokontany mandrafitra ny Kaominina Antanifotsy



1	Tsaratanàna	21	Mahatsinjo Centre	41	Morarano IV
2	Mananitra	22	Masimpieferana	42	Ambatomaintikely
3	Sarodroa	23	Anosilehibe	43	Ambalavao
4	Ianaborona	24	Ankazondrano	44	Morarano III
5	Ankararana	25	Mananetivohitra	45	Mahalavolona
6	Tokotanitsara	26	Ambilona I	46	Ambodiriana Atsinanana
7	Saonjorano	27	Soamanandrarinny	47	Ambatomiankina Nord
8	Ambatoboka	28	Andohafarihy	48	Antanambao
9	Ambohimanatrika	29	Antanety I	49	Andriantsilahy
10	Ambaniandrefana	30	Andohavary	50	Morarano Ambatobe
11	Ambatoharanana	31	Antsahamaina	51	Morarano Ouest
12	Bemasoandro	32	Antanifotsy	52	Ambatovaventy Ouest
13	Antemotra	33	Antanety Nord	53	Ambatovaventy Est
14	Fierenana	34	Antobiniaro	54	Anosimboahangy
15	Tsarafara	35	Antsahondra Est	55	Andohariana
16	Ambohijanaka	36	Sahavato centre	56	Antanetilava
17	Ambatolampy	37	Sahavato Ouest	57	Bepaiso
18	Andranomalaza	38	Andrefaniala	58	Anondrilahy
19	Antanety	39	Antsevakely	59	Angavo Est
20	Andrefaniala	40	Antaninkatsaka		

Loharano : ny mpikaroka

FAMPIDIRANA

Siantsa iray andinihana ny saina sy vatan'olombelona ny haiolona. Misampana ho seha-pandinihana samihafa izany ka mety hiompana amin'ny fanadihadiana tantaram-piarahamonina: loharano nipoirany, toerana niaviany ary ny nahatonga ny anarany; mety hifantoka amin'ny fandalinana rafi-piarahamonina : ambaratongan-drafitra, anjara asan'ny singa tsirairay mandrafitra azy ary ny fifandraisan'ireo singa ireo; mety hifototra amin'ny fanadihadiana fivavahana: tantarany, fototra iorenany ary ny fivoarany araka ny sehatra sy ny fotoana; mety hirona amin'ny fandinihana fihariana: akora trandrahina, olona mihary, tetika sy fitaovana ampiasaina; ary mety hamakafaka fomba amam-panao koa.

Mifandray amin'ny tontolo manodidina azy ny olombelona ary miaina ao anaty fiarahamonina ka mamorona kolontsaina iraisana. Mivoatra araka ny sehatra sy ny fotoana ny kolontsaina. Anisan'izany ireo fomba amam-panao tanterahina amin'ny zaza. Koa nahasarika anay ny fidirana amin'ny fanadihadiana ny lohahevitra hoe: ***“Ny endrika isehoana sy ny hevitra mitondra ny mivoaka itany - Antanifotsy Vakinankaratra”***. Heverina fa sehatry ny haiolona ara-piarahamonina sy ara-pomba amam-panao ny asa fikarohana satria mamakafaka fomba fitana fanaon'ny fiarahamonina.

Nofidina ho seha-pandinihana Antanifotsy satria akaiky an'Antananarivo, 113 km monja miala ny renivohitr'i Madagasikara, lalana vita ao anatin'ny adiny roa eo ho eo. Nahaliana anay tamin'ity toerana ity koa ny fahafantarana olona maro ao: olon-tsotra, mpiandraikitra sekolim-panjakana sy sekolim-pinoana, mpitondra fivavahana, mpitondra fanjakana, mpanandro, reninjaza...

Sangany amin'ny fihazonana ny fomban-drazana ny Faritra Vakinankaratra ary lohalaharana amin'izany Antanifotsy ka inoana fa mora ahitana ny marina mikasika ny kolontsaina malagasy ao.

Singa mandrafitra ny fiarahamonina ny zaza sy ny olon-dehibe. Aompana amin'ny zaza ny asa fikarohana satria antoky ny hoavin'ny fiarahamonina sy ny firenena izy. Mifandray amin'ny olombelona sy ny tontolo manodidina azy, ary ireo hery tsy hita maso ny zaza. Mila ny fikolokoloan'ny ankohonany sy ny fianakaviany ary ny mpiara-monina aminy izy mba hahatontosany ny adidiny rahatrizay. Anisan'ny endriky ny famolavolana azy ny famoahan-jaza satria manefy azy hahafolaka ny tontolo sy ho tafiditra ao anatin'ny fiarahamonina ary hankasitrahana'ny Razana.

Nanaitra anay manokana ny mivoaka itany noho izy fitana voalohany tanterahina amin'ny olombelona sady manome lanja ny zaza. Mamaritra ny fiafaran'ny fiainan'ny zaza ety an-tany ny fanatanterahana ity riba malagasy ity. Fomba malagasy tsy fahita firy intsony manerana ny Nosy izany. Tsy fantatry ny ankabetsahan'ny Malagasy ankehitriny ny famaritana azy sy ny lanjany. Mbola arahina antsakany sy andavany ao Antanifotsy ity fomba amam-panao ity. Tanjona amin'izao asa fikarohana izao ny hampahafantatra ny hevitra raketin'ny mivoaka itany sy ny hamerina ny hasin'ny zaza ka hampivelatra azy eo amin'ny fiarahamonina ary ny hisarika ny mpiray tanindrazana hihazona hatrany ny famoahan-jaza malagasy.

Notrandrahina ny asa soratr'i Cousins¹ izay nanasongadina fa fihaonan'ny zaza malagasy voalohany amin'ny manodidina azy sady firariana azy hanan-karena sy ho olo-marina ny mivoaka itany.

Nandalina mikasika ny fivoahan'ny zaza betsileo voalohany Rainihifina. Nambarany fa entina mankany an-tokontany manatitra ny fianakaviana avy namangy ny tera-bao ny zaza amin'ny fotoana fizaham-pifana. Fitondrana azy mivoaka voalohany izany.

Nandinika ny fomba fanao amin'ny fiterahana ho an'ny mponina antakay koa i Ndemahasoa ary nilaza fa aterina any amin-dray aman-dreniny ny vehivavy avy niteraka ka angatahina any indray rehefa afaka herinandro vao mody any amin-dRalehilahy ny ren'y sy ny zaza. Fitondrana ny zaza antakay mivoaka voalohany izany.

Nanohy ny asa fikarohana mikasika ny fomba amam-panao ao Antanifotsy Raharimalala Nicollette². Avoitrany ny lanjan'ny ody havandra eo amin'ny sehatry ny fambolena sy eo amin'ny fiarahamonina.

Nanadihady ny sehatry ny fanabeazana ny ankizy sy ny tanora ao Antanifotsy koa Rasolofomanana Voahirana³. Asongadiny fa miara-miasa amin'ny fikolokoloana sy fanabeazana ny zaza ny ray aman-drenin'ny mpianatra sy ny mpampianatra ary ny mpandraharaha ao amin'ny lisea Antanifotsy.

Tsy tanterahina any amin'ny tanàna hafa ankoatra an'Antanifotsy sy ny manodidina azy intsony ny famoahan-jaza. Vitsy dia vitsy ny tahirin-kevitra mikasika azy. Mipetraka àry ny fanontanianana manao hoe: Inona tokoa moa ny mivoaka itany? Ahoana ny fanatanterahana azy? Inona no anjara toeran'ny zaza ao anatin'ny lanonana? Tena fomba amam-panao malagasy ve izany? Fanoitra sa sakana ho amin'ny fampandrosoana ny firenena ny famoahan-jaza? Nahoana no eo an-dalam-pahafatesana izy ankehitriny? Inona no vahaolana hahombiazany tanteraka?

Nanampy anay hahatakatra ny valim-panontanianana ny asa soratr'ireo zoky mpialoha lalana. Hiezaka hamakafaka ny antsipiriany mivoaka itany ao Antanifotsy kosa izahay mba handresena lahatra ny olona hankalaza izany hatrany.

Miharihary ny tsy fitovian-tsaranga eto amin'ny firenena. Miparitaka ny fivavahana vahiny indrindra ny fivavahana kristiana. Aroso ireto petrakevitra heverina fa hamahana ny olana mipetraka ireto: ilaina ny fampahafantarana ity kolontsaina ity amin'ny antsipiriany raha tsy tiana hijanona ho fahafantarana sy fahalalana tapany fotsiny ihany ny voka-pikarohana. Azo atao tsara ny manatanteraka ny mivoaka itany araka ny fari-piainan'ny tsirairay: ny manan-katao mankalaza azy amin'ny fomba manetriketrika, ny sahirankirana manao izany an-kalalahana sy amin'ny fomba tsotsotra. Tsy tokony hatao sakana amin'ny fankalazana ny lanonana koa ny fombam-pivavahana hafa arahin'ny mponina ankoatra ny nentin-drazana.

¹ COUSINS, 1963, *Fomba malagasy*, Trano Printy Imarivolanitra, Antananarivo

² RAHARIMALALA Nicolette, 2014, *Ody havandra ao Antanifotsy: aro voly any an-tsaha, aro fiarahamonina any an-tanàna*, Mémoire de maîtrise, FLSH

³ RASOLOFOMANANA Voahirana, 2014, *Ny fampianarana ny taranja Malagasy ao amin'ny Lisea Antanifotsy tao anatin'ny efa-taona farany sy ny tolo-kevitra ho fanatsarana izany*, Mémoire de maîtrise, FLSH

Nofidina handrindrana ny asa fikarohana ny fampivadiana ny haitsikera ara-drafitra na “Structuralisme”⁴ sy ny haitsikera mifototra amin’ny fiparitahan’ny kolontsaina na “Diffusionnisme”.

Fironan-tsaina nampiharina i Strauss, miompana amin’ny fandinihana ny singa rehetra mandrafitra ny tontolo iray, ny haitsikera ara-drafitra. Mitovy lanja avokoa ireo singa ireo araka ity mpandinika ity, tsy misy ambony sy ambany, ary mifameno.

Loharano nipoiran’ny haitsikera mifototra amin’ny fanapariahana i Adolf Bastian sy i Edward Tylor. Ambaran’izy ireo fa saika nalaina tahaka tamin’ny fiarahamonina ifaneraserana, fa tsy noforonina, ny ankabetsahan’ny kolontsaina ankehitriny. Miavaka, araka izany, ny loharano niavian’ny kolontsaina sy ireo sehatra nielezany.

Tontolo iray ivondronana singa telo ny mivoaka itany: olona, fitaovana ary fihetsika. Mandringa ny lanonana raha tsy eo ny iray amin’ireo singa ireo. Tanjon’ny mponina ao Antanifotsy ny hanapariaka ny famoahan-jaza any amin’ny fiarahamonina hafa. Vokany, mankalaza izany ny mponina ao Betafo sy ny Betsileo. Manatanteraka izany koa ireo karazam-pivavahana hafa eto amin’ny Nosy. Avoitra ao amin’ny famoronan-dahatsoratra ny endrika isehoan’ny mivoaka itany any amin’ny Faritra hafa sy araka ny fomba fanaon’ireo fivavahana nentin’ny vahiny teto amintsika.

Nanaraka dingana maty paika izahay mba hampirindra ny fanadihadiana. Nangonina ny akora ka novakina ny bokin’ireo mpialoha lalana sy ny boky mamahavaha ny fironan-tsaina. Niompanana ny tahirin-kevitra isan-karazany mifandray amin’ny seha-pikarohana. Notrandrahina ny tranonkala. Nidina tany an-toerana izahay namakafaka ny zava-misy. Farany, noraketina antsoratra ny voka-pikarohana.

Olona nosedraina nandritra ny fanatanterahana ny fanadihadiana ny tsy fisian’ny vanim-potoana voafetra ankalazana ny lanonana. Matetika tsy tao an-toerana ny olona nandrandraina hampiomana ho amin’ny fanatrehana izany, hany ka tratra aoriana hatrany izahay tany am-piandohana. Taty aoriana, niandriandry andro vitsivitsy tao an-toerana mialoha ny famoahan-jaza. Nampananosarotra ny asa fikarohana koa ny fahavitsian’ny torohay miresaka ny lohahevitra dinihina. Tsy natao sakana anefa izany rehetra izany fa neza hana novahana ka tontosa ny asa fikarohana.

Arafitra ao anaty fizarana telo lehibe ny boky. Aompana amin’ny fampahafantarana ny sehatra sy ny akora ny fizarana voalohany. Asongadina amin’izany ny fanazavana ny toerana niasana sy ny fironan-tsaina nampiharina ary ny fomba fiasa narahina. Afantoka amin’ny fandokoana ny lanonana ny fizarana faharoa. Halalinina ao ny fizotry ny lanonana, ny fanakaran-kevitra ary ny fampitahana. Amakafakana ny tombana sy anolorana ny tolo-kevitra hanatsarana ny hoavin’ny famoahan-jaza kosa ny fizarana fahatelo. Avoitra amin’izany ireo lafin-javatra heverina fa nahomby sy ireo lesoka ilana fanarenana ary ny vahaolana araka ny fahitana ny hoaviny.

⁴ STRAUSS (L), 1958, *Anthropologie Structurale* : “La notion de structure en Ethnologie”, Plon, Paris.

FIZARANA VOALOHANY:

MOMBAMOMBA NY SEHATRA SY NY AKORA

FIZARANA VOALOHANY: MOMBAMOMBA NY SEHATRA SY NY AKORA

1.1. Mombamomba ny toerana

Ara-tantara, nantsoina hoe “Andasimbolamena” Antanifotsy taloha satria toerana nahitana volamena betsaka tany. Nivelona tamin’ny fihadiana volamena ny ankabetsahan’ny mponina tamin’izany. Nahitana tany fotsy anefa teo akaikin’ Andasimbolamena. Nanjary nahazatra ny olona mandraka ankehitriny ny nanonona hoe “Antanifotsy” noho ny hoe “Andasimbolamena”. Mbola ampiasain’ny olona ao an-toerana amin’ny fandokoana trano ny tany fotsy.

1.1.1. Jeografian’Antanifotsy

Toerana miavaka Antanifotsy noho ny fiiziany ara-jeôgrafia.

1.1.1.1. Toerana misy azy

Distrika iray ao anatin’ny Faritra Vakinankaratra Antanifotsy. 113km atsimon’ny Renivohitr’i Madagasikara, 66km miala an’Antsirabe Renivohi-paritr’i Vakinankaratra, 3km miala an’Ilempona Gara, lalovan’ny lalam-pirenena fahafito (RN7) no misy azy. Voafaritry ny Kaominina Ambanivohitr’Ampitatafika izy ao avaratra, Mandrosohasina ao andrefana, Ambatolahy sy Andranofito ao atsimo ary Ambatomiady ao atsinanana. Ambanivohitra ity toerana ity na dia tsy dia lavitra an’Antananarivo aza.

Kaominina Ambanivohitra ahitana Fokontany betsaka indrindra eto amin’ny Nosy izy satria miisa 59 ny Fokontany ao. Mirefy 327km² ny velaran-taniny.

1.1.1.2. Endriky ny tanàna

Miorina eo amin’ny tangorombohitra’Ankaratra ny tanàna. Eo anelanelan’ny 1300m hatramin’ny 1800m ny haavony miala amin’ny ranomasina. Ahitana tendrombohitra ao amin’ny Fokontany avaratra⁵. Toerana voatokana hihaonana amin’ny Razana ireny. Maherin’ny antsasaky ny velaran-taniny ny lohasaha sy havoana: ny ao andrefana, atsimo andrefana, atsimo ary atsimo atsinana. Lemaka andalovan’ny reniranon’Andranopapango, Ampahazana, Ampaibato, Andranokely, Sahatsaka, Sahavato ary Ilempona ny ao avaratra sy afovoany. Mivarina ao amin’ny reniranon’i Onive ireo rehetra ireo. Ampiasaina akana ranomahery anondrahana ny ferin-jaza ny renirano amin’ny famorana.

Isan’ny mahatsara ny fambolena izany ka mahasarika ny olona honina ao an -toerana. Manimba azy ihany koa anefa izany noho ny fahatondrahany saiky isan-taona mandritra ny fahavaratra. 25% hatramin’ny 90%, ary mahatratra 95% aza indraindray, ny fahasimbana ateraky ny tondradrano any amin’ny Fokontany sasantsasany toa an’Andranopapango, Ampahazana, Ampaibato, Andranokely, Sahatsaka, Sahavato ary Ilempona. Azo iafiana, araka izany ny fepetra voajanahary ao Antanifotsy. Mahavokatra ny tany ka manome vahana ny mponina hifototra amin’ny fihariana nentim-paharazana.

5- Sarodroa, Tsaratanàna, Ambatoboka, Saonjorano, Ambohimanantrika, Ambatoharanana, Tokotanitsara

1.1.1.3. Tompon-tany ny ankabetsahan'ny mponina

Miisa 53 773 ny mponina ka mitsinjara ho 164 hab/km². Merina ny tompon-tany ao. 15% eo ho eo kosa ny mpiavy araka ny fanadihadiana natao tamina filoham-pokontany iray. Mpiasam-panjakana sy mpianatra mandranto fahalalana ny ankabetsahan'izy ireo ary saika Betsileo sy Betsimisaraka avokoa. Tsy mitangorona ao amin'ny tanàna iray izy ireo fa miparitaka any amin'ny Fokontany rehetra.

Manaraka ny fitsipika mifehy ny fiarahamonina ao an-toerana ny mpiavy: manatanteraka asam-pokonolona toy ny fanaovana andrimasom-pokonolona na ny fanarahana mpangalatra.

Fafana 1: fitsinjaran'ny mponina araka ny salan-taona

FITSINJARAN-TAONA	0 à 5	6 à 10	11 à 18	19 à 49	50 à 59	60 et +	TONTALY
LAHY	4654	4497	5570	7418	2893	2167	27199
VAVY	4485	4520	5408	7118	2865	2178	26574
TONTALY	9139	9017	10978	14536	5758	4345	53773

Loharano: monographie 2012 du District

Miisa 29 134 ary 54%-ny mponina ny ankizy sy tanora latsaky ny 18 taona izay mbola mila ny fiahian-dray aman-dreniny ary mizaka ny zon'ny ankizy.

1.1.2. Fandrindrana ny fiainan'ny mponina

Miantoka izay hahatsara ny fiainan-janany ny ray aman-dreny. Mamboly sy miompy avokoa ny 85% n'izy ireo. Tsy efan'ny herin'ny tenany anefa izany adidy izany ka miantoraka amin'ny hery hafa izy ireo.

1.1.2.1. Foto-pivelomana nentim-paharazana

Miantoka ny fiainana andavanandron'ny tantsaha ny fambolena izay tena mampiavaka ny tontolo ambanivohitra. Mibahan-toerana ny fambolena vary ao Antanifotsy.

Foto-tsakafo sady tolotra avy amin'Andriamanitra ny vary ka tena imasoan'ny mponina ny fambolena azy. Rosoana izany ny mpanotrona isaky ny mankalaza lanonana anasana olona. Karakaraina fatratra izany mba ho tsara ny fararano: fantenana ny masomboly, sakanana ny havandra ary ampidirina ny voly vary maoderina. Vononina avokoa ny fitaovana rehetra ilaina.

Tokana ny fotoam-pambolena vary any Antanifotsy dia ny “vakiambiaty”: fotoana mahavaky vony ilay zavamaniry antsoina hoe: “ambiaty”. Mamafy ketsa ny olona manomboka ny volana septambra hatramin'ny oktobra fiakaran'ny vanim-potoanan'ny main-tany. Fanetsana ny volana novambra, fotoana iavian'ny orana. Fijinjana ny vokatry ny volana aprily na may, izay fiatombohan'ny vanim-potoanan'ny ririnina.

Ialohavan'ny fanamboarana taninketsa ny fafy ketsa. Miankina amin'io ny fahafantarana ny vary tokony ho ampy ny tanimbary hoketsaina. Asaina ny taninketsa ka ampidirana rano. Afafy ny vary akotry efa voafantina sy nalon-drano nandritra ny telo andro. Mandritra izany miantso an'Andriamanitra sy ny razana ny mpamafy ka mivavaka hoe:

“Hamafy ny voa izahay ka miantso anao mba hiantoka amin'ny fahatsaran'ny vokatra amin'izay manimba ny taninketsa sy hiaro ny rivotra sy ny havandra mba ho tsara ny vokatra!”

Tanterahina iray andro mialoha ny fotoana hanetsana ny fanosena tanimbary. Indramana omby sy olona izany. Asaina mihosy eny an-tanimbary ny ombilahy. Rehefa malemy ny tanimbary, aravon'ny lehilahy amin'ny angady mba hampitovy tantana ny rano sy mba tsy hanahirana ny mpanetsa.

Asa makadiry indrindra amin'ny fambolem-bary ny fanetsana satria tokony ho vita indray andro izany mba hampiaraka tsara ny fanirin'ny vary. Jerena any amin'ny mpanandro ny andro tsara hanetsana ndrao hisy orana ka handena ny mpanetsa. Tonga amin'ny fotoana voatondro hanetsana avokoa ny mpiara-monina sy ny fianakaviana akaiky toerana: ny vaviantitra reradreraka misorona afo, ny mbola mavitrika miavo-ketsa, ny vehivavy matanjaka sy ny tovovavy manetsa, ny ankizy manatanteraka irakiraka, ary ny lehilahy mandravona ny bainga.

Arahi-maso ny rano mba tsy handifotra ny vary na hahamaina ny tanimbary. Tampenana ny vavarano ahiana hampiditra na hamoaka izany. Ny volana desambra, avaina indroa na intelo ny vary mba hanalana ny ahi-dratsy.

Fotoam-pijinjana ny vary ny volana aprily sy may. Antsoina ny havana sy ny mpiray tanàna hanampy amin'ny tao vary. Ifampizarana ny andraikitra ka ny lehilahy matanjaka mijinja, ny vehivavy kosa mifehy ary ny ankizy mitaona azy mankeny am-pamoloana.

Asa ilana hery sy tanjaka ny mively vary ka natokana ho an'ny lehilahy. Anjaran'ny vehivavy kosa ny mikarakara ny voam-bary, manahy sy mikororoka azy.

Tsy fahita firy any Antanifotsy ny lavabary fitehirizam-bokatra. Atokana amin'ny toerana hafa ny varin-ketsa mba tsy hifangaro amin'ny vary natokana hohanina. Saro-pady izany noho izy tsy avela ho tratry ny rano sady arovana tsy hohanin'ny bibikely mpanimba azy. Misaotra an'Andriamanitra ny mpamboly rehefa mampirina ny vokatra satria voasakana ny havandra izay fahavalon'ny vary ka toy izao ny tonom-bavany:

“Sambasamba!

Noho ny vary izay atao amin'ny trano fitehirizam-bary

Tamin'ny famafazana ny voa

dia efa niaro ny rivotra sy ny havandra ianao!”

Karazana voly vary maoderina ny fambolena vary maro anaka izay ilana fikarakarana sy fanarahamaso tsara ny rano manomboka amin'ny famafazana vary mandra-pahavokatra izany. Tsy avela ho difotry ny rano na ho ritra ny tanimbary mba tsy hanimba ny vokatra.

Fomba fanetsana vaovao ny voly vary manara-tsipika: mila fanaraha-maso ny rano, ary tsy dia mandany ketsa ny fanaovana azy. Asiana elanelana ny foto-bary mba hisy hitomboany ary hanamora ny fiavana azy.

Fomba fanetsana efa nahazatra ny mponina hatramin'izay kosa ny voly vary saritaka. Raha ny fanazavan'ny mponina, betsaka kokoa ny ketsa lany noho ny amin'ny voly vary manara-tsipika. Mila olona maromaro koa ny fanetsana sy ny fiavana azy.

Fototr'aina ny vary. Betsaka ny fahavalony ka lehibe indrindra amin'izany ny havandra. Antsoina ireo hery tsy hita maso hanakana izany.

Tompon'andraikitra amin'ny asa fiveloman'ny mponina ny mpitana ody havandra. Rehefa migadona ny fahavaratra, mangata-pitahiana eny an-tendrombohitra izy ka manao hoe:

“Mivavaka amina izahay Andriamanitra Andriananahary, mba arovy izay ratsy hahafaty ny zana-bahoaka, fa tsy misy toky sy herinay, fa ianao Andriamanitra Andriananahary no tokinay sy herinay”

Aorian'izany, mitondra tapa-kazo, toy ny “tsitoavina” sy “mandravasarotra” ary “kelimanendilanitra”, any amin'ny mpimasy izy mba hohamasinina. Rehefa tonga any an-trano, atsonika amin'ny afon-dabozia ny trafon-kena ka atete eo ambonin'ny tapa-kazo. Araraka indray ny tantely rehefa levona tanteraka izany.

Toy izao ny vavaka ataony ao an-trano:

“Masina Andriananahary, Masina ny tany rehetra. Arovy amin'ny fahavalo ny fambolena sy ny zavaboary rehetra”.

Avoaka eny an-davarangana amin'izay ny ody havandra. Ilazana ampahibemaso ny fokonolona fa manomboka ny aro voly.

Isaky ny misy rahon-dratsy, mivoaka eny an-tokontany ny mpitana ody havandra ka mitondra fanoto, angady mondoro, famaky ary voro-tsihy. Fitaovana fampiasa amin'ny fambolena ireo. Fidina izay tsy tomombana mba tsy hanan-kery amin'ny voly koa ny havandra. Atsatony eo andrefan-trano, eo akaikin'ny afo ireo ka atodiny amin'izay misy ny rahon-dratsy. Ny olona sisa kosa mivoaka eny an-davarangana na eny am-baravarankely ka mihorakoraka hoe: *“maitso ny voly, maitso ny saha, levony ho zavona, levony ho erika, any amin'ny tany tsy misy vary.”*

Raha sanatria tsy voatohitra ny havandra, mitsako vaingan-tsira ny mpitana ody havandra ka afafiny manandrify ny rahon-dratsy miaraka amin'ny lavenona izany. Miaraka amin'izay, atsipiny ny ambonin'akanjony ka arahiny teny hoe: *“levony ho erika, levony ho zavona “atolaho mankary, atolaho mankary”.*

Fihetsika fady mandritra ny fahavaratra ny manihika, mitsimpona tain'omby, manapoaka vato ary manarina tany. Tsy azo atao koa ny mihinana tongolo gasy, anantsinahy, sorohitra, ravin-tsaonjo ary ravim-boatavo.

Tsy mahavita taona ny voka-bary any Antanifotsy ka mamboly zavatra hafa azo atao solom-bary ny olona; ifotorany ny fambolena katsaka. Fihinana amin'ny antoandro izany na totoina atao koba ka asolo vary amin'ny hariva. Mifanindran-dalana amin'ny fotoam-pihavian'ny orana ny fambolena katsaka: eo anelanelan'ny volana novambra hatramin'ny janoary. Amin'ny ankapobeny, ambolena eny an-tsisimorona sy eny an-tanety izany.

Mandrakotra ny tanimboly ao Antanifotsy koa ny vomanga, noho izy vetivety dia ahazoana vokatra. Mety amin'ny vanim-potoana rehetra ny vomanga. Ataon'ny mponina sakafo amin'ny antoandro ny vodiny na omena ireo mpanao raharaha ho solon-karama, ny raviny azo atao laoka, ny tahony azo ambolena. Misy ny voly aloha izay atao ny volana novambra sy desambra. Ny volana febroary hatramin'ny aprily kosa ny voly aoriana.

Manomboka amin'ny fiandohan'ny volana may hatramin'ny jolay ny fotoam-pambolena mangahazo noho izy tsy mahazaka rano. Vanim-potoana mangatsiaka izany sady tsy misy orana. Asaina aloha ny tany vao ambolena ny mangahazo ary avaina indray mandeha ny voly mandra-piakatry ny vokatra. Manampy ny mponina ity vokatra ity: ny raviny totoina atao laoka, ny tahony ambolena, ny vodiny hadiana atao fanampin-tsakafo na amidy avadika vola. .

Ataon'ny olona fanampin-tsakafo ihany koa ny saonjo. Herintaona ny faharetan'ny fambolena vao ahazoana vokatra. Fotoana fanatanterahana izany ny vanim-potoanan'ny ririnina (jona - aogositra). Azo atao eny an-tanety izany na any an-tsaha saingy lo izy raha tratry ny rano.

Mibahan-toerana ny voly ovy izay mampalaza ny Vakinankaratra. Azo atao eny an-tanety ity voly ity sady azo atao eny an-tanimbary na any an-tsisimorona koa. Fanaon'ny olona laoka ny ovy, azo ampiarahina amin'ny haninkotrana koa anefa ka atao solon'ny vary. Ambolen'ny olona indroa ao anatin'ny taona izany. Voalohany, ny fambolena eny an-tsisimorona na eny an-tanety izay manomboka ny volana may ka hatramin'ny jona. Atao eny an-tanimbary kosa ny voly faharoa rehefa miala ny vary ka maina tsara ny tanimbary. Tanterahina eo ho eo amin'ny fisasahan'ny volana jolay hatramin'ny aogositra izany.

Ankoatra ireo, mamboly karaoty, laisoa, anana, voankazo ary voamaina koa ny mponina saingy fanampim-pivelomana fotsiny sisa ireny.

Fomba fanao hiarovana ny voly ny “kalo”. Ody apetraka any an-tanimboly mba hisakanana na hamaizana ny mpangalatra izany. Ny “tsy zaka bataina” mahatonga ny vokatra havesatra, ny “be tenda” maha be tenda izay mikasa hangala-pihinana.

Ankoatra ny fambolena, foto-pivelomana koa ny fiompiana. Mahavantana ny mponina ny fiompiana omby. Fitaovana fampitana ny olombelona avy amin'ny fahazazana mankany amin'ny sehatra maha olon-dehibe sy ny olon-dehibe mankany amin'ny tontolon'ny Razana ny omby. Maneho ny fari-pananana ambony amin'ny Malagasy koa izy satria lafo vidy ka azo ametrhana vola tsara. Ny faritra sasany eto amin'ny Nosy aza, mampiasa fomba maro hiarovana azy amin'ny mpangalatra toy ny famaton'omby na ny fiaro.

Manala fahasahiranana ny omby. Azo avadika ho vola ny ronono azo avy amin'ny omby vavy. Ankehitriny tsy sahirana intsony ny olona mitady toerana hanaterana ny vokatra fa efa maka izany

isan-tokatrano ny mpanangom-bokatra. Tsy miandry faran'ny volana vao raisina ny vola fa isaky ny faran'ny herinandro. Mamadi-bainga sy mihosy tanimbary koa ny omby.

Vonoin'ny mponina ao Antanifotsy izany ka iarahana mihinana amin'ny olona nasaina sy ny mpianakavy amin'ny vanim-potoana lehibe toy ny famadihana. Miezaka mikarakara ny omby ny topony, anisan'ny manaporofa izany ny fiandrasana azy sy ny fambolena vilona hanampiana ny sakafony. Atao eny an-tsisin'ny tanimboly ny vilon-katsaka mba hisy halaina amin'ny vanim-potoanan'ny maintany, ny “avoanina” kosa anokanana tanimboly hafa. Anamboarana fonenana manokana tsy lavitra ny toeram-ponenan'ny olona izy.

Mamaly ny filan'ny mponina ao an-toerana ny fiompiana akoho. Any ambany rihana na ao andakozia no toerana ametravana azy amin'ny alina mba hiarovana azy amin'ny mpangalatra. Mora karakaraina ary tsy andaniana fotoana ny fiompiana akoho amam-borona satria haniny avokoa ny poti-kani-masaka rehetra ka tsy manahirana ny mitady ny sakafony. Mari-panajana sy fanomezam-boninahitra faran'izay kely indrindra ny famonoana akoho rehefa misy vahiny.

Amonoana akoho ny reny tera-bao na ny marary mba hampody aina azy ireny. Atolotra ho an'ireo ray aman-dreny ny vodiakoho rehefa tonga ny asaramanitra: ny taom-baovao sy ny fetim-pirenena ho mari-panajana ireo nahitana masoandro.

Amidy ny akoho ahazoana ireo kojakoja ilana vola maika toy ny saran-dalan'ny mpianatra, ny savony, ny fanafody... Fanao sorona mandritra ny fanasinana koa ny akoho ao Antanifotsy. Anisan'ny manampy amin'ny fidiram-bolan'ny olona ny fiompiana kisoa.

Ny kisoa indray vonoina amin'ny vanim-potoana miavaka toy ny fampakaram-bady sy ny famadihana. Noheverina fa biby maloto ny kisoa ka tsy mendrika akory ny fihinanana sy ny fikasihana azy. Niova izany foto-pisainana izany taty aoriana satria lavin'ireo mpino kristianina ankoatra ny mpino sabatista. Ambaran'izy ireo fa efa nodiovin'i Kristy avokoa ny zavatra rehetra. Aeliny izany foto-kevitra izany ka tafiditra eo amin'ny fiarahamonina sy ny tontolo ambanivohitra ary nahazo vahana ao Antanifotsy.

Fafana 1: ny fambolena

VOLY	TANY VOAVOLY (Ha)	VOKATRA (T)
Vary	3 917	11 734
Anana	77	874
Laisoa	98	1 272
Ovy	2 878	26 574
Karaoty	85	1 315
Voatabia	1175	110
Paiso	6	55
Paoma	7	75
Kaky	2,5	2,5
Tsaramaso	2146	4 739
Soja	458	544
Varimbazaha	40	54
Voanjo	2,5	5,5
Vomanga	1225	124
Saonjo	195	2275
Mangahazo	535	8 490

Loharano : monographie 2012 d'Antanifotsy

1.1.2.2. Fifandraisan'ny ray aman-dreny sy zanaka

Mifatotra ny ain'ny ray aman-dreny sy ny zanaka. Antsoina hoe: “Masoandro amam-bolana” na “Sinibe manga roa” ny ray aman-dreny. Miara-misalahy mamelona ny zanany izy mivady. Samy manatanteraka ny andraikitra tandrify azy avy izy ireo ao an-tokantrano.

Fiarahamonina momba ray ny ao Antanifotsy. Masi-mandidy amin'ny zanany sy ny fananany ny ray. Mampita ny fombany amin'ny taranaka mifandimby izy ray. Milevina ao amin'ny fasan-drazany ny zananilahy sy izay zananivavy tsy manambady. Eo amin'ny fandovana: mandova betsaka kokoa ny zanaka lahy ary solon-drainy rehefa tsy eo intsony izy.

Mamelona sy miaro ny ankohonany ny lehilahy satria loham-pianakaviana. Manatanteraka asa mafy sy adidy ivelan'ny tokantrano izy. Anisan'izany ny asa tany sy ny fiambenana tanàna ary fikarakarana taratasim-panjakana ilaina amin'ny tranga manokana toy ny sora-piankohonana raha vao teraka ny zaza.

Loharanon'aina sady ravaky ny tokantrano ny vehivavy na ny reny. Manampy amin'ny famelomana ankohonana amin'ny alalan'ny famokarana asa tanana toy ny zaitra izy ary. miandraikitra ny kenonkenona rehetra ao an-trano. Andraikiny ny fandrahoana sakafo, ny fampiriman-trano, ny sasa lamba ary indrindra ny fitaizana zaza.

Manan-danja manokana ny zaza na ny zanaka eo amin'ny fiarahamonina. Anarana fiantso azy koa ny hoe “sombin'ny aina”, “menaky ny aina”, “silaky ny aina”, “vahatry ny aina”, “singotry ny aina” koa izy. Solofo sy dimbin'ny ray aman-dreniny izy ary natao hamaly babena: hamahana rehefa antitra, hilanja sy hitomany rehefa maty. Irakiraka amin'ny raharaha ao an-tokantrano koa ny zaza: miantseña, manary fako, mitaiza ny zandriny.

Tia zanaka ny ray aman-dreny ao Antanifotsy. Mifarimbona izy mivady mikolokolo ny vatana sy saina amam-panahin'ny zanany. Ampianarina any an-tsekoly ny ankizy. Mahazo ny maripahaizana Baccalauréat ny ankabetsahany vao ajanona noho ny tsy fahafahan'izy ireo manohana ara-bola intsony. Ampahalalana an'Andriamanitra sy ny Razana koa izy ireo, tezaina hanaja ny tontolo iainana, zarina ny fomba malagasy, omena sakafo sy ampitafiana ary tsaboina raha sendra marary. Anisan'ny fomba inoany fa hahalavorary ny fiainan'ny zanany ny fanatanterahana famoahan-jaza na ny mivoaka itany ka tsy mikely soroka izy ireo manatanteraka ny lanonana. Tononina amin'izany ny firarian-tsoa rehetra ho an'ny zaza.

1.1.2.3. Fiheverana ny tontolo iainana

Mifanindran-dalana hatrany ny tontolo hita maso sy ny tontolo tsy hita maso. Inoana fa manana hery ambony noho ny an'olombelona ny tontolo manodidina azy. Masina ny tany onenana izay loharanon'ny foto-pivelomana sady iafaran'ny olona. Akana kely izany raha sendra hifindra monina lavitra ny tanàna ny mponina ao Antanifotsy. Fitahirin'ny mpitana ody havandra koa ny “tany masina”.

Masina ny renirano izay mpanondraka ny voly sy antoky ny fahadiovana isanandro ary fisotro mahavelona. Fakana ranomahery ireny rehefa hamora zaza.

Heverina fa manam-pahefana hanasoa sy hitondra loza ny biby sy ny zava-maniry ka miantraika amin'ny fiainan'ny olona ny fanajana na fanimbazimbana azy ireny. Fitaovana mampifandray ny

velona sy ny Razana ny omby ka hita hatrany isaky ny manatanteraka lanonam-pitana toy ny amin'ny famoahan-jaza. Fady ny mihinana sorohitra, anantsinahy, ravim-boatavo ary ravin-tsaonjo. Miteraka aretina saro-tsaboina ny fandikana fady ary tsy sitrana ny marary raha tsy manatona mpitsabo nentim-paharazana mba hiala fady.

1.1.3. Ambaratongan-drafitra eo amin'ny fiarahamonina

Mifehy ny fiarahamonina ao Antanifotsy ireo rafi-piarahamonina nentin-drazana sy rafi-piarahamonim-pivavahana ary ny rafi-pitondram-panjakana.

1.1.3.1. Fiarahamonim-pivavahana

Mahatsapa tsy fahafenoana ny olona ka manakatra hery hafa ivelan'ny tenany. Lolohavina antampon'ny loha ny Zanahary. Inoana fa nahary ny olona sy ny tontolo manodidina azy Izy. Tafiditra ny fivavahana kristiana. Mijoro ireo antokom-pinoana isan-karazany. To teny ireo mpitondra fivavahana.

Fafana 2: ireo fiangonana miorina ao an-toerana

NOM	NOMBRE D'EGLISES OU TEMPLES	NOMBRE DES CHRÉTIENS
ECAR	27	21 320
FJKM	03	770
ARA-PILAZANTSARA	02	190
TRANOZOZORO	04	1 418
RHEMA DE MADAGASCAR	01	322
LUTHERIEN MALAGASY (FLM)	04	12 000
ASSEMBLEE DE DIEU	01	25
PANTEKOTISTA MITAMBATRA	01	18
LUTHERIEN RENOVE (FLMN)	12	4 688
JESOSY MAMONJY	01	170
ADVENTISTE	04	105
APOKALYPSY	01	-
VAHAO NY OLOKO	01	-

Loharano: monographie 2012 d'Antanifotsy

Mirona any amin'ny Eglizy katôlika ny ankabetsahan'ny mponina noho ny fahalalahan'ny mpino ao manaraka ny fomban-drazana malagasy.

1.1.3.2. Fiarahamonina nentin-drazana

Mitohy ny fivavahan-drazana. Tsy takatry ny Ntaolo Andriamanitra fa ny Razana kosa azony ifandraisana. Olona efa maty ary nampidirina am-pasan-drazana ny Razana. Araka izany, afindra ao am-pasan-drazana ny havana nalevina tany an-tanin'olona mba ho anisan'ny Razana mitahy. Heverina fa mifandray amin'ny taranany hatrany izy ireo: mitsinjo ny velona: mitahy, mananatra ary manafay izay mandika ny teniny. Mametra ny fady sy mampahafantatra ny adidy tokony hotanterahina ny Razana. Lehibe indrindra amin'ireny ny famadihana azy. Antsoina izy ireo mandritra ny fanatanterahana ny fomba amam-panao. Taratra izany amin'ny fanatanterahana ny famoahan-jaza. Italahoana hitahy ny taranaka ireo ray aman-dreny efa maty.

To teny amin'ny mpiara-monina ny Zokiolona. Olona efa ela niainana izy ireny ka mahalala ny mahaso sy ny mampidi-doza. Mpanolo-tsaina sy mpanapaka hevitra eo amin'ny fiarahamonina izy ary inoana fa tsy hanolo-bato mafana ny mpiara-belona aminy.

Omen-kasina ny mpitana ny fomban-drazana. Olona voafidin'ny Razana manokana itoeran'ny fanahiny izy ireo ary mpanelanelana ny olombelona amin'ny Razana. Mampita ny hafatry ny Razana amin'ny taranaka izy ary koa mitondra ny fangatahan'ny olona ho any amin'ny Razana. Manana talenta tsara hanasoavany ny mpiara-belona aminy izy ireo.

Anisan'ireny ny mpanandro. Toeran'ny tany amin'ny ora sy fotoana nahaterahana ny vintana. Mahalala ny vintana mifandray amin'ny tononandron'ny olombelona tsirairay ny mpanandro. Andraikiny ny mandrindra ny fiainan'ny mpiara-monina hifanaraka amin'ny vintany avy. Manoro izay andro tsara hanatanterahana zava-dehibe eo amin'ny fiarahamonina izy mba hahombiazan'izany. Anatonana azy ny tao trano, ny fitokanana fasana, ny fanaovana aro voly, ny fanalana bozaka, ny famoahan-jaza, ny fanambadiana ary ny famadihana. Manarim-bintana koa izy ho an'ny olona ratsy vintana.

Manan-talenta manokana ny mpimasy na mpisikidy. Mpamantatra ny zava-miafina izy ireo, mahita ny lasa sy ny ho avy. Manoro izay hahatsara ny hoavy, mampahafantatra izay fady voadika na izay adidy tsy vita ka nitera-doza ary manambara ny fahavalo manisy ratsy koa izy. Mampiasa fanafody nentim-paharazana toy ny tapakazo sy ravin-kazo izy hanatanterahany ny asany. Ampitondrainy “tany masina” izay hila ravinahitra any an-tanin'olona mba hahita vola aman-karena any; omeny ravina zakarandà hievohana izay voan'ny gripa mahery; omeny mena-tsaka hihosorana izay folaka; ampisikininy haba mainty izay tandindomin-javatra ho fandroahana ny lolo.⁶

Mpitana fomban-drazana koa ny rainjaza sy reninjaza. Miandraikitra ny famorana ny zazalahy ny rainjaza. Mandidy ny lohatsitsy izy sady manao izay hahasitrana haingana ny fery ary manaramaso ny fivoaran'ny fahasalaman'ny zaza aorian'izany.

⁶- *fanahy ratsy mpisompatra*

Manara-maso ny ren'y bevoihoka ny renin-jaza ary koa mijery akaiky ny fiainan'ny zaza hatrany am-bohoka mandra-pahalehibeny. Ampifadiany akondro sy sakafo be menaka ny ren'y bevoihoka mba tsy hahalehibe loatra ny zaza ao an-kibo, amporisihiny hihinana vorivorinkena izy hampahafana ny kibony ary asainy misinkina lamba hatrany rehefa mipetraka mba tsy ho tratry ny lafika.⁷

Rabefarihy Jean noie teraka ny sabotsy 07 Janonina
Desambra 2013 Lamin'ny 3^ota antanimbao
lao andoharany I
Ray Razafimanahatona Honorine Teraka ny 24 Miasa
9870 Lao Antanimbohitry.
Reny Razafimanisoa Honorine Teraka ny 09 Novambra
1973 Lao Antanimbohitry.
Andoharany faha 10 Desambra 2013.
Ny Dipite Sefora an'Antanimbohitry :

KAFENOARISOA
Richard

ANBARANY PANAMPINNY Rabefarihy Jean noie
L.A.H.Y.
Zaza
Davy sy Isorana Imarahiana 07/12/2013. Lao Andoharany I kaog 3 avy va.
RAY : Ragi-finanahatona Honorine Teraka ny 24 Miasa 9870 Lao Antanimbohitry.
RENY : Ragi-finanahatona Honorine Teraka ny 09 Novambra 1973 Lao Antanimbohitry.
Eretrika : Andoharany I
Tsy VITA SOKA TRA
Filazanam-pahaterahana
Nampitombo : Rasoa-avivava Alankarana
Nampitombo : Ragi-finanahatona Honorine
Nana fanambaran : Ragi-finanahatona Honorine
Ny Dipite Sefora an'Antanimbohitry :

Andoharany faha 10 Desambra 2013.

⁷⁻ *Lafika: mosavy fanao amin'ny vehivavy bevohoka amin'ny alalan'ny famorehana ny tany na ny bozaka nipetrahanay*

Mampiteraka koa ny reninjaza, manala ny ahitra⁸ na ny zandrin-jaza, ary manapaka ny tadim-poitra⁹ eo ambony zozoro. Mampihinana voatavo natao rony ny vehivavy avy niteraka mba ho be nono.

Mitsabo ny zaza tsy salama koa izy. Raha mifanintona, ohatra, ny zaza, asainy mivavaka amin'ny Razana ny tompon'anaka ary manolotra izay mba foiny ho azy. Ampisotroiny ranona lavenona avy amin'ny tanalahy nodorana ny zaza mandritra ny telo andro. Raha tratran' ny tsolo¹⁰, masahiny amin'ny kobam-bary ny fery ary aorian'izany, safoiny amin'ny vorodamba avy nalona tao anaty ranomafana ka voatrokan'iny ny aretina.

Omen-kasina ny mpitana ody havandra. Isaky ny miforona ny rahon-dratsy, mitarika ny olona hitsoka orana iarovana ny voly amin'ny havandra izy ary manoro ireo fady mandritra ny fotoam-pahavaratra.

Manome hasina an'Andriamanitra sy ny Razana ary mankato ny Zokiolona sy ireo mpitana ny fomban-drazana ny vahoaka. Tompon'andraikitra amin'ny fitohizan'ny ain'ny taranaka izy ireo. Dingana lehibe lalovana eo amin'ny fahavelomana ny fahaterahana sy ny fanambadiana ary ny fahafatesana. Adidin'ny vahoaka ny manatanteraka ny fombafomba takian'ny Razana aminy hampitana ny taranaka amin'ireo dingana ireo ka manaraka ny torohevitra ny Zokiolona hatrany izy amin'izany. Tanterahina ny famoahan-jaza, ny ala volon-jaza, ny famorana zazalahy, ny fanambadiana, ny fandevenana ary ny famadihana.

Natao ireo mba tsy ho lany tamingana ny fianakaviana, mba ho tonga olom-banona ny fara sy dimby, izay vokatry ny fitahian'ny Razana, ary mba hanjary Razana koa ny taranaka rehefa maty.

Natao hivavahana amin'ny Razana ireo doany roa ao an-toerana: ny doanin-dRavola sy ny doanin'Ankisatra ary ireo tendrombohitra fanasinana. Inoana fa toerana manakaiky ny Razana ireo. Tsy misalasala ny olona mankany amin'ireo toerana ireo raha sendra marary na tsy an'asa na mitady vady na tsy miteraka na hiatrika fanadinana, indrindra raha handeha hila ravinahitra any ivelan'ny tanàna.

1.1.3.3. Rafi-pitondram-panjakana

Mifehy ny vahoakan'Antanifotsy koa ny mpitondra fanjakana. Ambony indrindra amin'izany ny Ben'ny tanàna izay nofidim-bahoaka tamin'ny fomba mivantana. Anjara asany ny mampandroso ny kaominina manontolo. Miara-miasa amina Ben'ny tanàna lefitra miisa roa izy mba hahatontosa ny adidy mavesatra sahaniny.

⁸- Ahitra: alevina eo an-tokonam-baravarana

⁹- Tadim-poitra: tapahina ka atao anaty mangahazo manta voasilaka ary omena ny omby

¹⁰- Tsolo: fery manonitra any amin'ny tongotra vokatry ny hasomparana nataon'olona

Manarakaraka azy ny Filoham-pokontany. Andraikiny ny mampandroso ny Fokontany onenany sy mandrindra ny raharaha madinika izay mivantana amin'ny fiainan'ny mponina ary mampita ny hetahetan'ny vahoaka any amin'ny Ben'ny tanàna. Adidiny ny manara-maso ny fanatanterahan'ny vahoaka ny fitsipika mifehy ny fiarahamonina. Ohatra: tsy maintsy soratana any aminy ny anaran'ny vahiny mandry ao an-tanàna ary apetraka ao ny taratasy ahafantarana ny mombamomba azy; tsy maintsy manaraka ny jiolahy ny vatan-dehilahy rehetra feno valo ambin'ny folo taona isaky ny misy fananana very; mandoa dina araka izay ifanarahana ny olona tsy manatrika fivoriam-pokonolona.

Fehezin'ny ambaratongan-drafi-piarahamonina telo ny vahoakan'Antanifotsy. Tsy mifanitsaka andraikitra ireo ambaratonga rehetra ao. Mirindra ny fiarahamonina satria manjaka ny fihavanana.

Kisary 1: famintinana ny rafi-piarahamonina nentin-drazana ao Antanifotsy



Loharano : ny mpikaroka

1.2. Fironan-tsaina nampiharina

1.2.1. Famaritana ankapobeny ny haitsikera ara-drafitra

Nampiharina ny haitsikera ara-drafitra mba hampirindra ny asa fikarohana.

1.2.1.1. Tantaran'ny haitsikera

Haitsikera nampiharina i Saussure tamin'ny 1916 izany raha nandinika ny haiteny amin'ny ankapobeny izy ary nahafahany nisintona ny firafitry ny teny iray: “vanim-peo – vanin-teny – voantenany – fehezan-kevitra – fehezantenany”. Voafehin'izany rafitra izany avokoa ny teny sy fiteny rehetra ampiasaina ny olombelona.

Nampiasaina i Claude Levi-Strauss teo amin'ny sehatry ny haiolona izany fironantsaina izany tamin'ny taona 1950. Nirona handinika ny tantaran'ny kolontsaina (ny toerana sy fotoana nipoirany) ireo mpivoy ny haitsikera ara-pivoarana sy haitsikera ara-pielezana. Nanohitra izany kosa i Levi-Strauss raha nilaza fa tokony hodinihina araka ny fiiziany manokana ny riba iray. Nofakafakainy ireo singa mandrafitra ny fianahana ho an'ny mponina tao Frantsa. Nohalalininy ireo sokajin'olom-pady na olona tsy azo vadina sy ireo sokajin'olona azo vadina.

1.2.1.2. Foto-kevitra ijoroany sy tanjony

Foto-kevitra ijoroan'ny haitsikera ara-drafitra ny hoe manana ny anjara asany avy ny singa rehetra mandrafitra ny akora iray; mifampiankina ary tsy azo foanana ireo singa rehetra ireo ary tsy misy dikany ny hafa raha toa ka tsy eo ny iray.

Tanjon'ity lalam-piasa ity ny hamoaka rafitra mazava miainga amin'ny fomba fiainana hita maso. Kendreny mba hitombina amin'ny sehatra hafa ankoatra ny sehatra dinihina izany rafitra izany.

1.2.1.3. Mpivoy ny Fironantsaina

Nivoy ny haitsikera ara-drafitra i Louis Althusser, mpandinika toe-karena. Nambarany fa vokatry ny fivoaran'ny tsirairay ara-toe-karena ny fivoaran'ny fiarahamonina ara-tsôsialy¹¹.

Nampiasa ity lalantsaina ity koa i Jacques Lacan izay nilaza fa mandrakariva, misy rafitra mazava any amparahatoky ny zavatra hita maso¹².

Nampihatra izany koa i Jacques Derrida. Aminy, zava-dehibe ny fandalinana ny soratra raha te hamantatra ny rafitra mifafina mifehy ny fomba amam-panao fa tsy ny teny ihany¹³.

¹¹⁻ Louis ALTHUSSER : « *L'Homme en transformant la nature par son travail ou en transformant l'environnement social par son travail se transforme lui-même.* »

¹²⁻ Jacques LACAN : « *L'inconscient est structuré comme un langage.* »

¹³⁻ Jacques DERRIDA se fonde, quand à lui, sur un structuralisme basé non plus que sur l'étude du langage pour expliquer les structures inconscientes sociales mais aussi sur l'étude de l'écriture, inaugurant ainsi le poststructuralisme.

1.2.2. Famaritana ankapobeny ny haitsikera ara-pielezana

Nampivadiana tamin'ity fironantsaina ity ny haitsikera ara-drafitra.

1.2.2.1. Tantaran'ny haitsikera

Fironantsaina nipoitra tamin'ny faramparan'ny taonjato fahasivy ambin'ny folo sy ny fiandohan'ny taonjato faharoapolo ny haitsikera ara-pielezana. Niainga tamin'ny fitsikerana ny haitsikera ara-pivoarana naroson'i Adolf Bastian sy i Edward Tylor tamin'ny tapatapaky ny taonjato fahasivy ambin'ny folo izany.

Samy mpivoy ny haitsikera ara-pivoarana izy ireo. Nihevitra i Adolf Bastian fa mitovy fisainana avokoa ny olombelona maneran-tany saingy niaiky izy tamin'io fotoana io fa anisan'ny mitondra fivoarana eo amin'ny fiarahamonina ny fakan-tahaka.

Nampiharina i Edward Tylor tamin'ny fomba fandinika “Préhistoire” ny haitsikera “diffusionnisme” ary nampiharina teo amin'ny sehatry ny haiolona ankapobeny.

1.2.2.2. Foto-kevitra ijoroany sy tanjony

Tsy mamorona kolontsaina ny fiarahamonina fa saika maka tahaka ny an'izay mifampikasoka aminy hatrany. Azony ampiharina tanteraka, azony tsy tanterahina mihitsy ary azony amboamboarina hifanaraka amin'ny zava-misy ao an-toerana ihany koa ny kolontsaina vahiny. Voafaritana ny loharano nipoiran'ny fomba amam-panao tsirairay. Mpaka tahaka ny toerana sisa ahitana ny mitovitovy amin'izany.

Tanjon'ny Fironantsaina ny hamantatra ny loharano nipoiran'ny fomba dinihina sy ireo toeran-kafa naka tahaka izany fomba izany.

1.2.2.3. Ireo Mpivoy ny Lalantsaina

Nivoy ny haitsikera ara-pielezana i Frans Boas, fizisianina sady jeôgrafy amerikana. Nambarany fa mety ho ny ampahany amin'ny kolontsaina ihany no ho hita ao amin'ny toerana iray. Nanaitra azy ny fampifanarahan'ny Amerindiana ao Kanada amin'ny fiainany ireo fomba azony avy amin'ny fiarahamonina mifampikasoka aminy. Nohadihadiany ny fepetra handraisany na handavany na hanamboarany ireny fomba ireny.

Nivoy izany koa i Clark Wissler, mpandinika amerikana, mpianatr'i Frans Boas. Navondrony ireo singa mitovitovy amin'ny fomba hita ao amin'ny lema'i India. Nilaza izy fa miandalana ny fiparitahan'ny kolontsaina ary mety hisy ampahan'ilay fomba hiova endrika arakaraka ny hanalavirana ny Foiben-kolontsaina (fitaterana, rafi-pitantanana, zavakanto...).

Mirona ho amin'ity Lalantsaina ity koa i Friederich Ratzel, jeôgrafy alema izay nilaza fa antony mahatonga ny kolontsaina hihanaka ny fifindra-monina.

1.2.3. Fiharan'ny Lalantsaina

Mifandray indrindra amin'ny lohahevitra dinihina ireo haitsikera roa ireo.

1.2.3.1. Fomba fihodinany ao amin'ny asa fikarohana

Hadihadiana ato anatin'ny asa fikarohana ireo singa rehetra mandrafitra ny famoahan-jaza ao Antanifotsy (olona, fitaovana, fihetsika) sy ny anjara asany na ny lanjany avy. Fakafakaina ny tanjon'ny mponina amin'ny fanatanterahana izany fomba amam-panao izany. Ifantohana ireo fomban-drazana sy fombam-pivavahana mitovitovy endrika aminy. Tanterahina ny fampitahana mba hanavahana izay loharano nipoiran'ny mivoaka itany ao Antanifotsy sy ireo fiarahamonina naka tahaka izany.

1.2.3.2. Fampifandraisana azy amin'ny lohahevitra dinihina

Singa mandrafitra ny fiarahamonina ny ray aman-dreny sy ny zaza, ny fianakaviana ary ny mpiaramonina. Mifameno ireo singa rehetra ireo ary mitovy lanja fa tsy misy ambony sy ambany na dia voasokajy ho zokiny sy zandriny aza. Tompon'andraikitra amin'ny zaza ny ray aman-dreny sy ny fianakaviana ary ny mpiaramonina. Mandray anjara amin'ny famoahan-jaza avokoa izy ireo mba hanehoana izany. Fakafakaina ny mivoaka itany ao Antanifotsy ka halalinina ireo singa rehetra mandrafitra ny lanonana: ny mpandray anjara sy ny andraikiny avy, ny fitaovana ampiasaina sy ny tandindon'ireny ary ny finoana taratra avy amin'ny fihetsika tanterahina.

Tsy ho tanteraka ny lanonana raha tsy manomana sy manatrika izany ny ray aman-drenin'ny zaza havoaka. Tsy ho toy ny manasa vahiny tsy tonga izy ireo, fa voky ihany saingy tsy afaka adidy, raha tsy tonga manotrana ny havana sy ny mpiaramonina indrindra ny “Velon-dray aman-dreny”. Fomba ampitana ny fangatahana sy firarian-tsoa ho an'ny zaza any amin'ny Zanahary sy ny Razana ny fampiasana ireo fitaovana voafidy sy ny fihetsika fanao mandritra ny fankalazana. Ny fifamenoan'ireo singa ireo no mahatontosana antsakany sy andavany ny lanonana ary antony mahato ny firarian-tsoa rehetra atao amin'ny zaza.

Heverina ho loharanon'ny mivoaka itany Antanifotsy. Ampifanandrinina aminy ny fomba fanao amin'ny zaza ao Betafo sy Ambositra, tanàna manodidina azy. Ampilaharina aminy koa ny fomba fanao amin'ny zaza kristiana sy ny zaza silamo ary ny zaza hindoista mba hanaporofaona fa fomba nentim-paharazana malagasy tokoa ny famoahan-jaza ao Antanifotsy. Iaingana izany rehetra izany mba hamaritana ny hoavin'ity riba ity eto amin'ny Nosy.

1.2.3.3. Vokatra andrasana amin'ny asa fikarohana

Tanterahina izao asa fikarohana izao mba hahatsapan'ny Malagasy tsirairay ny lanjan'ny taranaka eo amin'ny fiarahamonina ka hikorokorokoa ny hanomezana hasina azy ireny hatrany.

Tanjona ankoatra izany ny hampahafantarana ny mivoaka itany sy ny fahendrena malagasy raketiny. Kendrena hisarihana ny mpiray tanindrazana hanatanteraka izany fomba malagasy izany ny famakafakana izao lohahevitra izao.

1.3. Dalam-piasa narahina

Nanaraka fomba fiasa maty paika izahay mba hahazoana fahalalana ampy mikasika ny lohahevitra dinihina.

1.3.1. Novakina ny boky isan-tsokajiny

Novakina avokoa ny boky malagasy sy vahiny mikasika ny fomba amam-panao sy ny fironan-tsaina nampiharina.

1.3.1.1. Notsongaina ny boky momba ny lohahevitra

Notsongaina ny boky mirakitra kolontsaina ka isan'ireny ny *Fomba Malagasy* izay manazava amin'ny ankapobeny ny fomba malagasy rehetra. Soritsoritany ao anatin'ny takila vitsivitsy ny mivoaka itany. Ambarany fa fitsofan-drano ny zaza mba hanan-karena sy ho olo-marina izany.

Nanampy izany ny *Fomba Betsileo* izay miresaka ny fialana fana ho an'ny vehivavy betsileo sy ny fomban'ity Foko ity rehetra fahizay. Entina mivoaka manatitra ny mpitsidika ny zaza amin'ny fotoana hamangian'ny havana ny tera-bao. Nifotorana ny famakina ny *Fomba Antakay* izay mitanisa ny fomban'ny mponina indrindra ny fanao aorian'ny fiterahana: aterina any amin'ny ray aman-dreniny ny vehivavy avy niteraka, angatahina ho vady indray izy rehefa afaka iray volana ka mody any amin-drarahilany izy mianaka.

1.3.1.2. Niompanana ny boky mirakitra ny kolontsaina

Niompanana ny boky mirakitra kolontsaina malagasy sy vahiny izay mifandray amin'ny lohahevitra. Manazava ny endri-pitondrana demokratika teto Madagasikara fahampanjaka ny *Fokonolona Fototry ny Firenena*. Miresaka ny tokony hamerenana ny kolontsaina malagasy rehetra kosa ny *Fanagasiana*. Nifantohana ny fandinihana ny asa fikarohana mitondra ny lohateny hoe: *Ody havandra ao Antanifotsy: aro voly any an-tsaha, aro fiarahamonina any an-tanàna*. Mamahavaha ny finoana nentin-drazana taratra ao amin'ny ody havandra izany asa fikarohana ity.

1.3.1.3. Notrandrahina ny fironan-tsaina

Notrandrahina ny fironantsaina ka notsidihina ireto tranonkala ireto:

<http://fr.wikipedia.org/wiki/Structuralisme>

http://fr.wikipedia.org/wiki/Evolutionnisme_%28anthropologie%29

<http://fr.slideshare.net/AZIZISouad/la-theorie-diffusionniste>

<http://chocdecultures.forumactif.com/t9-histoire-de-l-anthropologie-iii-le-diffusionnisme>

1.3.2. Fikirakirana tahirin-kevitra

Nanampy tamin'ny asa fikarohana ny firesahana mivantana tamin'ny tompon'andraikitra sy ny famakin-gazety saingy vitsy dia vitsy ny torohay.

1.3.2.1. Fanatonana tompon'andraikitra

Lalam-piasa narahina ankoatra ny famakiam-boky ny fanatonana tompon'andraikitra isan-karazany toy ny Manampahefana tao an-toerana, mpitondra fivavahana, mpitana fomban-drazana ary ny tompon'andraiki-pampianarana. Nifampiresahana mivantana ny Ben'ny tanàna, filoham-pokontany, pastera, masera, katekista, mpanandro, reninjaza...

1.3.2.2. Fanivanana ny lahatsoratra an-gazety

Nosivanina ny lahatsoratra an-gazety miresaka mikasika ny lohahevitra nohadihadiana. Anisan'ireny ny Lakroan'i Madagasikara nivoaka ny 24 Oktobra 2013 izay mitatitra ny fomba fijerin'ny mpitondra ara-drazana ny raharaham-pirenena. Tao koa ny *Tia Tanindrazana* nivoaka ny 25 Aprily 2014 izay nanamarika fa sady tsy Gasy no tsy Vazaha ny tanora malagasy. Nanampy izany ny *Jejoo* nivoaka ny 22 May 2014 izay nanamafy fa asa goavana ny maha reny satria tena andry ianteharan'ny zaza sy ny vady izy araka ny fanadihadiana natao tamin'i Rosa Rakotozafy mpanao fanatanjahantena malaza.

1.3.2.3. Fanatrehana velakevitra samihafa

Natrehina ny velakevitra mikasika ny lohahevitra. Ao ny mamakafaka ny fiainan'ny zaza, ao ny mamahavaha ny fomba amam-panao malagasy, ary tsy nohadinoina ireo miresaka ny zon'olombelona.

1.3.3. Firotsahana mivantana

Natao vaindohan-draharaha ny firotsahana mivantana tany an-toerana mba hahitana sy hahalalana ny fiainan'ny mponina ny famoahan-jaza.

1.3.3.1. Sokajin'olona nohadihadina

Nirotsaka an-tsehatra mivantana izahay ka nanadihady sokajin'olona maro. Natonina ny vahoaka tsotra. Anisan'izany ny tantsaha, mpitarika posy, mpivarotra, mpianatra, mpampianatra. Nangataham-panazavana ny tompon'andraiki-panjakana toy ny Ben'ny tanàna sy ny filoham-pokontany. Nohadihadiana ny mpino kristianina: pastera sy masera, katekista ary mpino tsotra. Niresahana ny mpandala fomban-drazana: mpanasina tsotra, mpanandro ary reninjaza.

1.3.3.2. Valim-panontanianana naravona

Naravona ny valim-panontanianana napetraka tamin'ny mponina tany an-toerana mba hahazoana manakatra ny hevitra fototra; nofakafakaina sy nampifandraisina ireny ary noraketina an-tsoratra ka narafitra ho boky.

1.3.3.3. Nananosarotra ny fanatanterahana

Nananosarotra ny fanatanterahana ny asa fikarohana satria tsy misy vanim-potoana voafetra hanatanterahana ny lanonana Mivoaka Itany. Noho ny fidiran'ny finoana kristiana, mihavitsy hatrany ny mpanatanteraka ity fomba ity eto Madagasikara. Tsy ampy koa ny torohay mikasika izany.

TSOA-KEVITRA

Ao anatin'ny Faritra Vakinankaratra ny Kaominina Antanifotsy. Kaominina Ambanivohitra betsaka fokontany indrindra manerana ny Nosy izy. Akaiky ny Renivohitr'i Madagasikara izy saingy tsy manaraka ny fomban'ny tandrenivohitra ny mponina ao fa mandala ny fomban-drazana hatrany. Azo iafiana ny fepetra voajanahary ao ary ahafahan'ny mponina manatanteraka asa fivelomana nentim-paharazana: mamokatra ny tany, manondraka izany ny renirano. Mivavaka amin'Andriamanitra tokana ny olona sady mino ny herin'ny razana ary manome hasina ny tontolo iainana koa. Ifangaroan'ny finoana roa ao an-toerana: finoana nentim-paharazana malagasy sy finoana kristiana. Fehezin'ny rafi-pitondrana karazany telo ny tanàna: ny fiarahamonina nentindrazana, ny fitondram-pivavahana kristiana ary ny fitondram-panjakana. Mirindra hatrany ny fiarahamonina satria manjaka ny fihavanana.

Nampiharina ny haitsikera ara-drafitra noforonin'i Claude Levi-Strauss izay nentiny nandalina ny rafitra eo amin'ny fianahana niainga tamin'ny fandinihana ny fifandraisan'ny olona. Natao hamantarana ny rafitra eo amin'ny fiarahamonina ny haitsikera ara-drafitra. Aminy, tsy afa-misaraka ireo singa rehetra mandrafitra ny akora iray satria samy manan-danja avokoa. Nivoy izany i Louis Althusser sy i Jacques Lacan ary i Jaques Derrida. Nampiharina mba hanakarana ny rafitry ny mivoaka itany ao Antanifotsy izany. Nofakafakaina ireo singa rehetra mandrafitra ny lanonana (olona, fitaovana, fihetsika) sy ny lanjany avy.

Nampivadiana tamin'ny haitsikera ara-pielezana izany: haitsikera niainga tamin'ny fitsikera'i Edward Tylor sy i Adolf Bastian ny haitsikera ara-pivoarana ary novoizin'i Frans Boas sy i Clarck Wissler ary Friederich Ratzel. Ambaran'ireo mpandinika ireo fa mifampindrana kolontsaina ny olombelona rehefa mifampikasoka, miavaka ny loharano nipoiran'ny kolontsaina sy ny mpaka tahaka. Nentinay nanakatra ny loharano nipoiran'ny mivoaka itany sy namantatra ny fiarahamonina naka tahaka izany ny haitsikera ara-pielezana.

Tanjon'ny asa fikarohana ny hanazava ny lanjan'ny zanaka sy ny lanjan'ny fomba dinihina ary ny handresy lahatra ny mponina ao Antanifotsy sy manerana ny Nosy hanatanteraka izany hatrany.

Lalam-piasa narahina hahatanteraka ny asa fikarohana ny famakina boky fototra sy boky miresaka ny kolontsaina ary boky momba ny fironantsaina. Nokirakiraina ny tahirin-kevitra: natonina ny tompon'andraikitra ary nosivanina ny lahatsoratra an-gazety. Nirotsaka mivantana tany an-toerana izahay ary nandravona ny valim-panontaniana. Nananosarotra ny asa fikarohana, tsy noho ny fahavitsian'ny torohay ihany fa noho ny tsy fisian'ny vanimpotoana voafetra hanatanterahana ny lanonana sy ny fiahiahian'ny reninjaza satria noheveriny fa mpianatra ho mpampivelona sady mpitsikilo mety hanimba ny asany izahay.

FIZARANA FAHAROA:

FANDOKOANA NY LANONANA MIVOAKA ITANY

FIZARANA FAHAROA: FANDOKOANA NY LANONANA MIVOAKA ITANY

2.1. Fizotry ny lanonana

Mandalo amin'ireto dingam-piainana ireto ny olombelona: ny fotoana maha zaza, ny fotoana maha olon-dehibe ary ny fotoana maha Razana. Mamela taranaka ny Razana ary manaraka izany lalam-piainana izany avokoa ny taranany rehetra.

Sarotra ho an'ny zaza ny fahatongavana ho olon-dehibe raha tsy voaomana ny sainy sy ny vatany ary ny fanahiny; tsy mandeha ho azy amin'ny olon-dehibe ny fodiana ho Razana. Antony anatanterahana ny lanonana fitana izany.

Lanonam-pitana voalohany fanao amin'ny zaza ao Antanifotsy ny mivoaka itany na famoahan-jaza. Aorian' izany, tanterahina ny ala volon-jaza sy ny famorana zazalahy, ankalazaina ny fanambadiana ary tanterahina ny fandrazanana.

Kisary 2 : Famintinana ny dingam-piainana lalovan'ny olombelona sy ny fitana araka ny finoana Malagasy



Loharano : Dr Rabarijaona Bernardin, Lesona Taona Fahatelo, 2010

2.1.1. Fiomanana ho fanatanterahana

Azo avy amin'ny fitambaran'ny teny roa: “mivoaka”, izay midika ho fandehanana any ivelany, sy “itany”, na any an-tokontany, ny mivoaka itany. Fivoahan'ny renny sy ny zaza voalohany any an-tokontany aorian'ny fiterahana izany. Fiantson'ny mponina ao Antanifotsy azy ny hoe: “famoahan-jaza”. Tsy fivoahana tsotra toy ny mahazatra anefa izany fa fihaonana voalohany amin'ny fiarahamonina sy ny tontolo manodidina. Manokana vola sy fotoana iomanana ny fianakaviana mba hahatomombana ny lanonana.

2.1.1.1. Fanatonana mpanandro na reninjaza

Atonina ny mpanandro, aleha any an-tranony, hahalalana ny ora sy ny andro tsara amoahana ny zaza. Ho to ny firariana rehetra hatao amin'ny zaza raha avoaka amin'ny andro tsara izy. Hiteraka loza ho azy kosa ny fanatanterahana ny lanonana amin'ny andro ratsy na andro tsy mifanaraka amin'ny vintany. Azo atonina koa anefa ny reninjaza noho ny traikefa ananany mikasika ny zaza ka ahalalany ny ora sy fotoana fanatanterahana izany.

2.1.1.2. Fanangonana ny fitaovana

Angonina andro vitsivitsy mialoha ny fitaovana ilaina. Manomana izany avokoa ny mpanotrona lanonana sy ny ankohonan'ny zaza. Vidina eny an-tsena izay tsy misy ao an-trano indrindra izay tsy fampiasa andavanandro. Ampirimina tsara sy fandrihana mialoha kosa izay efa ananana sao indramin'olona na tsy hita amin'ny fotoana ilana azy. Arafitra ny vinavinam-pandaniana hikarakarana ny sakafo ho an'ny olona nasaina.

Tsy maintsy ividianana lamba landy vaovao ny mpitrotro ny zaza. Omanina avy hatrany ny fitaovan-dakozia sy ny taozavatra vita malagasy vitsivitsy fampiasa ao an-tokantrano raha vavy ny zaza. Atao vonona kosa ny fitaovana fiandrasana omby sy fiasana tany raha lahy ny zaza.

2.1.1.3. Fampiomana ny mpandray anjara

Saika tantsaha avokoa ny 85% ny mponina. Manaraka fandaharam-potoana raikitra izy ireo isanandro ary zara raha manam-potoana ialana sasatra. Mahandro sosoa maraina ny vehivavy ka aroso alohan'ny amin'ny enina ora izany. Miasa tany ny lehilahy amin'ny enina ora hatramin'ny roa ora tolakandro ka anateran'ny vehivavy sakafo antoandro any an-tsaha. Aorian'izany, mody kely maka aina sy mihinana haninkotrana izy. Amin'ny telo hatramin'ny dimy ora indray miverina any an-tsaha manao ny asa maivamaivana toy ny fiavana.

Manoatra noho izany ny fahaterena rehefa misy asa mafy sy maika indrindra rehefa lohataona. Ho tonga ny orana aorian'io fotoana io ka ilaina karakaraina mialoha ny tany. Noho izany, tsy maintsy ampandrenesina mialoha ny olona tiana hanatrika ny lanonana hametrapetrahany ny raharahany amin'io andro io. Ilazana ny fianakaviana sy ny mpiara-monina akaiky.

2.1.2. Vontoatin'ny fankalazana

Herinandro aorian'ny fiterahana vao mahazo mivoaka ny reny sy ny zaza. Kolontsaina malagasy izany ka arahina fomba amam-panao mampiavaka ny firenena ary ahatarafana ny finoany. Atomboka ao an-trano ny lanonana mialoha ny hivoahana eny an-tokontany sy hamaranana izany.

2.1.2.1. Fiaingana

Vory eo an-jorofirarazana¹⁴, ao an-tranon'ny tera-bao ny mpanotrona miaraka amin'ny fitaovana efa nomaniny avy. Manandratra vavaka amin'Andriamanitra sy ny Razana eo ny Zokiolona iray voatendrin'ny fianakaviana ka mangataka ny soa sy ny tsara ho an'ny zaza. Rariana ho azy ny fahasalamana sy ny fahaela velona ary ny harena. Tanterahina ao anatin'ny minitra vitsivitsy izany.

¹⁴ RAMASINDRAIBE (P), 1962, op cit

Toy izao ny vavaka asandrany:

*“Any Ianareo Andriamanitra Andriananahary sy ny Razana!
Io ny zanakareo,
Ambino ho soa, ho tsara;
Tahio ho ela velona hiara-miriaria aminay;
Hikapa hahita ny tonony,
Handidy hahita ny vaniny,
Ho salama tsy harofy;
Ho irin’olona fa tsy haniry olona
Masina Ianareo!”*

2.1.2.2. Fampitana

Miara-mivoaka eny an-tokontany ny olona aorian’ny vavaka sy firariana. Kendrena mba ho misandrandro¹⁵ ary mbola tsy mivoaka omby¹⁶ ny fivoahana. Mialoha lalana amin’izany ny vehivavy “velon-dray aman-dreny” mitafy lamba landy maro loko mitroto ny zaza. Manaraka azy ny ray aman- drenin’ny zaza sy ny mpiray tampo aminy, ny fianakaviana nasaina ary ny mpiaramonina rehetra manotrana na kely na lehibe. Tsy voafetra ny filaharan’ny mpanaraka ary matetika miady ho eo aloha izy rehetra.

Entina mitsidika ny fahitra lehibe indrindra ny zaza. Aorian’izany, mihodidina ny trano impito izy ireo ka alangalangany na lolohaviny na ataony eo an-tsoroka na sakelehiny ny fitaovana entiny. Samy mingonongonona manonona teny firarian-tsoa ho an’ny zaza izy rehetra eny ampandehana.

2.1.2.3. Fitodiana

Tsy miditra ao an-trano avy hatrany ny mpamoaka zaza rehefa avy mihodidina ny trano. Mandrehitra bozaka na kitay eo alohan’ny varavarana izy ireo ka mandingana izany afo izany aloha vao miditra.

Anisan’ny fitaovana matetika fanararaotran’ny mpisompatra ny sakafo. Rosoana sakafo ny olona asaina ho fanehoam-pihavanana sy fifampatokisana tanteraka. Inoana fa hifarimbona hanasoa ny zaza ny mpiara-belona fa tsy hamingana azy. Hena omby no atao laoka satria fitaovana mampifandray ny olombelona sy ny Razana ny omby. Mariky ny fifampizarana sy ny fiaraha-mifaly eo amin’ny mpiara-monina koa ny fiaraha-misakafo. Izarana vatomamy ny ankizy mba ho tanteraka amin’izy ireo koa ny firariana rehetra natao an’ily zaza navoaka.

Tsy mbola mifarana tanteraka akory ny lanonana fa mbola entina any an-tsena ny zaza ny Alatsinainy na Zoma, andro tsena ao Antanifotsy, rehefa miherina ny volana nahaterahany. Rehefa mby eny an-tsena, manontany avy hatrany ny mpivarotra, raha vao mahita ny zaza, na lahy izy na vavy.

¹⁵- Aorian’ny amin’ny sivy ora

¹⁶- Amin’ny folo ora eo ho eo

Amidiny lafo kokoa, fitonjato eo ho eo, ny tantely raha lahy ny zaza; dimanjato eo ho eo kosa, na omeny maimaimpoana mihitsy, raha vavy ny zaza. Ampilelafiny ny zaza sy ny mpanaraka ny tantely. Mifarana tanteraka ny lanonana rehefa tafody avy any an-tsena ny mpamoaka zaza.

Toerana fihaonan'ny olona ary ahitana ny kojakoja rehetra ilaina eo amin'ny fiainana ny tsena¹⁷. Entina eny ny zaza ho firariana azy hanana ny ampy toy ny sakafo, ny fitafiana, ny fitaovam-piasana...Mamy ny tantely ary sokajiana ho ny tsara indrindra amin'ny entana amidy eny an-tsena. Fahanana izany ny zaza sy ny mpiantsena miaraka aminy mba ho lavorary ny fiainany.

Tolorana izy ireo fa tsy maka mba hanehoan'ny mpivarotra fa nomeny an-tsitraro izany na dia nosandaina vola aza. Heverina ho toy ny solontenan'ny mpiara-belona manao soa amin'ny zaza ilay mpivarotra. Tompon'andraikitra voalohany ny lehilahy ary mpiahy ny zaza sy ny vehivavy. Vidina lafolafo kokoa ny tantely ho an'ny zazalahy ho fisantarany sahady ny adidiny eo amin'ny fiarahamonina.

Vidina mora kosa ny an'ny zazavavy ary indraindray aza tsy andoavam-bola mihitsy satria natao hovelomina na dia afaka manampy ny vadiny amin'ny famelomana ny ankohonany ihany aza. Ividianan-dray aman-dreniny kilalao na fitafiana vaovao ny zaza mba hanehoany fa miahy azy mivantana izy ireo.

2.1.3. Vokatra andrasana

Singa telo mandrafitra ny olombelona ny saina sy vatana ary fanahy. Endrika iray ikolokoloana ireo rehetra ireo ny famoahan-jaza sady fampidirana azy ao anaty fiarahamonina malagasy. Vavaka fangatahana ny hahasoa ny zaza amin'ny lafim-piainana rehetra izany. Mivoaka misandratra andro ny mpilanona mba hamiratra toy ny masoandro mipoaka hatrany ny fiainan'ny zaza: ho sitrana raha sendra marary, hahomby amin'ny fianarana, hahazo vola aman-karena eo am-pihariana ary ho ela velona.

2.1.3.1. Firarian-tsoa

Ianteherana amin'ny raharaha madinidinika ny zaza ao an-tranon-dray aman-dreniny. Santatry ny fanefany adidy eo anivon'ny fiarahamonina izany. Mandray anjara amin'ny adidin'ny ray na ny reny izy rehefa tonga taona. Antenaina amin'ny raharaha mazamazana sy izay any ivelany ny zazalahy rahatrizay. Lehibe indrindra amin'ireny ny asa tany. Mikarakara tokantrano kosa ny zazavavy rehefa tonga reny. Tsy ho lavorary anefa izany rehetra izany raha tsy tomombana ny fahasalamana satria "Ny fahasalamana no voalohan-karena." Rariana ho salama ny zaza, araka izany, mba hahavitany ny anjara birikiny ankehitriny sy amin'ny ho avy. Taratra amin'ny vavaka atao sy ny fihetsika tanterahina mandritra ny Famoahan-jaza izany.

2.1.3.2. Hetaheta ny lafatra

Fitaovana hanefana adidy eo amin'ny fiarahamonina ny harena indrindra amin'ny fanatanterahana lanonana fitana. Misongadina amin'izany ny famadihan-drazana izay amahanana sy ampifaliana ny mpiara-monina rehetra. Fangatahan-tsodrano ho amin'ny fihariana ny famoahan-jaza.

¹⁷- CALLET (F), 1974, op cit

Satry ho lafatra ny taranaka ka ivavahana mba hanan-karena. Fomba entina mikatsaka harena ny fahaizana amam-pahalalana. Ampianarina ny zaza mba ho tsara asa ka ho tsara toerana eo amin'ny fiarahamonina. Ambaran'ny Ntaolo fa “ny fianarana no lova tsara indrindra”.

Fomba fihariana nentim-paharazana kosa ny fambolena sy fiompiana. Tsy azo ihodivirana ny famolahana ny tontolo mba hahafahana manatanteraka izany. Harena avokoa ny omby sy ny tranobe ary ny tany midadasika. Ilaina ireny hanatsarana ny fiainan'ny mponina.

Tanterahina mbola tsy mivoaka omby ny lanonana mba tsy hiparitaka ny harena voaangon'ny zaza rahatrizay. Misikina lamba landy ny mpitrotro ny zaza satria mariky ny fiandrianana, sarotra vokarina, lafo vidy ary tsy fampiasa andavanandro ny lamba landy. Firariana ny zaza hisandratra amin'ny harena sy fahaizana amam-pahalalana sady ho mamy hoditra eo amin'ny fiarahamonina izany. Tsongaina ny lamba maro loko mba ho maro harena sy ho maro fanapahana ny zaza.

Entina eny an-tokontany izy satria itoeran'ny fambolena sy ny fiompiana ary mitahiry ny tavoniny ny tany. Firarina azy hahavory harena eo an-tanindrazana izany.

Entina mitsidika fahitra lehibe ny zaza mba hanana omby betsaka. Amin'izany, mitsidika izy fa tsy tsidihina satria heverina ho zava-doza afafin'ny mpisompatra izany tsidihin-karena¹⁸ na rava harena efa eo am-pelantanana.

Impito mihodidina ny trano ny mpamoaka zaza mialoha ny hidirana ao an-trano. Isa tsy ankasa ary isa masina, maneho ny fahafenoana mihoatra ny isa fito. Rariana ho feno mihoatra ny fahasoavana mirotsaka amin'ny zaza araka izany fihetsika izany.

2.1.3.3. Antoky ny fahaela velona

Iandrindrana adidy lehibe ny zaza na ny zanaka. Antenaina hampisinkina ny ray aman-dreny izy rehefa tonga ny fahanteran'izy ireo, hanirina sy handevina azy rehefa tapitra ny androny ary hamelo-maso azy hatrany eo anivon'ny fianakaviana sy ny ankohonana. Tsy lalànam-piainana ny “faty mifototra” na ny fahafatesan'ny zanaka alohan'ny ray aman-dreny.

Tsy hahatontosy ny adidiny izy raha sendra areti-mandoza na ny loza tampoka. Antony hankalazana ny famoahan-jaza ny fisorohana ny loza. Fitsofan-drano ny zaza mba ho lava andro iainana izany. Taratra izany amin'ny vavaka asandratry ny mpanatrika lanonana sy amin'ny fifidianana manokana ny “velon-drainy aman-dreny” hitroto ny zaza.

¹⁸- araka ny ohabolana malagasy hoe: “Aleo mandao azy toy izay ilaozany”

2.2. Hevitra fototra

Mirakitra hevitra ara- piarahamonina ary mamaritra ny finoan'ny mponina ao Antanifotsy ny fomba amam-panaony.

2.2.1. Tandindon'ny mpandray anjara

Asaina hanatrika ny famoahan-jaza ny mpiara-monina sy ny fianakaviana. Arakaraka ny anjara toeran'ny tsirairay ny andraikitra sahaniny.

2.2.1.1. Ifantohana ny zaza

Heverina fa fitahiana avy amin'ny razana izy ka sokajina ho anisan'ny harena. Antoky ny hoavin'ny ray aman-dreny ny zaza ka omen-danja manokana. Andrandraina hanandratra ny voninahitry ny fianakaviana sy ny fiarahamonina koa izy. Ambonin'izany, indraindraina fatratra ny zaza amin'ny andro hanatanterahana ny famoahan-jaza. Mitodika any aminy avokoa ny fomba fijerin'ny mpiara-monina sy ny fianakaviana manotrana. Mitsodrano sy mirary soa azy hanana hoavy mampirapiratra sy ho mamy hoditra eo amin'ny fiarahamonina izy ireo.

2.2.1.2. Voafidy ny mpitrotro

Ankehitriny, fitopolo taona eo ho eo ny fahaveloman'ny Malagasy. Mbola miankina amin'izay mitranga eo amin'ny fiainana anefa ny fahatrarana izany. Mitrotro ny zaza ny vehivavy “velon-drainy aman-dreny” na izay tsy kamboty mba ho ela velona ny zaza. Mety ho ny renny niteraka azy ihany izany kanefa manendry olon-kafa izy raha tsy mahatanteraka io fepetra io. Azony isafidianana na ny fianakaviana na ny mpiara-monina.

Heverina fa sambatra indrindra ny “velon-drainy aman-dreny” satria miara-miriaria amin'ireo nahitany masoandro na efa olon-dehibe aza. Rariana hanahaka azy ny zaza ka hifanantitra amin'ny ray aman-dreniny ary koa ho ela velona.

2.2.1.3. Miantrana ny mpanaraka

Tompon'antoka amin'ny famoahan-jaza ny ray aman-dreniny. Maniry indrindra ny hahita taranaka vanona izy ireo sady manantena valimbabena ka manatanteraka ny lanonana am-pinoana.

Manotrana ny fianakaviana satria reharenany sy azony ianteherana ny zaza raha tafita eo amin'ny fiainana. Tonga izy amin'io andro io mba hangata-tsodrano ho an'ny havany.

Mandray anjara amin'ny fampitana koa ny mpiara-monina satria miara-miaina amin'ny zaza marain-tsy hariva ary miara-mitaiza amin'ny ray aman-dreny niteraka. Miombom-paniriana amin'ny ankohonana sy ny fianakaviana rehetra izy ireo.

2.2.2. Fitaovana ampiasaina

Fotoana anavahana sahady ny zazalahy sy zazavavy sy ny andraikiny avy eo amin'ny fiarahamonina malagasy ny famoahan-jaza. Manasongadina izany ireo fitaovana ampiasaina ao anatin'ny lanonana.

2.2.2.1. Kojakoja fampiasa min'ny zazalahy

Harena ny omby amin'ny Malagasy. Entin'ny mpamoaka zazalahy ireo fitaovana fitondra miandry omby toy ny tady mahazaka sy ny japy. Firariana ny zaza hahita izay tadiavina sy hanan-karena na hanana omby betsaka izany.

Adidin'ny lehilahy ny mamelona ny zaza sy ny vehivavy. Midika ho fahazakana adidy eo amin'ny fiarahamonina kosa ny tady mahazaka. Fitaovana fitondra miasa tany ny angady. Entina izany amin'ny famoahan-jaza mba ho firariana ny zaza hanana tany midadasika hamelomany ankohonana rahatrizay. Lanjaina ny famaky hikapana kitay na hanadiovana ny tany hasaina rahatrizay.

Sary pika 2 : fitaovana fampiasa amin'ny famoahan-jazalahy



Loharano : ny mpikaroka

2.2.2.2. Hafa ny an'ny zazavavy

Andraikitry ny vehivavy ny raharaha ao an-tokantrano. Mikarakara sakafo sy manao taozavatra ny vehivavy. Mitondra fitaovan-dakozia ny mpamoaka zazavavy. Entiny amin'izany ny sô, koveta, zinga, vilia aman-tsotro, kaopy, vera, vilany, fatana, akalana, antsy, fampirimana vilia, fampirimana atody... Firariana ny zazavavy hanan-katokona sy hahavita ny adidiny ao an-tokantrano ary hahazaka ny andraikiny eo amin'ny fiarahamonina izany.

Mitondra taozavatra, asa tanana malagasy koa izy ireo toy ny saronan-karona, harona, sobika, satroka, tsihy... Firariana ny zaza hahay asa tanana izany. Tandindon'ny fahaiza-mitantana sy fahaiza-mitahiry ary fahaiza-mandamina ny saronan-karona. Irina hanana ireo toetra fototra mampirindra ny tokantrano ireo ny zazavavy.

Sary pika 3 : fitaovana fampiasa amin'ny famoahan-jazavavy



Loharano : ny mpikaroka

2.2.2.3. Misy iraisana

Kolontsaina nentin'ny tandrefana teto amintsika ny fianarana. Tsy azo adinoina ny mitondra fitaovam-pianarana toy ny penina, ny penisily hazo, ny taratasy, ny kahie ary ny kitapo fitondra mianatra, rehefa mamoka zaza na lahy na vavy. Natao hirarina ny zaza hanam-pahaizana izany.

Tsy azo ialana amin'ny fankalazana ny famoahan-jaza koa ny tantely sy ny vatomamy izay samy sakafo mamy. Firariana ny fiainana ho mamy hatrany izany. Fitaovana mampifandray ny velona amin'ny Razana rahateo ny tantely.

Azo avy amin'ny biby ny tantely ary vita avy amin'ny fary ny vatomamy. Tandindon'ny firarina ny zaza ho tsara fifandraisana amin'ny tontolo manodidina sady hahafolaka izany ny fampiasana ireo fitaovana ireo.

2.2.3. Fifandraisana amin'ny tontolo

Firesahana amin'ny fanahy ny vavaka. Miresaka amin'Andriamanitra sy ny Razana ary amin'ny zavaboary amin'ny alalan'ny teny sy fihetsika ny mpamoaka zaza.

2.2.3.1. Fiaikena ny Zanahary

Atomboka amin'ny fiantsoana an'Andriamanitra sy ny Razana ny lanonana satria inoana fa mpanatanteraka ny firariana rehetra izy ireo. Very an-javona ny fangatahana tononina raha tsy manatrika eo izay afaka hamaly izany. Tononina voalohany hatrany Andriamanitra Andriananahary amin'ny vavaka asandratra satria Izy no ambony indrindra: nahary ny olombelona sy nanome azy taranaka. Tompon'aina ny Zanahary. Manam-pahefana hitahy ny fahavelomana sy hanendry ny andro hahafatesana Izy. Noho izany, antsoina handray sy hamaly ny fangataham-pitahiana rehetra ataon'ny fianakaviana sy ny mpiara-monina Izy mandritra ny famoahan-jaza.

2.2.3.2. Fiantsoana ny Razana

Antanatohatra manarakaraka ny Zanahary ny Razana. Antsoina hanatrika ny lanonana izy. Roahina kosa ny fanahy ratsy mihelingelina mba tsy ho tafiditra any an-trano. Atahoran'ny lolo ny afo ka mandingana afo ny mpamoaka zaza alohan'ny hiditra ao an-trano mba ho lasa izay fanahy ratsy mitondra aretina sy faharavam-pananana ary fahafatesana.

Avela hanjaka ny fanahin'ireo ray aman-dreny efa nodimandry. Voamasina ho toerana fihaonana amin'ny Razana ny eo an-jorofirarazana: zoron-trano avaratra atsinanana. Tanterahina eo ny vavaka hanombohana ny lanonana.

Raha nitsodrano ny olombelona hameno ny tany Andriamanitra, ny Razana kosa nanatanteraka izany tamin'ny alalan'ny fiterahana ka nampitohy ny aina. Mitaky fanajana avy amin'ny taranany izy mba hahafahany mitahy azy ireo. Ankasitrahany ny fanatanterahana ny fomban-drazana sy ny fanomezam-boninahitra azy mandritra ny famoahan-jaza. Araka izany, inoana fa hitsimbina sy hitahy ny zaza izy rehefa tontosa avokoa ny fombafomba rehetra takiany.

2.2.3.3. Finoana ny hasin'ny zavaboary

Rakotra zavaboary ny tontolo manodidina ny olombelona. Lolohavina isanandro ny lanitra; itsahin'ny tongotra mandrakariva ny tany; sotroina sy idiovana ny rano; haingon-tanàna sady sakafo ny zava-maniry ary mameno tanàna ny biby fiompy sy tsy fiompy.

Ankoatra ireo, fitaovana entina mivelona sy mihary ny zavaboary. Ambolena ny tany, anondrahana azy ny rano, ahodina hanaovana taozavatra ny zava-maniry ary ompiana ny biby. Manana hery manokana afaka manasoana na misompatra ny olombelona izy ireo. Mivatsy tany masina ny mponina rehefa handeha lavitra ny tanàna. Noho izany, tsy maintsy angatahana alalana amin'ny Zanahary sy ny Razana ny famolahana azy. Anisan'ny fomba fanatanterahana izany ny famoahan-jaza. Entina eny an-tokontany ny zaza mba hahafolaka ny tany ka hahazo vokatra tsara avy aminy. Mitondra asa tanana vita malagasy ny mpanaraka mba hahafolaka ny akora fototra fanaovana rary na tenona toy ny rofia sy vendrana ary landy. Ampitafiana lamba landy ny mpitrotro. Tsy azo ialana ny vatomamy izay vita tamin'ny fary.

Mamelona sady manadio ny afo. Androahana ny fanahy mpisompatra aorian'ny fivoahana eny an-tokontany izy amin'ny famoahan-jaza. Ilain'ny olona amin'ny fivelomana andavanandro koa anefa izany andrehetana kitay handrahoana sakafo.

Atao laoka ny omby izay mampifandray ny velona sy ny maty. Biby fiompy mampanan-karena koa izany.

Sary pika 4 : Fihaonana amin'ny tontolo eo an-tokontany



Loharano : ny mpikaroka

2.3. Fampitahana amin'ny fomba amam-panao

Tsy feno ny fiarahamonina tsy misy zaza. Ho rava izany satria tsy misy mpandimby ny asan'ireo razany ary tsy misy mpandova ny fananany. Fahoriana ho an'ny olombelona ny tsy fahafahana miteraka. Mahafantatra ny lanjan'ny taranaka ny Foko rehetra eto amin'ny Nosy. Manome hasina azy ny mpivavaka. Marihiny amin'ny lanonana ny fahaterahana sy ny fivoahana ny trano voalohany ary ny famorana.

2.3.1. Tanterahina ny fomban-drazana hafa

Mankalaza ny lanonam-pitana rehetra Antanifotsy. Marihiny amin'ny fomba amam-panao nentim-paharazana ny vanim-potoana miavaka lalovan'ny olombelona manomboka amin'ny fahaterahana mandra-podiny ho razana. Notanterahin'ny Ntaolo ireny ka tafita tanteraka amin'ny mponina ao mandraka ankehitriny ary azo antoka fa hotohizan'ny taranaka any aoriana.¹⁹

2.3.1.1. Fihetsika amin'ny fanalana bozaka sy famorana

Ankoatra ny fombafomba tanterahina eo am-pikarakarana ny zaza vao teraka, alana ny volon'ny zaza voalohany ary foraina ny zazalahy.

Fanetezana ny volon-jaza voalohany ary fanavahana azy amin'ny zavaboary hafa ny “fanalana bozaka”. Firariana azy hahafolaka ny tontolo manodidina koa izany. Tanterahina ity fomba amam-panao ity rehefa tapitra ny faharoa volan'ny zaza. Antsoina hoe “bozaka” ny volo voalohany satria heverina fa mitovy amin'ny zavaboary rehetra ihany. Sokajiana ho ratsy iny ka tsy maintsy alana.

Tendren'ny mpanandro ny andro hanalana bozaka. Antsoina hanotrana io fotoana io ny fianakaviana akaiky sy ny mpiara-monina. Omanina eo afovoan-trano ny sahafa misy vary masaka sy trafon-kena masaka ary vola madinika.

Atomboka ny lanonana rehefa vory ny olona. Ampofoin'ny “velon-dray aman-dreny” ny zaza mba ho ela velona sy hifanantitra amin'ireo masoandro amam-bolany ka hetezana. Tsy maintsy olona tsara volo ny mpanety araka ny fomba nentim-paharazana. Ho an'ny olona sasantsasany anefa ankehitriny, hetezan'ny rainy na ny reniny ihany ny zaza saingy asaina mitsidika eo am-baravarana fotsiny ny olona tsara volo. Firariana ny zaza ho tsara volo izany. Afangaro amin'ireo sakafo ao anaty sahafa ny bozaka. Singa avy amin'ny tenan'ny zaza iny ka tsy azo ariana.

Afady eo ambony vary masaka ilay volo avy nalana ary haroharoina tsara hifangaro aminy. Aorian'izany, atsitokotoko ny vary ka ny toko sasany sisihana vola ary ny sasany sisihana trafon-kena voatetika.

Ampilelafina trafon-kena ilay zaza. Ny vehivavy rehetra kosa mifandrombaka mihinana ny sakafo eo ambony sahafa amin'ny tanana rehefa baikoin'ny vaviantitra iray hoe “Hano amin'izay ary”.

¹⁹ Fabrice Hervieu, 2012, *Les rites de passage entre générations*, Paris, France : « Dans les sociétés traditionnelles du Sud de la planète, les rituels de passage ont toujours eu une fonction très efficace d'ancrage dans sa culture d'origine. Ces cérémonies initiatiques transmettaient une série de valeurs permettant aux initiés de se repérer très fortement dans leur monde. Aujourd'hui encore, elles ont pour but de rendre le jeune plus responsable, elles installent en lui les notions de vie en collectivité et de fraternité d'âge. Elles fabriquent un groupe lié et solidaire pour la vie. Bref, ces cérémonies font passer le jeune à l'âge adulte. »

Firariana ny zaza hahafolaka ny tontolo sy ho tonga olona ambony izany ary firariana ny vehivavy hahazo zaza: ny trafon-kena maneho ny fahamboniana, ny vola mariky ny harena ka isan'izany ny taranaka. Faranana amin'ny fiarahan'ny rehetra misakafo ny lanonana. Mihinana avokoa na ny lehilahy na ny vehivavy.

Fanalana sombin-koditra eo amin'ny filahian'ny zaza ny famorana ary fampidirana azy ao amin'ny tontolon'ny lehilahy. Tendren'ny mpanandro koa ny fotoana hanatanterahana izany. Eo ambany fitarihan'ny rainjaza ny lanonana ary anasana ny havana aman-tsakaiza. Rarina hatanjaka sy hahavita ny adidin-dehilahy rehetra eo amin'ny fiarahamonina ny zaza.

Ny antoandro, mandeha maka fary raiki-bololona any amin'izay toerana ahitana izany ny lehilahy ao amin'ny fianakaviana. Tandindon'ny fiainana mbola hivelatra ny fary raiki-bololona. Tsy miera izy ireo satria heverina fa miombom-po amin'ny fianakaviana ny mpiara-monina hitsodrano ny zaza hahaleo hahalasana. Mitondra zava-maneno toy ny sodina, farara ary amponga ny mpaka fary. Mihira sy mandihy izy ireo eny an-dalana hiverina ho any an-tanàna. Ny harivan'iny, tanterahina ny alim-pandihizana iarahan'ny rehetra mitotorebika.

Ny ampitso maraina vao mangiran-dratsy²⁰, mandeha maka ranomahery any amin'ny rano mandeha na loharano tsy ritra indray ireo lehilahy naka ny fary. Sokajina ho rano madio izany. Tsy maintsy rano mandeha na loharano tsy ritra no hakana izany satria sokajina ho rano madio. Tsenain'ny vehivavy amin'ny hira sy dihy izy ireo rehefa eny akaikin'ny tanàna.

Amin'ny efatra ora maraina eo ho eo, tanterahina ny didim-poitra. Ampofoin'ny lehilahy velon-drainy aman-dreny ny zaza, fenjainy ny tongotra aman-tanany. Didin'ny rainjaza ny lohatsitsy²¹. Fonosina akondro iny ary omena hatelin'ny raiben'ny zaza mba hitehirizany ny ain'ny taranany. Tondrahana ranomahery haingana ny fery satria inoana ho rano mitondra hery sy manadio ary manasitrana izany. Faranana amin'ny fiaraha-misakafo ny lanonana.

2.3.1.2. Fanambadiana fahizay

Lalam-piainana heverin'ny Malagasy fa tsy maintsy izoran'ny olombelona rehetra ny fanorenan-tokantrano. Aminy, fara-fahoriana ny hoe “lany zara” na tsy mahazo vady. Dingana fitana avy amin'ny sehatra maha zaza mankany amin'ny sehatra maha olon-dehibe izany.

Tsy azo ihodivirana ny fiantsoana ireo ray aman-dreny efa lasana amin'ny fotoan-dehibe toy izany. Tanterahina ny fomban-dRazana fanao amin'ny fanambadiana. Omem-boninahitra Razazavavy sy ny fianakaviany. Vorianana ny havana rehetra na ny havana akaiky na ny havana lavitra. Asaina hanatrika ny lanonana ny mpiara-monina.

Tonga any an-tranon-dRazazavavy Ralehilahy sy ny fianakaviany mba hangataka azy ho vady. Tsy ampandrosina avy hatrany izy ireo fa ampiandrasina dimy ambiny folo minitra hatramin'ny telopolo minitra eo ho eo vao ampiadirina rehefa tapitra izany fotoana izany. Manomboka ny kabary fangataham-bady. Mamaly izany ny mpikabarin-dRazazavavy. Tapahina eo ny vodiondry. Matetika lehilahy ao amin'ny fianakaviana ihany, ankoatra an-drainy, ny mpikabary.

²⁰ alohan'ny amin'ny efatra ora ary arakaraka ny halavitry ny toerana

²¹ sombin-koditra nalana tamin'ny filahian'ny zaza

Telo (3) hatramin'ny fito amby efapolo (47) ny isan'ny valopy atolotra arakaraka izay ifanarahan'ny fianakaviana roa tonta. Didin'ny mpamoaka avy hatrany ihany anefa izany indraindray. Tolorana “vodiondry” ny ray aman-drenin-dRazazavavy ho fanomezam-boninahitra azy ireo naha olom-banona ny zanany. Atolotra azy ireo ny valopy misy ny santionan'ny lanjambola malagasy rehetra ankehitriny: ariary folo, roapolo, dimampolo, ariary zato, roanjato, dimanjato, arivo, roa arivo, dimy arivo ary iray alina.

Omena “tampimaso” ny anadahin-jaza ho fanajana azy satria olom-pady izy ka tsy tokony hiresahana fanambadiana. Tsy azo ialana ny “teny diso” satria mety ho solafaka ihany ny mpikabary ka handiso anaran'olona ary mety hampifamototra olona mpifady mihitsy aza. Fomba fanaon'ny mpikabary ao Antanifotsy taty aoriana izany raha isaky ny mandiso teny vao manolotra izany ny mpikabary taloha. Mety hanampy ireo valopy ireo ny valim-babena, solon-totovy, solon-tsaka rano, ala volofotsy ho an'ny ray aman-dreny; ny solom-bodofotsy ho an'ny raibe sy renibe mbola velona. Tolorana hasim-boasarin-jaza niara-nihira koa ny zaza niara-nilalao ... Afenina ao anaty lalimoara any an'efitrano hafa Razazavavy mandritra izany rehetra izany²².

Rehefa voatolotra ny “vodiondry”, asaina tadiavin-dRazazalahy ny vadiny ka entiny mipetraka eo anilany rehefa hitany. Entina hanehoana izany fa sarobidy sy saro-tadiavina ny vehivavy ary koa tompo'ndraikitra voalohany amin'ny tokantrano ny lehilahy.

Alaina ny rano ao anaty zinga ka afafy amin'izy roa sady manonona firarian-tsoa sy tsodrano ho azy ireo ny ray aman-dreny sy ireo ray aman-drenibe avy amin'ny andaniny sy any ankilany.

Aseho amin'izay ireo kojakojan-tokantrano hoentiny-dRazazavavy hanambady na “dôty”. Fanomezana avy amin'ny ray aman-dreniny ireo. Fahita matetika amin'izany ny fatana, vilany, lovia, sotro, zinga, sô, koveta, farafara, kidoro, seza sy latabatra ary lalimoara. Rosoana sakafo ny mpangataka ary miara-mikorana eo ny mpianakavy. Rehefa vita ny lanonana, afaka manaraka ny vadiny mody any an-tokantranony ny tovoavavy.

2.3.1.3. Fandrazanana

Ray aman-dreny efa nodimandry milevina ao am-pasan-drazana ny Razana. Hajaina hatrany izy ireo na tsy eo intsony aza. Inoana fa mitahy ny taranany izy. Noho izany, karakaraina fatratra ny fasana. Anisan'ny fanajana azy mivantana sy fiandrindrana fitahiana aminy ny famadihan-dRazana. Tanterahina isaky ny sivy taona izany ho an'ny mponina ao Antanifotsy ary maharitra roa na telo andro ny fankalazana ny lanonana.

Manatona mpanandro ny mpiray fasana ka manontany izay andro tsara hisokafan'ny fasana: andro tsy mampidi-doza ho an'ny fianakaviana toy ny aretina, ny lozam-piarakodia na ny fahafatesana mifanesy...

Atomboka ny hariva ny lanonana. Asaina ny mpiray tanàna rehetra sy ny havana tsy ankanavaka. Andrasana ho tonga izay avy lavitra, hatramin'izay monina any ampitan-dranomasina, satria adidy tsy maintsy ataony izany.

²² araka ny fanadihadiana natao tamin'ny tompo-tany iray

Mamono omby ny tompon-draharaha ka hanina iny hariva iny ny taovany, ny tenany kosa laniana mandritra ny lanonana.

Ny alina, amin'ny sivy ora eo ho eo, ampiomanin'ny Zokiolona efatra na dimy ao amin'ny mpiray fasana ny Razana havadika mba tsy hihetsiketsika ny ampitso. Mankeny amin'ny fasana izy ireo ka miresaka mivantana amin'ny Razana. Mihazona antsy bory ny iray, izay tsy miteny, mandritra ny fifampiresahana. Milaza fahavononana hatrika adidy izany. Tahatahaka izao ny resaka ifanaovana:

*“Ato ianareo ray Razana!
Miantso anareo izahay,
Aza misy mihetsiketsika ato;
Ho avy eo ny zanakareo rahampitso
Hikarakara anareo,
Hanefa ny adidy, hanatitra lamba
Zanakareo ireo
Mangata-tsodrano
Mangataka ny soa
Mangataka ny tsara
Hamolavola anareo izy,
Zanakareo,
Koa tahio andro, tahio alina
Ho ambinin-karena,
Tsy harofy eto amin'ny Tanindrazana
Koa aza mihetsiketsika eto.”*

Faranana amin'ny alim-pandihizana ny andro voalohany.

Ny ampitso maraina, atsangana ny sainam-pirenena, mikabary ny solontenam-pianakaviana misaotra ny mpanotrona sady mampahafantatra ny fandaharam-potoana, fahanana ny fokonolona ary atolotra mandritra ny “tantana” ny “sao-drazana”. Aorian'izany, alaina any am-pasana ny Razana ary entina any an-tanàna. Mihira sy mandihy ny rehetra eny an-dalana. Tohizana mandra-maraina hatrany an-tanàna ny lanonana ka mifandimby miampopo ny Razana ny “zanadrazana”na vehivavy havany akaiky. Maka mpihira gasy roa tonta ny tompon-draharaha ho fanomezam-boninahitra ny lanonana ary indraindray manomana hira sy dihy koa ny fianakaviana.

Voatanan'ny mponina ao Antanifotsy avokoa ny fomba amam-panao malagasy rehetra. Anisan'izany ny famoahan-jaza. Mivoatra araka ny zava-misy anefa ny kolontsaina. Mivoatra ny fomba fanatanterahana azy ireny saingy voatana hatrany ny maha Malagasy: ny finoana ny Zanahary sy ny Razana ary ny herin'ny zavaboary.

Sary pika 5 : tandindon'ny finoana ny fasana



Loharano : ny mpikaroka

2.3.2. Mivoaka itany mitaha amin'ny hafa

Fomba amam-panaon'ny Malagasy ny mivoaka itany. Hita any amin'ny Faritra hafa ankoatra an'Antanifotsy mandraka androany.

2.3.2.1. Mbola fanao ny mivoaka itany ao Betafo

Distrika iray ao anatin'ny Faritra Vakinankaratra ihany Betafo. Mbola manatanteraka ny mivoaka itany ny mponina ao.

Maka rivodrivotra eny an-tokontany, amin'ny misandratrandro, mbola tsy mivoaka omby, ny renim-pianakaviana sy ny zanany rehefa feno herinandro nifanana ny mpiteraka. Antsoiny izay zaza sendra azy ao an-trano, mety ho zanany ihany izany nefa mety ho zanaky ny fianakaviana na ny mpiara-monina koa, ka asainy manaraka azy. Ampitondraina taratasy sy penina izany zaza izany ka asaina manoratsoratra eo an-tokontany. Miditra ao an-trano izy telo mianaka rehefa afaka 15minitra eo ho eo.

Firariana ny zaza hanam-pahaizana sy hanan-karena izany satria manefy ny fari-piainan'ny olona ny fari-pahalalany.

2.3.2.2. Tsy latsa-danja ny an'ny Betsileo

Malaza amin'ny fihazonana ny fomban-drazana ny mponina ao Ambositra. Anatanterahana fombafomba ny fivoahan'ny reny betsileo sy ny zanany voalohany aorian'ny fiterahana. Antsoina hoe “misambasamba zaza” izany. Entina mivoaka eny an-tokontany amin'ny misandratrandro ny zaza rehefa feno herinandro. Ampiembohana tapakazo nodorana izy mialoha ny hivoahana ary ampanarahana azy hatrany izany isaky ny misy dia itondrana azy.

Roatokom-bolana aorian'izany, entina eny an-tsena ny zaza ka ividianana hena omby. Miteny toy izao amin'ny mpivarotra ny reniny “*Mividy hena fa misambasamba zaza e!*” Mandidy trafon-kena manifinify haingana ny mpivarotra raha vao mandre izany ka apetrany eo an-tampon-dohan'ny zaza mialoha ny hanomezany ny hena vidin-dreniny. Mandrombaka izany kosa izay te haka, indrindra ny mahantra. Firariana ny zaza ho lasa ambony, ho “trafo asondrotry ny nofo” sy hanan-karena na hanana omby maro ny trafon-kena omby.

Ankoatra ny hena, ividianana satro-bory vaovao koa ny zaza. Fampidirana ny zaza ao amin'ny fiarahamonina betsileo izany sady maneho ny fiahian-dray aman-dreniny azy. Iadiana varotra elaela ny entana. Rehefa afaka minitra vitsivitsy, ambara an'ilay mpivarotra fa “misambasamba zaza” ny mpiantsena. Omeny mora amin'izay ny satroka sady manonona tsodrano sy firarian-tsoa ho an'ny zaza izy.

2.3.2.3. Fivoarana ao Antanifotsy

Mivoatra araka ny sehatra sy ny fotoana ny riba. Mahatonga izany ny tranga eo amin'ny fiainan'ny mponina sy ny fahitany ny fomban'ireo fiarahamonina mifandray aminy. Mety handray ny ampahan'ny kolontsain'ny manodidina izy ary mety handray izany feno koa.

Misandratra andro avokoa ny fivoahan'ny reny sy ny zaza voalohany satria sarobidy ny harena amin'ny Malagasy. Mihary ny olona mba ho velona sy hametraka lova hiadanana'ny taranaka. Entina miantseha ny zaza ao Antanifotsy sy Ambositra satria toerana ahitana ny soa rehetra eny an-tsena.

Tombony ho an'Antanifotsy kosa, raha ampilaharina amin'ny mivoaka itany hafa, ny fanasana ny mpanotroha sy ny fitondrana karazam-pitaovana fiasana tany, fiandrasana omby, fandrahoan-kanina, ary taozavatra vita malagasy ankoatra ny taratasy sy penina. Manaporofa izany fa mazoto mampiana-janaka ny mponina ary manatanteraka fihariana nentim-paharazana. Araka izany, heverina fa loharano nipoiran'ny mivoaka itany eto Madagasikara Antanifotsy noho izy ahitana ny endrika feno isehoan'ity fomba amam-panao ity.

2.3.3. Hevitry ny antokom-pivavahana

Ankoatra ny fikolokoloana ny vatana, fikojakojana ny saina amam-panahy koa ny mivoaka itany. Fampidirana ny zaza eo amin'ny sehatry ny fiarahamonin'ny mpino izany. Antony hanatanterahana io fomba io ny fampanatonana azy an'Andriamanitra ivavahana. Mitovy araka izany ny tanjon'ny mpino rehetra maneran-tany amin'ny fanatanterahana ny fomba amam-panao amin'ny zaza. Mampiavaka ny finoana tsirairay kosa ny endrika ankalazany izany.

2.3.3.1. Mivoaka itany kristiana

Niainga tamin'ny fivavahan-drazana jiosy na “Judaïsme” ny fivavahana kristiana. Nampidirin'ny Misionera angilisy teto Madagasikara tamin'ny taona 1818 izany. Mpino kristiana ny 75% ny Malagasy.

Mino an'Andriamanitra Tokana miseho amin'ny endrika telo²³ na “Trinite” izy ireo. Andriamanitra miendrika olombelona i Jesosy. Iraka misolo tena ny olombelona hanala azy ao anaty tontolo ratsy na fahaverezana hankany amin'ny tontolo tsara na fiainana mandrakizay Izy. Miresaka amin'ireo mpino kristiana amin'ny alalan'ny Baiboly Andriamanitra. Irak'Andriamanitra ety an-tany ny mpitondra fivavahana ary to teny amin'ny mpino. Tanjon'ny mpivavaka ny hahatonga ny olombelona ho any am-paradisa.

Kisary 3 : Famintinana ny ambaratongam-pahefana mifehy ny fivavahana kristiana



Loharano : ny mpikaroka

Sakramenta²⁴ iterahana ny olona ara-panahy ny batisa. Tandindon'ny fanadiovana ny fanahy amin'ny alalan'ny rano izany. Atao batisa ny kristiana mba ho isan'ny zanak'Andriamanitra handova paradisa satria voadio. Tanterahina any am-piangonana na any anaty rano be ny lanonana.

Amin'ny ankapobeny, natokana ho an'ny zaza ity fombam-pivavahana ity. Misy ihany anefa ireo ray aman-dreny miandry ny zanany ho lehibe sy resy lahatra tsara vao atao batisa. Amin'izany manolo-tena izy ireo fa tsy atolotry ny ray aman-dreniny intsony. Anasana ny fianakaviana sy ny mpiara-monina akaiky ary ny mpiara-mivavaka ny lanonana.

Lanonan-dehibe ny batisa ka anarahana fandaharam-potoana raikitra sy voatokana ho amin'izany. Ventesina ny hira mikasika ny batisa iantsoana ny Fanahy Masina eo am-piandohana. Manao fanekena eo anatrehan'Andriamanitra sy ny fiangonana ny ray aman-drenin'ny zaza hatao batisa sy ny mpiantoka azy fa hitaiza ny zaza araka ny fomba kristiana. Manambara ny fahavononany hanaraka ny fitondrantena kristiana kosa ny olon-dehibe manolotena ho amin'ny sakramenta.

²³ Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina

²⁴ Fomba tanterahina hanehoan'ny kristiana ny finoany ety ivelany


Maka rano amin'ny tanany ny mpitondra fivavahana ka mametraka izany eo amin'ny lohan'ny zaza na manatsoboka ny lohan'ny atao batisa ao anaty rano; manonona ny anarany feno sy ny tenin'ny batisa ary mitsodrano ny zaza amin'ny anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina. Eo am-pamaranana, aterina ny fanati-pankasitrahana ho mariky ny fifalian'ny mpanotroana ary atolotra ny tsodrano. Marihina amin'ny fiaraha-misakafo any an-trano ny lanonana ho fisantarana ny fiaraha-mifaly any am-paradisa rahatrizay.

2.3.3.2. Fomba silamo

Niainga tao Arabia ny fivavahana silamo, niparitaka tany amin'ny morontsiraka atsinanan'i Afrika ary nipaka teto amin'ny Nosy. Niditra avy any amin'ny faritra avaratry ny Nosy izany. Ankehitriny, 1% ny mponina eto Madagasikara ny mpino silamo. Miorina eto ireo sekoly sy “mosquée”. Manaraka izany antokom-pivavahana izany ny Malagasy sy Karana ary Kômôriana monina ao Mahajanga sy Antsiranana indrindra ao Diégo Suarez.

Andriamanitra ny mpino silamo i Allah. Fahavalony i Shaytan. Mpaminany lehibe mpitondra ny hafany ary nanoratra mivantana ny “Coran” izay mirakitra ny didiny i Mohammed. Mpitondra fivavahana ny “Imam”. Manaraka ny foto-pampianaran'i Mohammed avokoa ny mpino silamo ho mariky ny fankatoavany an'i Allah. Tanjona kendren'izy ireo ny ho tonga any am-paradisa amin'ny andro farany. Manatanteraka fombam-pivavahana maro izy hahatrarany izany. Anisan'izany ny fomba fanao amin'ny fahaterahana.

Kisary 4 : Famintinana ny ambaratongam-pahefana mifehy ny fivavahana silamo



Loharano : ny mpikaroka

Miteraka ao an-tranon-dray aman-dreniny ny vehivavy silamo. Rehefa tonga ny andro ahavelomany, mamangy azy avokoa ny fianakaviana manontolo ary mitondra fanomezana ho azy sy ny vadiny.

Ampandroina ny zaza vao teraka ary hosorana “Khôl” ny hodi-masonry. Sisihana vola ny lamban-jaza amin'io andro io. Firariana azy hanan-karena izany. Tsakotsakoin-dreniny ny voana “dattier” ka ahosony amin'ny valanoranon'ny zaza ny faikany; ny ranony kosa atohony eo amin'ny molotry ny zaza satria tsy maintsy zava-mamy no haniny voalohany eo amin'ny fiainany.

Bitsibitsihin-drainy eo an-tsofin'ny zaza ny “Adhan” na ny fitaomana hivavaka. Fampidirana ny zaza ao anatin'ny fiarahamonina silamo sady fandroahana ny devoly na “Shaytan” izany. Inoana fa tsy mahajanona eo amin'ny toerana anononana izany teny izany ny fanahy ratsy. Tononiny amin'izany ny hoe: *“Lehibe i Allah; tsy misy Andriamanitra ankoatra azy; mpitondra ny hafany i Mohammed; andao hivavaka”*.

Aorian'izany, miara-mivoaka eny an-tokontany ny mpianakavy ka mamboly “dattier” raha lahy ny zaza. Hazo maharitra taona maro sady mamoa voankazo mamy izany ary ela velona noho ny olombelona aza. Ambolena ho an'ny zaza izany mba tsy ho diso anjara sakafo mandritra ny fahavelomany ka ho lava andro iainana sady hahita fiainana mamy hatrany izy.

Sary pika 6: “dattier” fampiasa amin'ny fahaterahan'ny zaza silamo



Loharano : ny mpikaroka

Aorian'ny fahafito andro nahaterahany, omen-drainy aman-dreniny anarana ny zaza. Tanterahina amin'io andro io koa ny ala volon-jaza sy ny famorana ny zazalahy. Antsoiny hoe: “Tahara” ny famorana. Asaina hanatrika izany ny fianakaviana sy ny mpiara-monina ary ny mahantra. Hetezana ny volo, lanjaina, ary omena ny mahantra ny vola tokony ho vidiny. Manatanteraka sorona ny mpino silamo mandritra ny ala volon-jaza: mamono biby iray raha vavy ny zaza, biby roa kosa raha lahy ny zaza satria mavesatra kokoa ny adidy miandry ny zazalahy eo amin'ny fiarahamonina sy ny fivavahana. Atolotra an'i Allah ny sorona atao amin'izany.

2.3.3.3. Fijerin'ny hindo

Karazany telo ny fivavahana arahin'ny Karana maneran-tany: ny “Shiite”, ny “Sunite” ary “Hindoisme”. Fivavahana nentim-paharazana sady mandrafitra ny fiarahamonina karana baniana ny hindoisma. Manaraka ity fivavahana ity ny 10% ny Karana monina eto Madagasikara. Mpivarotra ny ankabetsahan'izy ireo. Miparitaka manerana ny Nosy ny hindo: ahitana azy eto Antananarivo, any Fianarantsoa, Toliary, Toamasina, Diégo, Morondava, Marovoay ary Antsirabe.

Mino andriamanitra maro izy ireo. Aminy, Mpahary ny tontolo i Brahma, fanahy mpiaro i Vishnu, fanahy mpandrava i Shiva, andriamanitry ny masoandro i Surya, mpitarika sy mpanolotsaina ny mpanakanto ny andriamanibavy Dévi. Miara-miasa amin'andriamanitra kely maro dia maro izy ireo. Mpisorona sady mpanandro ny Pusari.

Tanjon'ny mpino hindoista ny hanjary andriamanitra mifangaro amin'ireo efa eny amin'ny tontolo rehetra eny. Miovaova endrika arakaraka ny asa vitany izy mandra-pahatrarany ny tanjony ka mety ho olona ary mety ho biby. Natao hitari-dalana ny mpino ny “Védas”: boky mirakitra ny foto-pinoana sy ny hira fiderana ary ny fizotran'ny fivavahana hindoista.

Olombelona voalohany noforonin'ny Mpahary i Manu ary nakana namoronana ny olona sisa ny tenany. Namboarina avy tamin'ny lohany ny olon-kendry “Brahmins”, avy tamin'ny tanany ny mpitondra fanjakana sy ny tafika “Kshatryias”, avy tamin'ny feny ny mpanao asa tanana “Vaisyas” ary avy tamin'ny tongony ny manompo “Sudras”. Ankoatra ireo, sokajin'olona heverina ho ambany indrindra ary tsy eken'ny fiarahamonina hindoista ny “patrias”.

Kisary 5 : Famintinana ny ambaratongan-drafitra mifehy ny Hindoisma



Loharano : ny mpikaroka

Tia zanaka ny mpino hindoista ka manome lanja azy hatrany am-bohoka, amin'ny andro ahaterahany, amin'ny fahazazany manontolo ary amin'ny androm-piainany rehetra.

Manatanteraka fotoam-pivavahana ny fianakaviana rehefa feno fito volana ny zaza ao am-bohoka. Diovina ny toeram-ponenana amin'io fotoana io mba hadio koa ny zaza sy ny reniny. Asiana fehy mainty eo amin'ny tanan'ilay reny handroahana ny fanahy ratsy. Tsy mahazo mankany am-piangonana intsony izy ireo manomboka amin'io andro io. Firariana ny zaza ho salama sy harani-tsaina izany fihetsika izany.

Raha vao teraka ny zaza, tendren'ny mpanandro ny vanin-teny voalohany amin'ny fanampin'anarany, ampifanarahana amin'ny ora nahaterahan'ny zaza na ny vintany izany. Aorian'izany, tanisainy ny hoavin'ny zaza sy ny vanim-potoana miavaka holalovany na ny ratsy na ny tsara. Faranany amin'ny vavaka fanarenam-bintana izany.

Tanterahina ny famoahan-jaza na” pûjâ”, enina ambin'ny folo andro aorian'ny fahaterahany. Tsy mahazo mankany am-piangonana ny ankohonany rehetra alohan'io fotoana io satria heverina fa maloto ny vatany sy ny fanahiny.

Manomana fanafody zavamaniry miisa tsy ankasa, avy any amin' ny rafozam-bavin'ny mpifana sy ny nenitoany, handroan'ny reny sy ny zaza, ny anadahin-drenin'ny mpifana. Ampidiriny ao anatin'izany ny tamotamo.

Tandindon'ny fahafenoana mihoatra ny isa tsy ankasa ary mariky ny fahasoavana manana amby ampy rariana ho an'ny zaza. Hosorana menaka voandelaka izy mianaka, aorian'izany, hanadiovana azy ireo amin'ny loton'ny tamotamo. Aorian'ny fandroana, ampisotroina ranon-javatra nohamasinina ilay reny. Natao hanadiovana azy mianaka sy ny trano avy nifanana izany.

Apetraka ao anaty sahafa misy vary akotry ny zaza rehefa vita ny fidiovana. Soratan-drainy aman-dreniny sy ny “Pusari” eo amin'ny vary ny fanampin'anaran'ny zaza. Tononin-drainy intelo izany sady mamahana tantely an-janany amin'ny sotrokely volafotsy izy ary mifandimby manoroka ny zaza izy ireo.

Farany, entin'ny anadahin-dreniny mivoaka ny zaza mba hatolotra an'i Surya, andriamanitry ny masoandro. Manendry ny hira hotanterahin'ny mpanotrona izay mifanaraka amin'ny lanonana i “Pusari” ary mifarana hatreo ny “Pûjâ”.

Tanterahina amin'ny fahasivy volany kosa ny ala volon-jaza.

Fafana 3 : Fampitahana ny fivavahana nentin-drazana malagasy amin'ireo fombam-pivavahana hafa noresahina

FIVAVAHANA	FANAHY TSARA	FANAHY RATSY	BOKY MASINA	TANJON'NY FIVAVAHANA
Malagasy	- Zanahary - Razana	Lolo	-	Razana
Kristiana	- Andriamanitra Ray Zanaka Fanahy	Satana	Baiboly	Paradisa
Silamo	- Allah	Shaytan	Coran	Paradisa
Hindoista	- Brahma - Vishnu	Shiva	Védias	Moksha

Loharano : ny mpikaroka

TSOAKEVITRA

Niompanana tamin'ny fanazavana ny mivoaka itany ao Antanifotsy ny fizarana faharoa. Nasongadina tamin'izany ny fomba fanatanterahana ny lanonana sy ny hevitra raketin'ireo singa rehetra mandrafitra azy ary ny mampiavaka azy amin'ny fomba amam-panao hafa. Ny zanaka, hono, iri-mahaory. Tia zanaka ny ray aman-dreny ao Antanifotsy. Tsy mitandro vola aman-karena izy ireo amin'ny fanatanterahana ny famoahan-jaza mba ho salama sy hanan-karena ary ho ela velona ny zanany. Vidina ny fitaovana fampiasa amin'ny lanonana, hatramin'izay lafo indrindra, toy ny lamba landy. Afoy tanteraka ny asa aman-draharaha mandritra ny andro vitsivitsy mba hahalavorary ny lanonana. Atonina ny mpanandro na ny reninjaza ahafantarana ny andron'ny fankalazana; omanina mialoha ny fitaovana; tetezina ampandrenesina ny havana aman-tsakaiza tokony hanotrona satria tandrovinana hatrany ny fihavanana.

Lanonam-pitana ara-piarahamonina sady ara-pivavahana ny famoahan-jaza. Mikasika ny tontolo rehetra manodidina ny olombelona izany satria ifampikasohana amin'ny zava-manana aina sy ny tsy manana aina ary mikolokolo ny olona manontolo: saina, vatana, fanahy. Tsongaina ny mpanotrona ny lanonana. Fidina ny fitaovana ampiasaina. Taratra avy amin'ny fihetsika ny finoan'ny olona ny Zanahary sy ny Razana ary ny hasin'ny zavaboary.

Fomba amam-panao tena malagasy manome lanja ny zaza ary mifototra amin'ny finoana ny Razana ny mivoaka itany ao Antanifotsy. Fatra-pihazona izany ny mponina ao an-toerana. Ny Betsileo sy ny Vakinankaratra ao Betafo, izay samy akaiky an'Antanifotsy, sisa manatanteraka azy eto Madagasikara ary amin'ny fomba tsotsotra.

FIZARANA FAHATELO: TOMBANA SY TOLO-KEVITRA

FIZARANA FAHATELO: TOMBANA SY TOLO-KEVITRA

3.1. Ireo lafiny heverina fa nahomby

Samy manana ny fomba fijeriny mikasika ny famoahan-jaza ny mponina ao Antanifotsy. Mahita voka-tsoa ny mpanatanteraka izany. Tokony hoheverina sy hodinihina koa anefa ireo lesoka ilampanarenana ambaran'ny mpanohitra. Atolotra ny andram-bahaolana heverina fa hanatsarana ny hoavin'ny lanonana.

3.1.1. Fiantraikany mivantana amin'ny mpandala azy

Amin'ny ankapobeny, mahomby ny famoahan-jaza. Miantraika amin'ny tenan'ny zaza sy amin'ny mpiara-monina aminy ary amin'ny mpiray tanindrazana rehetra izany.

3.1.1.1. Miteraka fahasalamana ho an'ny reny sy ny zaza

Ilana fitandremana fatratra ny fivoahan'ny zaza voalohany. Vaovao aminy avokoa ny tontolo rehetra hitany eny an-tokontany. Mazava, mandrivotra, mangatsiaka ary mamovoka eny ivelany raha miohatra amin'ny ao an-trano. Miteraka aretina ho an'ny zaza ny fisantarany tontolo tsy voalanjalanja toy ny mangatsiaka loatra na ny mafana loatra. Mety hitarika fahafatesana ho azy aza izany raha marefo ny zaza na tsy voatsabo haingana. Mahomby, araka izany, ny fotoana voatendry hanatanterahana ny famoahan-jaza. Efa misy masoandro saingy mbola tsy tena mafana loatra ny misandratra andro mbola tsy mivoaka omby.

Tsy ho an'ny zaza ihany anefa fa miteraka fahasalamana ho an'ny reny koa ny fanatanterahana ny mivoaka itany. Sarotin-katsiaka ny vehivavy avy niteraka ka mifana iray volana eo ho eo izy ho fisorohana ny sovoka. Aretina azo avy amin'ny rivotra tafiditra ao amin'ny tena izany.

Fotoana fakan'ny tera-bao aina koa ny fifanana mba hamerenana ny heriny noho izy avy nampiasa angovo betsaka teo am-piterahana. Mety hiteraka aretin-damosina sy aretin'ny taolana ary aretin'ny hozatra ny tsy fifanana. Alaim-panahy hiverina amin'ny asa aman-draharahany avy hatrany ny reny herinandro na tapabolana aorian'ny fahaterahana. Manery azy hanaja ny fotoana fifanana ny fanatanterahana ny famoahan-jaza satria tsy maintsy mipetraka ao an-trano, tsy mahazo manao raharaha ary tsy maintsy manao mafana tsara izy mandritra ny iray volana farafahakeliny. Rehefa avy entina miantseha ny zaza vao mifarana ny fifanana.

3.1.1.2. Manefy azy hahafolaka ny tontolo iainana

Akora tsy maintsy ampiasaina hamelomana ny tena sy ny ankohonana ny tontolo manodidina. Inoana fa manana hery manokana izany. Miteraka loza ho an'ny olombelona ny fikirakirana azy tsy ahazoana alalana sy tsodrano. Ampihavanina aminy amin'ny alalan'ny mivoaka itany ny zaza.

Foto-piveloman'ny mponina ao Antanifotsy ny fambolena sy fiompiana. Ambolena zava-maniry toy ny anana, voamaina, haninkotrana ary legioma ny tanindrazana izay toerana nandevenana ny tavony tamin'ny fahaterahana ary ikambanana amin'ny razana; anondrahana azy ny rano; ompiana ny omby, kisoa, bitro ary akoho amam-borona.

3.1.1.3. Antoky ny faneken'ny fiarahamonina

Fehezin'ny fomba amam-panao iraisana ny Malagasy. Manary tena tsy ho isan'ny mpiara-monina izay tsy manaraka izany fomba izany. Tsy azo leferina ny lehilahy malagasy tsy voafora, tsy tafiditra am-pasan-drazana ny vehivavy antemoro tsy mitevika, tsy azo alaina ho vady ny tovovavy sakalava marambitsy mbola tsy naseho²⁵...

Na tsy ifanerena aza ny famoahan-jaza ao Antanifotsy, avahan'ny mpiara-monina hatrany ny zaza tsy nahavitana izany. Raisiny ho zaza tsy tiana izy ireny, tsy ahafoizana vola aman-karena sady tsy andaniam-potoana, ka mba atositosiny koa. Rarana tsy hifanosy loatra aminy ny ankizy satria heverina fa zaza ratsy taiza sy tsy mahalala fomba toa an-drainy aman-dreniny koa izy. Mitohy hatramin'ny fahalehibeazany ny fanilikilihana azy.

3.1.2. Hevitry ny mpino katôlika

Anisan'ny mpino kristiana ny mpino katôlika. Mampiavaka azy amin'ny mpino prôtestanta ny finoana an'i Masina Maria Virjiny ho anisan'ny lalana nahazoana famonjena noho ny faneken'ny hitondra an'i Jesoa tao an-kibo. Noho izany, raisina ho isan'ny mpanalalana amin'Andriamanitra izy. Iavahany koa ny finoana ny Olomasina. Sokajina ho Olomasina ireo mpino nahavita asa tsara tety ambon'ny tany ka efa nodimandry. Manjary mpanelanelana ny olombelona amin'Andriamanitra izy ireo.

Mitovy lanja, raha ampilaharina amin'ny finoana nentim-paharazana malagasy, ny Olomasina sy ny Razana. Samy azo angataham-pitahiana sy fiarovana izy ireo. Heverina fa azo ampiarahina tsara, araka izany, ny fivavahana kristiana sy ny fivavahana nentim-paharazana malagasy.

3.1.2.1. Fitiavan-janaka

Harena avy amin'Andriamanitra sy ny Razana ny zanaka. Mbola marefo ny zaza ka mila ny fiahian-drainy aman-dreniny. Kolokoloina ny vatany sy ny sainy. Tezaina hahalala an'Andriamanitra sy ny Razana izy ka hifandray amin'izy ireo, kolokoloina mba hahay hanaja ny fiarahamonina koa.

Endrika isehoan'ny fiahiana ny zanaka ny famoahan-jaza. Fitsimbinana ny hoaviny izany. Inoana fa mety ho sahirana ara-pivelomana na ho farofy na ho folaka an-dantony mihitsy aza ny zaza tsy anatanterahana mivoaka itany.

3.1.2.2. Fankatoavana ny baikon'Andriamanitra

Baikon'Andriamanitra namehezany ny didy folo ny hoe: *“Tiava ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao manontolo, amin'ny fanahinao manontolo, amin'ny herinao manontolo, ary amin'ny sainao manontolo”* sy ny hoe *“Tiava ny namanao tahaka ny itiavanao ny tenanao”*²⁶. Didy fahaenina ao amin'ny Baiboly koa ny hoe *“Manajà ny ray aman-dreninao dia ho ela velona ianao”*²⁷. Iainana miaraka ety an-tany ny maha Malagasy sy ny maha kristiana.

²⁵ nanaovana lanonana tamin'ny fahatongavan'ny fadimbolany voalohany

²⁶ Lioka 10:27

²⁷ Eksaody 20:15

Endrika isehoan'ny fanajana ray aman-dreny ny famadihan-drazana. Mety hangatsiaka ny Razana rehefa rovitra ny lamba namonosana azy. Afindra ao am-pasan-drazana na fonosin-damba vaovao izy mba tsy hiparitaka sady mba hafana tsara.

Mariky ny fitiavan-janaka kosa ny famoahan-jaza, ny ala volon-jaza, ny famorana ary ny fanambadiana. Anasana olona hatrany ireo lanonana ireo ho porofon'ny fifankatiavana izay isan'ny baikon'i Jesoa.

3.1.2.3. Fitiavan-tanindrazana

Tsy kisendrasendra ny maha Malagasy fa lahatra sy tendry. Manana teny sy fomba amam-panao ary finoana iraisana ny mpiray firenena. Betsaka ireo olona avy any amin'ny firenen-tsamihafa mivezivezy eto Madagasikara. Ny Malagasy kosa mitsangantsangana na mandranto fianarana na mivelona any ivelan'ny Nosy.

Mifampita kolontsaina ny olona. Tafiditra eto amintsika ny teny vahiny sy ny fomba amam-panaon'ny vahiny. Nanjary kolontsaintsika ny finoana vahiny indrindra ny finoana kristiana. Na eo aza ny fakan-tahaka, mampisongadina ny fitiavana sy ny fanajana ny an'ny tena ny fanohizana ny fomba amam-panao nentim-paharazana. Mariky ny fitiavan-tanindrazana izany. Anisan'ny lanonana mitahiry ny kolontsaina malagasy ny famoahan-jaza.

3.1.3. Fiakony eo amin'ny fitondram-panjakana

Maneho ny fahafahana mampifangaro finoana samihafa, mitovy tanjona amin'ny fitondram-panjakana ary mampisongadina ny fiizian'i Madagasikara ny mivoaka itany.

3.1.3.1. Malalaka ny fampifangaroam-pinoana

Miantraika amin'ny fiainan'ny tsirairay sy amin'ny fiainam-pirenena ny fahafahana. Endrika isehoan'ny fahafahan'ny isam-batan'olona ny fahalalahany misafidy ny andriamanitra tiany inoana sy ny fiangonana tiany idirana.

Ankehitriny, voizina ny “Laïcité de l’Etat” na ny tsy fampifangaroana ny fitondram-panjakana sy ny finoana. Tsy manana fivavaham-panjakana ny Malagasy. Fivavahana nentim-paharazana fotsiny ihany ny fivavahana amin'ny Razana. Tsy terena hanompo ny Razana ny mponina ary tsy azo rarana tsy hanao izany koa.

Ankoatra ny fivavahan-drazana, maro karazana ny fiangonana kristiana miorina eto amin'ny firenena. Mijoro eto ny eglizy katôlika rômana sy ny eglizy katôlika ôrtôdôksa; ny fiangonana protestanta FJKM sy FLM, ny fiangonana anglikana ary ny fiangonana zandriny izay niainga avy tamin'ireo fiangonan-dehibe. Manampy izany ny “mosquée” sy ny trano fivavahana hindoista ary ny maro hafa. Ekena ny fitsanganan'ny karazam-pivavahana rehetra. Azon'ny Malagasy atao ny mampifangaro ny fivavahana nentindrazana amin'ny finoana hafa.

Malalaka toy izany koa ny fanatanterahana ny famoahan-jaza na tsia arakaraka ny faharesen-dahatry ny tsirairay. Mankalaza izany ny 20% ny Malagasy ankehitriny.

3.1.3.2. Mifanindran-dalana amin'ny tetikasan'ny Ministera sy ny fikambanana tsy miankina

Sehatra iray natao hanatsarana ny fiainan'ny mponina ara-batana ny Ministeran'ny Fahasalamambahoaka. Mamolavola tetikasa maro ny Ministera. Anisan'izany ny Sampan-draharaha manokana misahana ny fahasalaman'ny ren'y sy ny zaza. Miara-miasa amin'ny fikambanana tsy miankina ny Fitondram-panjakana.

Maimaimpoana ny fandrindram-piainam-pianakaviana sy ny fisafonana ny ren'y bevohoka. Tsy andoavam-bola ny fandidina ny vehivavy tratan'ny aretin'ny tatavia. Maimaimpoana ny tsindrona fanefitry ny tetanosy atao amin'ny vehivavy tera-bao. Tsy andoavam-bola koa ny vakisiny fanao amin'ny zaza toy ny BCG, ho an'ny zaza vao teraka, ny DT Coq Polio, ho an'ny zaza enim-bolana, ny vakisiny fanefitry ny nendramboalavo, ho an'ny zaza sivy volana...Mifanindran-dalana amin'ny fomba fihodinan'ny famoahan-jaza izany rehetra izany. Manery ny vehivavy hifana iray volana sy hitandrina fatratra ny fahasalaman'ny zaza izany fomba amam-panao izany ka misoroka aretina maro mety hihatra amin'ny ren'y sy ny zaza. Anisan'izany ny sovoka sy ny aretin-kibo.

Mifandraika amin'ny tetikasan'ny Ministeran'ny Fitsarana sy ny Ministeran'ny Mponina koa ny famoahan-jaza. Arovan'ny lalàna ny zon'ny ankizy. Betsaka ny didy aman-dalàna mamaritra ny tokony ho anjara toeran'izy ireo eo amin'ny fiarahamonina. Mijanona ho soratra fotsiny anefa ireny raha tsy tanterahina ny fomba amam-panao amin'ny zaza malagasy.

Baikoin'ny toe-tsaina manome hasina ny zaza ireo ray aman-dreny manatanteraka ny famoahan-jaza. Mitaiza ny mpiara-monina hanaja ny zaza izy ireo amin'izany. Iharan'ny tsy rariny amin'ny endrika samihafa ny zaza. Herisetra mpahazo azy ara-tsaina ny fanavakavahana sy ny trerontreona ary indrindra ny fisarahan'ny ray aman-dreny. Herisetra mpahazo azy ara-batana kosa ny daroka, ny fampiasana zaza tsy ampy taona, ny fanodinkodinana zaza tsy ampy taona, ny fanolanana ary ny fivarotana sy fanondranana zaza antsokosoko.

Tsy manam-pahefana amin'ny tenany ny zaza. Mamaritra ny anjara toerany ny fiarahamonina. Hihena ny taham-pisaraham-panambadiana, hihena ireo tranga mamofady mpihatra aminy raha tsaroan'ny mpiray tanindrazana ny lanjan'ny zaza sy ny taranaka.

Olana ho an'ny ankizy sy ny tanora koa ny fialana sakana. Miteraka toetra tia sotasota ao anatin'ny izany satria fotoana hamantarany ny fiiziany manokana. Manampatra ny heriny amin'ny olona mifampikasoka aminy sy amin'ny tontolo manodidina azy izy: manimba zavamaniry, mamono biby, ary misompatra ny mpiara-monina. Manampy ny zatovolahy sy ny zatovovavy hiala amin'ny toetra ratsy ny fanatanterahana fomba amam-panao hampitana azy ho any amin'ny sehatry ny olon-dehibe. Hahafantatra ny lanjany manoloana ny fianakaviana sy ny fiarahamonina izy rehefa mahalala ny hevitra fonosin'ny famoahan-jaza natao azy tamin'ny fahazazany. Hihavitsy noho izany ny zaza tezaina eny amin'ny toeram-panarenana zaza tsy ampy taona fa ho matotra sy ho olom-banona ny taranaka. Araka izany, fanoitra fa tsy sakana ho amin'ny fampandrosoana ny famoahan-jaza.

3.1.3.3. Mampisongadina ny fiizian'ny firenena

Firenena mahaleo tena i Madagasikara na dia misokatra sy miara-miasa amin'ny firenen-kafa aza. Manintona ny vahiny ny kolontsaina malagasy. Miroborobo ny sehatry ny fizahantany eto amintsika. Voasarika handalina ny fomba amam-panao malagasy ny mpandinika haiolona. Manaitra azy manokana ny lanonana fitana isam-paritra, ny taozavatra malagasy mampiavaka ny Foko tsirairay ary ny asa soratra sy ny lahabolana malagasy fanao adavanandro sy amin'ny vanim-potoana miavaka.

Taratra avy amin'ny famoahan-jaza ny fiavahana sy ny fizian'ny Malagasy. Misongadina amin'izany ny foto-pivelomany, ny finoany ny Zanahary sy ny Razana ary ny hasin'ny zavaboary, ny fahaizany manao taozavatra, ny toetrany mandala fihavanana sy firaisankina...

3.2. Fijerin'ny mpanohitra

Ilana fandinihana ny kiana sy tsikera arosan'ny mpanohitra. Tokony harenina ny lesoka amin'ny famoahan-jaza ho fanatsarana ny lanonana. Mifototra amin'ny toe-tsaina sy ny toe-karena ireny tsikera ireny amin'ny ankapobeny.

3.2.1. Fandaniem-potoana

Fehezin'ny fandaharam-potoana raikitra ny mponina ao Antanifotsy. Tsy maintsy dikaina izany lamina izany mandritra ny famoahan-jaza. Ankalazaina mandritra ny ririnina ny famorana sy ny famadihana ka tsy maintsy iomanana mialoha. Kendrena mba ho amin'ny fotoana fiakaran'ny vokatra ny fanambadiana. Tsy vofetra toy izany kosa anefa ny famoahan-jaza fa tsy maintsy tanterahina raha vao migadona ny fahaherinandron'ny zaza.

3.2.1.1. Fanangonana fitaovana

Angonina ny entana rehetra ilaina amin'ny lanonana. Mandrany saronankarona ho an'ny zaza ny ankohonany; miantseka koa izy ireo ka mividy lamba landy. Tsy maintsy azo indray andro mialoha ny lanonana ny sakafo hokarakarina ho an'ny mpanotrona. Vidina amin'izany ny vary sy ny laoka. Angonina ny fitaovam-pihinanana handraisana ny vahiny.

3.2.1.2. Fampiomana ny mpanotrona

Fotoan-dehibe eo amin'ny fiainan'ny ankohonana manontolo ny famoahan-jaza. Tsy hadinoina ny manasa ny havana aman-tsakaiza hiara-mifaly amin'io fotoana io.

Saika monina ao anatin'ny distrikan'Antanifotsy avokoa ny mpianakavy. Na dia fampiasan'ny mponina ao Antanifotsy aza ny finday, tsy fombany ny milaza vaovao lehibe amin'ny alalan'izany. Ampandrenesina isan-trano ny mpanotrona. Mahatety vohitra maro sy tokantrano maro ny mpilaza vaovao ary mety hahavita dia an-tongotra lavitra, hatramin'ny folo kilaometatra mihitsy aza, mandritra ny andro.

3.2.1.3. Fanatrehana ny lanonana

Mandany fotoana avokoa na ny mpanasa na ny olona asaina mandritra ny famoahan-jaza.

Andraikitry ny fianakaviana ny mahandro sakafo amin'ny andron'ny lanonana. Arakaraka ny isan'ny mpanotrona ny fotoana lany amin'ny fanomanana sakafo. Tetehina ny hena, atokona ary arahi-maso akaiky. Ofaina, fantenina, atokona sy arahi-maso koa ny vary. Diovina ny lovia sy sotro hihinanana. Rehefa mifarana ny lanonana, manadio ny tanàna sy ireo fitaovana nampiasaina indray ny fianakaviana vao afaka mamonjy ny tokantranony avy.

Roatokom-bolana aorian'izany, mbola mitondra ny zaza any an-tsena ny ankohonana sy ny mpiara-monina vitsivitsy ary ny fianakaviana izay te hanaraka ka mamela ny raharahany any antanàna.

3.2.2. Fandaniem-bola

Ilana vola misimisiny ny fanatanterahana ny mivoaka itany satria mihoatra noho ny andavanandro ny fandania amin'izany ary tsy araka ny fidiram-bolan'ny isan-tokantrano.

3.2.2.1. Kely ny vola miditra

Tantsaha ny ankabetsahan'ny mponina ao Antanifotsy. Tsy dia manana tany midadasika avokoa akory ny mpamboly. Tsy mahavita taona ny vary miakatra. Fidiram-bola fanampiny ny fiompiana sy ny varotra ary ny jono indraindray. Mameno ny sakafo andavanandro ny vidin'ireo. Tsy manana ambim-bava hampiasaina tampoka ny olona ka matetika amidy ny biby fiompy, indrindra ny akoho, rehefa mila vola maika toy ny vidim-panafody.

Adidy tsy maintsy tanterahina mivantana amin'ny Razana isaky ny sivy taona ny famadihana. Iomanana an-taonany maro izany. Ahena ny fatran-tsakafo fihinana rehefa akaikikaiky ny fotoana hanatanterahana izany mba hahangonana izay ilaina. Tsy maintsy amoahana vola tampoka koa ny adidy amin'ny mpiara-belona. Anisan'izany ny famangiana an-kasoavana sy an-karatsiana. Isan'ny fandanian'ny tokantrano tsirairay ao an-toerana koa ny fampianarana ny ankizy. Aloa ny saram-pisoratana anarana, vidina ny fitaovam-pianarana. Omena saran-dalana sy anofana trano any an-drenivohitra ireo mpianatra eny amin'ny lisean'Antanifotsy avy any ambanimbanihita.

Fandaniem-bola, araka izany, ny fanatanterahana ny mivoaka itany satria tsy tokony ho laharam-pahamehana mihitsy izany manoloana ny filana andavanandro.

3.2.2.2. Lafo vidy ny fitaovana

Vidina ny fitaovana tsy mbola ananana ao an-trano. Tsy azo ialana ny lamba landy vaovao. Lafo vidy izany noho izy tsy fampiasa andavanandro fa mihaja indrindra. Dimy alina ariary (50 000 Ar) hatramin'ny valo alina ariary (80 000 Ar) ny lamba fitafy vita amin'ny landy. Tsy azo soloina karazan-damba hafa izany satria manana ny lanjany manokana manoloana ny fomban-drazana malagasy. Vesatra ho an'ny mponina ny fividianana ny lamba ka mihafy ny ankamaroan'izy ireo rehefa vita ny lanonana.

3.2.2.3. Anokanana vola ny sakafo

Fandania manokana ankoatra ny mahazatra ny fividianana sakafo ho an'ny mpanotroha ny lanonana. Matetika manodidina ny dimampolo eo ho eo ny mpanatrika izany araka ny fanadihadiana natao tamin'ny mponina tao an-toerana.

Tombanana ho valo arivo sy sivy alina ariary (9 800 Ar) eo ho eo ny fandania mikasika ny sakafo. Vidina amin'izany ny hena milanja folo kilao sy ny vary dimy ambin'ny folo kilao. Manodidina ny valo arivo ariary ny vidin'ny hena iray kilao (8 000Ar) ary manodidina ny roanjato sy arivo ariary (1 200Ar) ny vary iray kilao. Vola be saro-tadiavina izany ho an'ny ankabetsahan'ny mponina ao Antanifotsy ka manimba ny fiainany aorian'ny fety.

3.2.3. Finoanoam-poana

Tsy mankasitraka ny famoahan-jaza ny fiangonana kristiana protestanta, ireo sokajina ho fiangonana zandriny, ireo malagasy mpihinana am-bolony ny fomba vaovao entin'ny fandrosoana ary ireo mponina sahirana ara-pivelomana ao Antanifotsy. Lafin-javatra maro no mandresy lahatra azy ireo tsy hanatanteraka izany.

3.2.3.1. Miteraka tsy fiezahana hihary

Fomban-drazana fanao hatry ny ela ny famoahan-jaza. Firariana ny zaza ho salama sy hanan-karena ary ho lava andro iainana izany. Tsy mahomby izany fomba izany araka ny fijerin'ny mpanohitra. Manjary tsy miezaka miasa araka ny tokony ho izy ny olona fa zara raha mandray andraikitra. Manantena izy ireo fa tsy maintsy mandroso ny toe-karena satria mitahy ny Razana izay nantsoina tamin'ny famoahan-jaza na tsy mifantoka loatra amin'ny asa fivelomana aza. Ny ray aman-dreny indray misy tena miandry ny zaza ho tonga olona ambony eo amin'ny fiarahamonina kanefa tsy mampiana-janaka akory. Ao koa ireo tsy mitandrana ny fahadiovana saingy manantena ny ho salama hatrany. Ny mpanarampo amin'ny vola sy ny zava-mahadomelina koa aza mino fa ho lava andro iainana.

Vokatr'izany, mbola betsaka ny zaza farofy sy iharan-doza. Mbola ahitana zaza marary any amin'ny toeram-pitsaboana. Tsy voafetra ny matin'aretina sy loza tampoka. Ankoatra izany, tsy tonga lafatra ara-pivelomana ny vahoaka: tsy mahavita taona ny vary, tsy ampy ny tany ambolena. Vitsy ny ray aman-dreny maharaka mampiana-janaka hatreny amin'ny Ambaratonga Ambony. Olana ara-toe-karena izany rehetra izany na eo aza ny firariana ny zaza hanan-karena mandritra ny mivoaka itany. Mampitotongana ny fari-piainan'ny mponina ary mitaona azy tsy handray andraikitra izany fomba amam-panao izany.

3.2.3.2. Tsy mampidi-doza mivantana ny tsy fanatanterahana azy

Fomban-drazana notohizan'ny ray aman-dreny hatramin'izao ny famoahan-jaza. Iezahan'izy ireo ampitaina amin'ny taranaka ankehitriny izany. Fandresen-dahatra ihany anefa ny azy fa tsy afaka hanery ny taranany hanatanteraka izany izy ireo.

Tsy iharan-doza manokana toy ny habokana na fahajambana ny zaza tsy nahavitana famoahan-jaza. Tsy voatery ho folaka an-dantony na ho farofy sy kilemaina na hahantra fadiranovana izy ireny. Tafita ihany izy rehefa milofo amin'ny fianarana sy ny fitadiavana. Betsaka ireo tonga olona ambony sy manam-pahaizana. Misy aza mahazo asa ao Antanifotsy Renivohitra rehefa avy nandranto fianarana teny amin'ny Ambaratonga Ambony. Manan-tokantrano ara-dalàna sy manan-taranaka ary tratra antitra miaraka amin'ny zafikely na zafiafy ny ankabetsahany. Manaporofy izany fa azo tsy atao ny mivoaka itany.

3.2.3.3. Fanompoan-tsampy

Amin'ny mpino kristiana protestanta sy fiangonana zandriny, afaka mifandray mivantana amin'Andriamanitra ny olombelona. Jesosy irery ihany, izay Andriamanitra rahateo, no Mpanalalana. Didy voalohany ao amin'ny Baiboly ny hoe: “*Aza manana Andriamanitra hafa fa Izaho ihany*”²⁸. Fahotana lehibe eo anatrehan'Andriamanitra ny fanatanterahana ny ankamaroan'ny fomba malagasy. Anisan'ny fanompoan-tsampy ny famoahan-jaza. Fandikana ny didy voalohany izany. Tsy azo tompoina miaraka amin'ny Razana Andriamanitra.

²⁸ Eksaody 20:3

3.3. Hoaviny sy tolo-kevitra

Ankehitriny, mbola ataon'ny mponina ao Antanifotsy ny mivoaka itany. Etsy an-daniny, mifampitaona hankalaza izany ny olona. Manohy izany ny sasany mahita ny hafa mankalaza ny lanonana. Manaraka koa ireo tsy mbola mpanatanteraka izany. Etsy an-kilany anefa, mihena ny isan'ny mpanaraka ny mivoaka itany noho ny fahitana ny lesoka amin'ny fomba fanatanerahana azy.

3.3.1. Eo an-dalam-pahafatesana ity fomba ity saingy mbola azo arenina

Mbola heverin'ny ankabetsahan'ny mponina ao Antanifotsy ho zava-dehibe sy mitondra fahombiazana ity fomba ity matoa tsy maty mandraka ankehitriny. Inoana fa mahatsara ny hoavin'ny famoahan-jaza ny ampahany amin'ireo fanakianana ataon'ny mpanohitra ka ilana fanarenana.

3.3.1.1. Misarika ny hafa ny mpankafy

Mankalaza ny lanonana avokoa ny 80%-ny mponina ao an-toerana. Tsy kobonina ho an'ny ankohonana samirery izany fa sokafana ho an'ny fianakaviana sy ny mpiara-monina akaiky.

Tsy vitsy ireo tompon-tany mila ravinahitra any an-tanàna hafa. Monina any amin'ny tanindrazambadiny avokoa ny vehivavy izay manambady olona ivelan'ny mponina ao an-toerana. Mijoro manatanteraka ny fombany hatrany izy ireo na any an-tanin'olona aza. Voasrika hanatanteraka ny famoahan-jaza ny mpiara-monina aminy.

Manara-bady ao Antanifotsy kosa ny vinantovavy rehetra avy any amin'ny fiarahamonina hafa. Misafidy ny hivelona ao an-toerana miaraka amin'ny vady aman-janany ireo vinantolahy sasantasany noho ny fahavokaran'ny tany sy ny fahafahany mivelona tsara ao. Anatanterahana famoahan-jaza avokoa ny zaza aterak'izy ireny. Tafita ho azy any amin'ny lafin-kavan'ireo vinanto ny fomban'Antanifotsy.

Voasrika hamoaka zaza ny manodidina. Resy lahatra hanohy ny fankalazana izay nikasa hanajanona izany. Tapa-kevitra hiverina hanatanteraka izany indray ireo efa tena nanajanona izany.

3.3.1.2. Mirona hiala fady ny olona sahirana

Fomba fanao nandidian'ny Razana ny ray aman-dreny rehetra ny famoahan-jaza mba hahasoa ny taranany. Masina ny Razana ka tsy maintsy arahina izay lazainy. Mavesatra amin'ny ray aman-dreny sasany anefa ny fanatanerahana izany adidy izany ka mirona hiala fady izy ireo.

Manatona Ombiasy izy ireo ka mitaraina aminy sady mangataka alalana hanajanona ity fomba ity. Tanterahiny izany ho fanajana ny Razana. Adinkadinina fatratra izy ireo ary asaina milazalaza izay antony hialany amin'ny famoahan-jaza. Ambarany fa tsy araka ny toe-bolan'izy ireo mandavantaona ny fandania takina aminy. Atao ny fombafomba rehetra hangatahana alalana amin'ny raia mandreny efa nodimandry.

Miantso ny Razana ny Ombiasy ka mampiditra ny resaka mikasika ny anton-dian'ny olona manatona azy. Aorian'izany, asainy mivavaka mangataka alalana mivantana amin'ny Razana izy ireo ary asainy mamono biby, toy ny akoho amam-borona, atao sorona. Tsy maintsy manolotra toaka ho an'ny Razana koa izy ireo satria mampifandray ny olombelona amin'ny fanahy any

anjoatra ny toaka. Farany, tolorana vola arakaraka ny fahafahana sy mifanaraka amin'ny falim-po amin'ny Razana ny Ombiasy. Dimy arivo ariary eo ho eo no fanomen'ny olona amin'izany²⁹. Mamarana ny vavaka misolo tena ny mpanasina misaotra ny Razana ary mangata-dalana ho azy ireo ny Ombiasy.

3.3.1.3. Azo antoka ny fitohizany raha mivaha ny olana

Olana mipetraka ny tsy fahampian'ny hoenti-manana sy ny tsy fahombiazana amin'ny fanatanteraha ny lanonana. Miala fady ny olona rehefa tsy hanatanteraka ity fomba ity intsony noho ny tahotra ny Razana.

Raha miravona ireo olana ireo, raha voarina ny lesoka, azo antoka fa tsy hisy hiala fady ny mponina. Mifanohitra amin'izany aza, hitombo hatrany ny mpanatanteraka ny famoahan-jaza.

3.3.2. Tolokevitra avy amin'ny mpiara-monina

“Akaiky vilany feno arina” hoy ny Malagasy. Voalohany tena mahita ny lesoka ilana fanarenana mikasika ny famoahan-jaza ny mpiara-monina. Mikaroka hevitra izy ireo ho fanatsarana ny fanatanterahana ny lanonana.

3.3.2.1. Avy amin'ny vahoaka tsotra

Lanonana voalohany tanterahina amin'ny zaza hampitana azy ho olon-dehibe ny famoahan-jaza. Mbola lavitra ny fiainana hodiaviny aorian'io ka arakaraka ny fahaizany manaja ny Razana no hahombiazany amin'ny ho avy. Tsara ny manaja ny fomban'ny tena na toy inona na toy inona fomba entin'ny fandrosoana ary na manao ahoana na manao ahoana ny fianarana nolalovana. Ho an'ny tanora, indrindra ireo nahita fianarana, sokajiny ho isan'ny mariky ny tsy fandrosoana ny fanarahana ireny fomba taloha ireny. Tsy manan-kasina aminy ny Razana fa toy ny faty rehetra: tsy mahita, tsy mandre ary tsy manam-pahefana amin'ny fiainan'ny olombelona intsony.

Mety hiteraka loza ny fisetrasetrana toy izany na ho an'ny olona nahavitana famoahan-jaza aza. Hiharan'ny fahatezeran'ny Razana, na ho ela na ho haingana, izay minia mandika ny lamina napetrany hatramin'izay. Mety hahomby ny fiainany kanjo hitotongana tampoka amin'ny fotoana tsy ampoizina.

Anjoatra izany, tsy finoana an-jambany fotsiny ny anton'ireo firariana tanterahina amin'ny zaza mandritra ny mivoaka itany fa mitaky hetsika avy amin'ny tenany. *“Valala tsy azo tsy andriana ilika”* hoy ny ohabolan'ny Ntaolo. Mijanona ho teny fotsiny ny vavaka sy firariana raha tsy mitondra ny anjara birikiny eo amin'ny fiarahamonina ny tsirairay. Handry fotsy ny ankohonana tsy mampidi-bola sy tsy miasa fa miandry hotoloram-potsiny, ho farofy sy ho rava harena na hiam-pahafatesana izay tsy mitandrina ny ainy. Ohatra, manarampo amin'ny fandraisana zava-mahadomelina na mpandanilany foana.

Tokony haneho fitiavana ny zanany ny ray aman-dreny niteraka: mitaiza, mananatra, mampianatra ary mamelona azy mba hahato ny firariany ny zaza ho salama sy hanan-karena ary ho ela velona. Tsy manatanteraka famoahan-jaza intsony ny vehivavy avy niteraka tany amin'ny tobim-pahasalamana. Heveriny fa efa fitondrana ny zaza mivoaka ny fodiana any an-trano ka tsy misy dikany intsony ny fankalazana izany aty aoriana. Tsy tokony hiandry vokatra ara-batana fotsiny ny reny fa indrindra indrindra hanome lanja ny vokatra ara-tsaina sy ara-panahy. Ankasitrahan'ny

Razana hatrany ny famoahan-jaza na efa avy nivoaka avy tany amin'ny toeram-pitsaboana aza ny zaza andro vitsy taorian'ny fahaterahany. Ho tsapan'ity farany koa ny lanjan'izany fomba izany ary hisy fiantraikany amin'ny sainy rehefa tonga ny fahalehibeazany.

Anjaran'ny mpiara-monina kosa ny manampy ny ray aman-dreny amin'ny fitaizana sy fikolokoloana ny zaza: tokony tsy hisorona hananatra sy hanome torohevitra ary tokony hanome hasina ny zaza hatrany izy ireo.

3.3.2.2. Avy amin'ny mpanandro

Voalazan'ny Ntaolo fa “*ny harena mila vintana*” ary koa “*Andriamanitra nanome fa Ibalita no tsy nambinina*”. Tokony hijery vintana ny olombelona tsirairay ka hanarim-bintana raha anisan'ireo ratsy vintana.

Manao izay ho afany ny ray aman-dreny amin'ny famoahan-jaza. Kivy anefa izy ireo raha mahita fa tsy salama matetika ny zanany na sahirana lava ara-pivelomana ny ankohonana. Tokony hanatona mpanandro hamantatra ny vintan'ny zaza izy. Ilaina ny fanamboarana izany avy hatrany raha vao hita fa ratsy. Toy izao ny fomba fanarenam-bintana: Alaina ny ravin-kazo, tenehina ary ampandroana ny zaza mba hanalana ny ratsy rehetra. Miova tanteraka ny fiainan'ny zaza aorian'ny fanarenam-bintana.

3.3.2.3. Avy amin'ny Zokiolona

Mahatonga ny fiainan'ny zaza ho tsizarizary ny tsy fanatanterahana ny famoahan-jaza na tsy hita mivaingana eo no ho eo aza ny voka-dratsin'izany, araka ny hevitra ny Zokiolona ao an-tanàna.

To teny amin'ny mpiara-monina ny Zokiolona. Sarotra kokoa amin'ny olona ny handika ny baikon'izy ireo noho ny handika ny didim-panjakana³⁰. Mikasa hametraka didy mikasika ny tsy maintsy hanatanterahan'ny tompon-tany rehetra ny famoahanjaza ny sasany amin'izy ireo mba hampivoarana ny fiainan'ny mponina. Kasainy apetraka ho lalàna ny tsy fahazoana milevina am-pasan-drazana ho an'ny zaza tsy nahavitana izany fomba izany. Mbola mijanona ho vinavina ihany anefa izany hatramin'izao satria mbola eo an-dalam-pandinihana lalina sy eo am-pandanjаланjana ny fanatanterahana izany sy izay mety ho vokany izy ireo.

Inoan'izy ireo fa tsy hisy ho sahy hanohitra izany didy izany ka ho voahazona hatrany ny hasin'ny fomban-drazana.

3.3.3. Hevitra ny mpikaroka

Fomba amam-panao malagasy malaza indrindra ny famadihana. Lanonana vitsy mpahafantatra indrindra kosa ny mivoaka itany ankehitriny. Arosonay ary ireto andram-bahaolana heverina fa hanatsarana ny hoavin'ity farany.

³⁰ RAMASINDRAIBE, (P), 1975, Fokonolona Fototry ny Firenena, Nouvelle Imprimerie des Arts Graphiques, Antananarivo : “Aleontsika manaja fady toy izay manoa lalàna”.

3.3.3.1. Mitovy lanja amin'ny fomba malagasy hafa rehetra ny famoahan-jaza

Fanomezan-danja ny maha olombelona ny fomba malagasy rehetra. Fampidirana ny zaza ao amin'ny fiarahamonina ny famoahan-jaza sady fanindraindrana azy toy ny amin'ny ala volon-jaza; fanomezan-danja ny zazalahy manokana sady fanavahana azy amin'ny vehivavy ny famorana; fanomezam-boninahitra ny tovovavy ny fanambadiana ka nantsoina hoe “fampakaram-bady”. Fanomezan-kasina ny Razana kosa ny famadihana.

Tsy misy Malagasy miala fady satria tsy te hanatanteraka fanapaham-bodiondry na famorana intsony. Tsy misalasala anefa ny olona sahirana mangataka alalana hanajanona ny famoahan-jaza.

Mamoaka zaza ny ankabetsahan'ny mponina ao Antanifotsy na tsy mahafantantra ny hevitra raketin'izany fomba izany akory aza. Ilaina ny fampahafantarana ny lanjan'ity riba ity amin'ny Malagasy rehetra. Dingana lehibe tanterahin'ny mpanandro ao Antanifotsy ny fampianarana ny fomban-drazana any amin'ny sekoly ao an-toerana. Taranja ianarana isan-kerinandro izany ao amin'ny sekoly katôlika fa valandresaka indraindray kosa any amin'ny sekoly hafa.

Mavesatra ny faneriterena kasain'ny Zokiolona hampiharina handresena lahatra ny mponina hamoaka zaza. Hanaiky mora foana anefa ny vahoaka rehefa takany ny antony anatanterahana izany ary rehefa ekeny fa mitovy lanja amin'ny fomba amam-panao malagasy rehetra izany.

3.3.3.2. Azo tanterahina araka ny fari-piainana

Tsy azo ihodivirana ny tsy fitovian-tsaranga eto amin'ny firenena. Mifamatotra amin'ny fari-piainan'ireo ray aman-dreny taloha izany. Manefy ny saranga koa ny fari-pahalalan'ny olona tsirairay sy ny fianarana norantoviny. Miteraka fahasamihafana eo amin'ny sehatry ny asa fivelomana izany ka mahatonga elanelana eo amin'ny vola miditra isan-tokantrano. Mpamboly sy mpiompy ny ankabetsahan'ny mponina ao Antanifotsy. Mpiasam-panjakana kosa ny ampahany vitsivitsy.

Manana ambim-bava ny tokantrano sasany rehefa mifarana ny taona. Tsy mahavita taona kosa ny vokatra miakatra ho an'ny sasany. Tokony tsy hatao sakana amin'ny fanatanterahana ny lanonana ny fandania. Tsy didina tsy maintsy handany be ny fianakaviana sahirana na eo amin'ny lafiny fitaovana na eo amin'ny lafiny sakafo. Azo soloina karazam-damba hafa ny lamba landy, toy ny fanaon'ny olona ao an-toerana ankehitriny amin'ny famadihana; azo ahena ihany koa ny isan'ny olona asaina hisakafo. Ohatra: antsoina hanatrika ny lanonana ny fianakaviana rehetra saingy tsongaina ireo solontena isan-tokantrano hatrika ny fiaraha-misakafo. Ankoatra izany, tokony tsy hisalasala hifampizara andraikitra ny mpihavana akaiky. Mba hanamaivana ny fandania, amporisihina izy ireo hifanampy amin'ny fividianana fitaovana sy sakafo.

³¹ rice-cooker

Etsy andanin'izany, tsy ferana kosa ny fianakaviana manan-katao, indrindra ny ao an-drenivohitr' Antanifotsy, fa afaka mankalaza ny lanonana amin'ny fomba manetriketrika. Azony atao ny mamahana ny olom-pantatra rehetra toy ny amin'ny famadihana; afaka mampiasa fitaovana maoderina toy ny angadin'omby na ragiragy na sarkilezy amin'ny famoahan-jazalahy; afaka mitondra fitaovan-dakozia avo lenta toy ny milina fitotoan-kena na ny fandrahoam-bary mandeha amin'ny herinaratra³¹ na ny milina fanodinana voankazo³² amin'ny famoahan-jazavavy.

3.3.3.3. Azo tanterahina araka ny finoana

Tsy ataon'ny Malagasy ambanin-javatra ny famorana zazalahy. Manokana fotoana hanatanterahana “didim-poitra faobe” ny mpiara-monina. Malaza indrindra amin'izany ny “sambatra” ao Mananjary. Tanterahina ao anaty trano iray ny famorana ny zaza rehetra ao antanàna.

Ankehitriny, toa tsy manan-kasina koa ny fanambadiana, raha tsy mandalo dingana telo: ny fanapaham-bodiondry, ny fisoratam-panambadiana ary ny fanamasinana any am-piangonana. Dingana voalohany tsy maintsy tanterahina amin'izany ny fomban-drazana noho ny maha Malagasy.

Anokanana fotoana malalaka iarahana amin'ny fianakaviana roa tonta ny fanapaham-bodiondry. Aorian'izany vao miroso hanao fanekena eo anatrehan'ny fanjakana sy eo anatrehan'Andriamanitra ny mpivady. Ny olona sasany aza mijanona hatreo amin'ny dingana voalohany. Manatanteraka ireo avokoa ny Malagasy rehetra na kristiana na silamo na inona na inona finoany.

Antoky ny fahombiazan'ny taranaka ny fanajana ny Razana. Tanterahina amin'ny endrika samihafa ny famamadihana ankehitriny: ao ireo mamono lamba vaovao sady manasa ny olom-pantatra rehetra ary mangataha-pitahiana amin'ny Razana; ao ireo manolo lamba fotsiny saingy tsy manasa olona ivelan'ny fianakaviana. Misy koa anefa ireo manararaotra mamono lamba rehefa misokatra ny fasana. Indraindray mampiasa lamba tavoahangy ny mponina rehefa tsy mahatakatra ny vidin'ny lamba landy.

Tokony hinoan'ny ray aman-dreny malagasy fa tsy ho tomombana ny fiainan'ny zaza raha tsy anatanterahana famoahan-jaza. Tanjona amin'izany fomba amam-panao izany ny hanatsara ny hoavin'ny zaza.

Tsy tokony ho sakana amin'ny fanatanterahana ity fomba ity ny finoana hafa arahina. Tahaka ny endrika anatanterahana ny fanambadiana ankehitriny, azo sokajina ho dingana voalohany tokony hatao amin'ny zaza malagasy ny mivoaka itany. Tokony havoaka araka ny fomban-drazana avokoa ny zaza mialoha ny hanolorana azy amin'ny fiarahamonim-pivavahana hafa. Ohatra, tanterahina ny famoahan-jaza alohan'ny andro hanaovana ny batisa na batemy any am-piangonana. Heverina fa mifameno hahasoa ny zaza ireny fomba rehetra ireny fa tsy mifanohitra velively.

³² mixer

TSOAKEVITRA

Nofakafakaina tato amin'ny fizarana fahatelo ny tombana sy ny tolo-kevitra mifanaraka amin'ny hoavin'ny famoahan-jaza. Navoitra tamin'izany ny fahombiazany amin'ny ankapobeny na eo aza ireo lesoka ilana fanarenana. Naroso ny tolo-kevitra hamahana ny sakana mahatonga ny olona sasany tsy hanatanteraka izany fomba izany.

Miantoka ny fahasalaman'ny zaza sady mahatsara ny fifandraisany amin'ny olombelona toa azy sy amin'ny tontolo manodidina azy ity fomba ity. Fanehoana ny maha mpino kristiana eo anivon'ny mpiara-monina sy eo anivon'ny mpiray tanindrazana ny fanatanterahana izany. Fanoitra ho amin'ny fampandrosoana ny firenena ny mivoaka itany ao Antanifotsy. Maneho ny fahalalahana mampifangaro finoana sy manampy ny fitondram-panjakana amin'ny fanatanterahana ny tetikasany ary mampisongadina ny fiizian'ny firenena koa izany.

Ambaran'ny mponina sasany anefa fa betsaka loatra ny fotoana lany amin'ny fiantsenana sy ny fampandrenesana ny mpanotrona ary ny fiatrehana ny lanonana. Tsy mifanahantsahana amin'ny vola miditra ao an-tokantrano ny vola avoaka amin'ny fividianana fitaovana sy ny famahanana olona. Finoanoam-poana sy fanompoan-tsampy tanteraka koa ny famoahan-jaza satria tsy miantraika mivantana amin'ny fiainan'ny zaza ny fanatanterahana izany na tsia na dia antsoina avokoa aza Andriamanitra sy ny Razana mandritra ny lanonana.

Etsy an-daniny, mirona hiala fady ny olona sahirana ao Antanifotsy. Etsy an-kilany, miparitaka manerana ny Nosy ny mivoaka itany noho ny fahitana ny mpiara-monina mbola manatanteraka izany. Azo antoka ny hanohizan'ny Malagasy rehetra izany fomba amam-panao izany raha voarina ny lesoka. Heverin'ny mpiara-monina fa hampahomby ity fomba ity ny fanajana ny lamina napetraky ny Razana sy ny fandraisan'ny tsirairay ny andraikiny eo amin'ny fiarahamonina. Tokony hanarim-bintana ireo olona ratsy vintana araka ny hevitra ny mpanandro.

Aminay manokana, natao ho an'ny Malagasy rehetra ny mivoaka itany ka ilaina ny fampahafantarana ny lanjany amin'ny mponina. Tokony hotanterahina araka ny fahafahamanaon'ny tsirairay ny lanonana. Tsy tokony hatao sakana amin'ny fanatontosana izany ny finoana hafa arahin'ny tsirairay.

TENY FAMARANANA

Antoky ny hoavin'ny fiarahamonina sy ny firenena ny zaza. Ampitaina mankany amin'ny sehatra maha olon-dehibe amin'ny alalan'ny fomba amam-panao izy. Voalohany amin'izany ny Famoahan-jaza. Toerana miavaka Antanifotsy noho ny fihazonany ny fomban-drazana sy ny fanajany ny fihavanana. Tanterahina ao ny famoahan-jaza. Ahatarafana ny finoan'ny mponina ny Zanahary sy ny Razana ary ny tontolo manodidina izany.

Fampidirana ny zaza ao anatin'ny fiarahamonina malagasy ity fomba ity sady firariana azy ho salama sy hanan-karena ary ho ela velona. Mivoatra araka ny sehatra sy ny fotoana anefa ny kolontsaina: mety hiova ka ny ampahany aminy ihany no ho voatana ary mety ho voatana manontolo. Ankehitriny, voasariky ny kolontsaina tandrefana ny Malagasy ka mirona tsy hanatanteraka ny famoahan-jaza intsony ny ankabetsahany. Izany rehetra izany no nanaitra anay hanadihady ny lohahevitra hoe: ***“Ny endrika isehoana sy ny hevitra mitondra ny mivoaka itany - Antanifotsy Vakinankaratra”***.

Narafitra tao anaty fizarana telo lehibe ny voka-pikarohana. Nasongadina tao amin'ny fizarana voalohany ny fampahafantarana an'Antanifotsy sy ny lalan-tsaina nampiharina ary ny lalam-piasa narahina. Natsidika tao fa tambanivohitra mihazona ny fomban-drazana sy ny fihavanana sady mino ny Zanahary sy ny Razana ary ny herin'ny tontolo manodidina azy ny mponina ao. Taratra izany amin'ny fanatanterahany asa fambolena sy fiompiana izay foto-pivelomana mibahan-toerana ao Antanifotsy sy amin'ny fankalazany ny fomba fitana toy ny famoahan-jaza.

Nofidina hampiharina tamin'ny asa fikarohana ny haitsikera ara-drafitra sy ny haitsikera ara-pielezana. Noporofoina fa azo ampivadiana andrindrana ny asa ireo haitsikera roa ireo. Mifameno ny olona mandray anjara sy ny fitaovana ampiasaina mandritra ny famoahan-jaza ary ny fihetsika tanterahina. Ahatarafana ny finoana fototra izany. Mikendry ny hisarika ny hafa hanatanteraka izany fomba izany ny mponina ao an-toerana matoa mankalaza izany hatrany na aiza na aiza toerana misy azy.

Nangonina ny akora ilaina mialoha ny nidinana teny an-toerana. Nofakafakaina ny boky nosoratan'ny mpialoha lalana, nohadihadiana ny mponina tany an-toerana: olon-tsotra, mpiandraikitra sekolim-panjakana sy sekolim-pinoana, mpanolotsaina ny kaominina, mpanandro, reninjaza... Nofaranana tamin'ny fandrafetana ny boky ny asa fikarohana.

Niompanana tao amin'ny fizarana faharoa ny fandokoana ny lanonana. Navoitra tao fa ilana fanomanana ny fanatanterahana ny famoahan-jaza mba ho tontosa antsakany sy andavany izany. Tandindon'ny firarian-tsoa ny zaza ho salama sy hanan-karena ary ho ela velona avokoa ny mpandray anjara voafidy sy ny fitaovana ampiasaina ary ny fihetsika tanterahina amin'izany. Misongadina ao ny finoana ny Zanahary sy ny Razana ary ny hasin'ny tontolo iainana. Voamarina tao amin'ity fizarana ity koa fa tena fomba malagasy ny famoahan-jaza fa tsy fomban-drazana hafa na fombam-pivavahana hafa.

Nifantohana tao amin'ny fizarana fahatelo farany ny tombana. Natsidika ireo lafiny heverina fa mahomby sy ireo lesoka ilana fanarenana. Naroso ny andram-bahaolana heverina fa hampahomby

ity fomba ity ary nofaritana ny hoaviny. Mitondra voka-tsoa eo amin'ny fiainan'ny renny sy ny zaza ny famoahan-jaza. Fanoitra fa tsy sakana ho amin'ny fampandrosoana ny firenena izany. Tsy tokony hohasarotina ny fomba fankalazana azy mba hahafahan'ny Malagasy rehetra manatanteraka izany. Tsy tokony hatao sakana koa ny fanarahana finoana hafa ankoatra ny finoana nentin-drazana malagasy. Tsara raha mandray ny andraikitra tandrify azy avokoa ny zaza sy ny ray aman-dreny, ny mpiara-monina ary ny fianakaviana mandritra sy aorian'ny fanatanterahana ny lanonana mba hahato ny firariana atao amin'ny zaza.

Mety tsy ho faty na ho foana tanteraka ny mivoaka itany malagasy satria manampy ny tambanivohitra amin'ny fanabeazana ny zanany sady miara-miasa amin'ny fanjakana hanatsara ny fiainan'ny mponina. Azo antoka ny hanohizan'ny Malagasy rehetra ny fanatanterahana izany raha toa ka arenina ny lesoka hita fa manakantsakana ny olona.

LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA

Boky fototra :

1. ALENGRY, (F), *La Déclaration des Droits de l'Homme et du citoyen*, Librairie Alcide Picard, Paris.
2. ANDRIAMIFIDY, 1915, Mpanolotsaina
3. BUCH SENCUTZ, (P), 1938, *La mission luthérienne à Madagascar*, Imprimerie de la Mission norvégienne.
4. CALLET (F), 1908, *Tantara Ny Andriana Tome II*, Nouvelle Imprimerie des Arts Graphiques, Antananarivo.
5. CALLET (F), 1974, *Tantaran'ny Andriana TomIII*, éd. Librairie de Madagascar, Antananarivo
6. CAMBOUE, (P), 1898, *Causerie scientifique. Coutumes juives à Madagascar*, Revue générale de Bruxelles
7. COLLEYIN (J.P), 1988, *Eléments Anthropologique social et culturel*, éd. De l'Université de Bruxelles, de Belgique.
8. DAHL (D), 2006, *Signes et significations à Madagascar*, des cas de communication interculturelle, Présence Africaine, Paris.
9. DAMA-NTSOHA, 1952-1955, *Histoire politique et religieuse des Malgaches*. Depuis les origines jusqu'à nos jours, Imprimerie Volamahitsy, Antananarivo.
10. ELYADE, (M), *Traité d'histoire de religion*, 1948, Collection Payot.
11. EVANS. FRITCHARD (E), 1965, *La religion des primitives à travers les théories des anthropologues*, petite Bibliographie Payot, Paris.
12. FAUBLEE (J), *Ethiologie de Madagascar*, Musée de l'homme, Paris.
13. FETY, (M), 1975, *Nahoana no avondrona ho Fokonolona isika?*, éd. Salohy
14. LARS, (V) 1973, *Les conceptions religieuses des ancêtres malgaches*, Imprimerie catholique, Antananarivo.
15. LARS, (V), 1977, *Croyances et Mœurs des Malgaches*, TPLM.
16. MAUSS (M), 1973, *Sociologie et Anthropologie*, PUF, Paris.
17. MONDAIN, (G), *Un siècle de mission protestante à Madagascar*.
18. RAMANANDRAITSORY, (Ch), *je communie donc... je peux changer votre vie en transformant vos relations*, imprimerie FTM, Antananarivo.
19. RAMASINDRABE, (P), 1962, *Fokonolona Fototry ny Firenena*, nouvelle Imprimerie des Arts Graphiques, Antananarivo.
20. RANDRIAMANANA (JJ), 2003, *Savoir vivre*, éd.Md Paoly, Antananarivo.
21. RAZAFINTSALAMA, (A), 1984, *Tari-dalana hoenti-manadihady ny finoana sy ny fomba malagasy*, Ambatoroka.
22. RECH, (D), 1898, *Histoire des origines du christianisme à Madagascar*, Imprimerie et librairie centrale des chemins de fer.
23. RENEL (C), 1923, *Anciennes religions de Madagascar Ancêtres et Dieu*, Bulletin de l'Académie Malagasy Tome V, Antananarivo.
24. RIVIERE (C), 1995, *Introduction à l'Anthropologie*, éd. Hachette, Paris.
25. SAPIR (E), 1967, *Anthropologie Tome I*, éd. de Minuit, Collection de sens commun.

Boky mpialoha lalana :

1. NDEMAHASOA, (J.L), 1973, *Fomba Antakay*, Librairie Ambozontany, Fianarantsoa.
2. RAHARIMALALA Nicolette, 2014, *Ody havandra ao Antanifotsy: aro voly any an-tsaha, aro fiarahamonina ao an-tanàna*, Mémoire de Maîtrise, SteLaRiM, Université d'Antananarivo
3. RAINIHIFINA, (J.A), 1973, *Fomba Betsileo*, Librairie Ambozontany, Fianarantsoa.
4. RASOLOFOMANANA Voahirana, 2014, *Ny fampianarana ny taranja malagasy ao amin'ny lisea Antanifotsy tao anatin'ny efa-taona farany sy ny tolo-kevitra ho fanatsarana izany*, Mémoire de Maîtrise, SteLaRiM, Université d'Antananarivo
5. Rev. COUSINS, (M.A), 1963, *Fomba malagasy*, Trano Printy Imarivolanitra, Antananarivo.

Boky teorika

1. DESCOLA (Ph), 2005, *Par-delà la nature et la culture*, Paris, éd. Gallimard.
2. STRAUSS (L), 1958, *Anthropologie Structurale*.
3. Van GENNEP. 1904, *Tabou et totémisme à Madagascar*, Paris, Leroux.

Gazety novakina

1. Diva, 10.07.14, lah. 555
2. Inona no vaovao, 01.07.14, lah. 1508
3. Jejoo, 22.05.14, lah. 1629
4. Lakroan'i Madagasikara, 24.10.13, lah. 3843
5. Tia Tanindrazana, 25.04.14.

Tranonkalam-pifandraisana

1. <http://chocdecultures.forumactif.com/t9-histoire-de-l-anthropologie-iii-le-diffusionnisme>
2. <http://fr.slideshare.net/AZIZISouad/la-theorie-diffusionniste>
3. <http://fr.wikipedia.org/w/index.php?title=Diffusionnisme&action=history>
4. <http://fr.wikipedia.org/wiki/Acculturation>
5. http://fr.wikipedia.org/wiki/Assimilation_culturelle
6. <http://fr.wikipedia.org/wiki/Culturalisme>
7. <http://fr.wikipedia.org/wiki/Discussion:Diffusionnisme>
8. http://fr.wikipedia.org/wiki/Edward_Tylor
9. http://fr.wikipedia.org/wiki/Evolutionnisme_%28anthropologie%29
10. http://fr.wikipedia.org/wiki/Evolutionnisme_%28anthropologie%29http://fr.wikipedia.org/wiki/Adolf_Bastian
11. http://fr.wikipedia.org/wiki/Franz_Boas
12. http://fr.wikipedia.org/wiki/Friedrich_Ratzel
13. http://fr.wikipedia.org/wiki/La_Distinction
14. http://fr.wikipedia.org/wiki/Liste_des_courants_de_l%27anthropologie
15. http://fr.wikipedia.org/wiki/Migration_humaine

16. http://fr.wikipedia.org/wiki/Rayonnement_culturel
17. <http://fr.wikipedia.org/wiki/Structuralisme>
18. <http://fr.wikipedia.org/wiki/Transculturation>
19. <http://www.universalis.fr/classification/sciences-humaines-et-sociales/anthropologie-et-ethnologie/histoire-de-l-anthropologie/diffusionnisme/>
20. <http://www.universalis.fr/dictionnaire/diffusionnisme/>
21. <http://www.universalis.fr/encyclopedie/anthropologie/>
22. <http://www.universalis.fr/encyclopedie/diffusionnisme/>
23. <http://www.universalis.fr/encyclopedie/l-anthropologie-sociale-et-culturelle>
24. www.femininmasculin.fr/Les-rites-de-passage/Coupe-de-cheveux/Coupe-de-cheveux
25. www.femininmasculin.fr/Les-rites-de-passage/La-construction-du-genre/L'-attribution-du-nom/L'-attribution-du-nom
26. www.femininmasculin.fr/Les-rites-de-passage/L-enterrement-de-vie-de-celibataire/L-enterrement-de-vie-de-celibataire
27. www.filsantejeunes.com/moi-et-les-autres/ma-famille-et-moi
28. www.filsantejeunes.com/moi-et-les-autres/mes-amis-et-moi
29. www.filsantejeunes.com/mon-corps/cote-filles
30. www.larousse.fr/dictionnaire/français/diffusionnisme/25482
31. www.projataladan.org/holocaust.fr/un-guide-du-judaïsme-pour-les-musulmans/le-judaïsme-en-tant-que-religion.html

Haino aman-jery

1. Fandaharana “Radio Fanabeazana”- RNM - isa-maraina amin’ny 6:15 ora
2. Fandaharana “Sehatra ho an’ny ankizy”- RNM- isaky ny Alarobia amin’ny 3 ora folakandro
3. Fandaharana “Récréation”-TV Plus- isaky ny Alarobia amin’ny 3 ora folakandro
4. Fandaharana “A votre santé”-MATV- isaky ny amin’ny 12.30 ora
5. Fandaharana “Hafatry ny mpanabe” -ACEEM- isaky ny Alahady amin’ny 12.30 ora
6. Fandaharana “Momota”-TVM- isaky ny Alarobia amin’ny 16:50 ora hariva
7. Fandaharana “Papoose”- RTA - isaky ny Alarobia amin’ny 3.25 ora folakandro
8. Fandaharana “Record kids”- Record- isaky ny amin’ny 16.00 ora folakandro
9. Fandaharana “Mangina zaza”-rta- isanandro amin’ny 20.45 ora

TOVANA

FANOLORANA NY TOVANA

Dingana voalohany lalovana amin'ny asa fikarohana ny fanangonana ny akora rehetra eny amin'ny sehatra iasana. Niaingana ireo ka nahafahana nandoko, nanasokajy, nanazava, nanaka-kevitra ary nampitaha ny lohahevitra nodinihina. Atolotray ny santionany amin'ny akora, izay tsy tafiditra tao anatin'ny famoronan-dahatsoratra, mba ho fanampim-panazavana ho an'ny mpamaky.

Nosokajina telo izy ireo. Aroso ao amin'ny fizarana voalohany ny ampahany amin'ny mombamomba an'Antanifotsy sy ny tahirin-kevitra mikasika ny fironan-tsaina nampiharina ary ny amboaram-panontaniana napetraka tamin'ny mponina tao an-toerana: mpanandro, reninjaza, ankizy, mpitondra fivavahana, mpiandraikitra sekolim-pinoana ary tompon'andraiki-panjakana.

Tanisaina ao amin'ny fizarana faharoa ny zon'olombelona, zon'ny ankizy, ny ohabolana na ohapitenenana miresaka ny lohahevitra nohadihadiana: zaza, tantely, vola, harena, omby, tsena, lehilahy, vehivavy, lambamena... ary ireo lahatsoratra nalaina tamin'ny boky sy gazety miresaka ny kolontsaina malagasy.

Atolotra ao amin'ny fizarana fahatelo kosa ireo tahirin-kevitra mifandray amin'ny fivavahana kristiana sy silamo ary hindoista: fampahafantarana ny finoana silamo sy ny finoana hindoista maneran-tany sy eto Madagasikara ary fanazavana ny fomba fanaon'izy ireo amin'ny zaza.

TOVANA I

NY MOMBAMOMBA AN'ANTANIFOTSY

1. Fokontany ao anatin'ny Kaominina Antanifotsy

NOM ET PRENOMS CHEFS DE FOKONTANY ET LEURS ADJOINTS			
N°	FOKONTANY	Nom & Prénoms Chef de FKT	Nom & Prénoms Adjoint Chef FKT
01	ANTANIFOTSY	RAJOSIA RANJATOMAHERY Hervé	RAKOTONDRAINIBE
02	ANTOBINIARO	RAMANAMIZAKA Eléo	RANAIVOSON Jean Jules
03	ANDRIATSIHAHY	RAZAFINDRAKOTO RENE	RANDRIANARISOA DESIRE
04	ANDRANOMALAZA	RANAIVOSON Jean Pierre	RAHARISON RICHARD
05	ANTANETY	RABENATOANDRO EDOUARD	RAKOTONOMENJANAHARY Gilbert
06	SAHAVATO - OUEST	RANAIVO JEAN DE DIEU	RAZAFIMANANTSOA
07	PIERENANA	ANDRIAMPARAMALALA JONAH	RATOLOJANAHARY Nicolas Joseph
08	SAHAVATO HAUT	RAMANGAZAFY	RAMANANTANY JOSEPH
09	ANTSAHONDRA - EST	RAKOTOARISOA DONNE	RAKOTOARISOA VICTOR
10	ANGAVO - EST	RANAIVOJOELINA	NDRASANA
11	AMBODIRIANA - EST	RAKOTONOMENJANAHARY HARRISON	RANDRIANARIMANANA
12	ANTANETILAVA	RANAIVOSON	RAZAFIMAHATRATRA
13	ANDOHARIANA	RASAMIMANANA PIERRE	RASOLOMANANA JOSEPH
14	MORARANO - III	RAKOTOMAMONJY JEANNOT	RATOVOSON SAMMUEL
15	AMBATOMANTIKELY	RAKOTONDRINA FIDELE	RASOLONJATOVO
16	MAHALAVOLONA	RAKOTOARINELINA	RANDRIAMBOLOLONA VICTOR
17	ANTANAMBEO	RAKOTOSOLOFO Alfred	RANDRIANASOLO
18	MORARANO AMBATOBE	KATSARAEFADAHY DAVIDSON ALFRED	RABENOELINA
19	MORARANO OUEST	RALAIVAO JULIEN	RAMERISON RICHARD
20	SAHAVATO CENTRE	RAKOTONARISAONA	RASOLONJATOVO
21	MORARANO - IV	RAKOTONDRAFARA	RASOLOMANDIMBY
22	ANTANIKATSAKA	RAZAFINDRANDRETSA VICTOR	RAMANANJATO Honoré
23	ANKARARANA	RAMAROVAHOAKA CELESTIN	RANDRIAMANAMPY Jean Denis
24	AMBATOMIANKINA NORD	RAKOTOMALALA JEAN DE DIEU	RANAIVOMANANA PIERRE
25	AMBONIANDREFANA	RAZAFINDRATSIFA JOSEPH	RASOANAIVO
26	AMBATOLAMPY	RAMANANKIERANA ALFRED	RAKOTOARISOA Magné
27	ANTSEVAKELY	RANAIVO GILBERT	RAKOTONIRINA ALFRED
28	ANDREFANIALA	RAKOTOSOA EUGENE	RAKOTOARIVO Jean
29	AMBOHIANAKA	RAKOTONIAINA Bruno	RAFARALAHY Jean Baptiste
30	AMBOHIMANATRIKA	RAKOTONOELY JUSTIN	RANDRIANATOANDRO Cyrille
31	ANOSIMBOAHANGY	RAMAROTAFIKA GEORGES	RANDRIAMANANA JOSE
32	BEMASOANDRO	RANDRIAMAHAZAKA ARMAND	RAKOTONDRAZAFY RAYMOND
33	MAHATSINJO - CENTRE	RANAIVOMANANA	RAZANADRASOA
34	AMBALAVAO	RANDRIAMIAVY EUGENE	RAINIVONARY RAKOTONDRAZAKO
35	AMBILONA - I	RAZAFINDRAKOTO RAYMOND	RAKOTOARISOA Justin
36	AMBATOVAVENTY - EST	RANDRIANOMENJANAHARY NOELSON	RAKOTONOMENJANAHARY J.de D
37	AMBATOVAVENTY-OUEST	RAMANAMPAMONJY ARMAND	RASOLOFONIRINA Rochel Robert
38	BEPAISO	RATSIRAHONANA	RANAIVOMANANA
39	TSARAFARA	RABEMANANTSOA EDMOND	RAZAFINDRAMASIRIVONY NICOLE P.
40	ANDOHAVARY - II	RAFANO HARANTSOA ANDRY	RAKOTONIRINA Jean
41	SOAMIANANDRARINY	RABEFAISAGNINA ANDRIAMAMPITA	RAKOTOMAHIFA JEAN CHRYSOSTOME
42	ANKAZONDRAHO	RAKOTOMALALA ARMAND	RATSIMANOSIKA RICHARD
43	ANONDRIHAHY	RANDRIANIAINA GILBERT	RAKOTONIRINA Jean Robert
44	MASIMPIEFERANA	RAKOTONDRAZAFY REGIS	RAMAROSANDRATANA Joseph
45	MANANITRA	RANAIVOTELOLAHY	RANDRIAMANDOSO Edmond
46	SARODROA	RAKOTOARIVONY Renaud	RAMAROLAHY RAKOTOVAHOAKA
47	IANABORONA	RANAIVOARISON	RASOLOFOMANANA
48	TSARATANANA	ANDRIANAVALONJAKA Georges	RAHERILALAINA Dinamatata Joseph
49	ANTANETY - I	RANDRIANARISON RENE	RAKOTONOMENJANAHARY Joseph
50	ANDOHAFARIHY	ANDRIAMAMPIONONA JEAN LAURENT	RAFENOARISOA RICHARD
51	AMBATOBOKA	RAKOTOFALIMANANA JEAN MARIE	RANDRIAMANANTSOA Richard
52	ANTIEMOTRA	RAOBITIANA ARMAND	RAKOTONIAINA Jacque Gabriel
53	TOKOTANITSARA	RANDRIANOELINA	RABEMANANJARA Edmond
54	AMBATOHARANANA	RABEVAHOAKA BENOIT	RATSILAOZANARIVO AMBROISE
55	ANTANETY - NORD	RAKOTOARISOA RENE	RANDRIAMITANTSOA LUCIEN JUVENCE
56	MANANETIVOHITRA	RAZAFIHERITSIMBA EDMOND	RAKOTONDRAZAFY RAYMOND
57	ANTSAHAMAINA	RANAIVOVAZAH	RATGIBSON Armand
58	SAONJORANO	RAKOTONDRABE	RANDRIAMARISOA JEAN DE DIEU Donna
59	ANOSILEHIBE	RAKOTONASY Jean Baptiste	RANEDSON Jean Noel

Loharano : monographie 2012 d'Antanifotsy

2. Fambolena sy fiompiana

DEROULEMENT DU CREDITE M.C.A

Nbre bénéficiaire	Nbre FKT	Service	Montant Demandé	Montant Accordé
03	03	4.25	3.534.983,00	3.534.983,00

2-2-1 RIZ IRRIGUE

SRI			SRA			Intensification (SRI+SRA)			Pratiques Paysannes (PP)		
See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod
ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T
318	4.298	1.367	3.285	3.020	9.921	3.603	3.132	11.288	109	1.293	141

2-2-3 RESULTATS RIZICULTURE

RESULTAT RI(SRI+SRA+PP)			RIZ PLUVIAL(RP)			TOTAL RIZICOLE(RI+RP)		
See	Rdt	Pct	See	Rdt	Produ	See	Produ	
ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T	
3.712	3.078	11.429	205	1.487	305	3.917	11.734	

2-2-4 LEGUMES FEUILLES (Brédes,Laitue,Petsay)non comprise le Chou

CONTRE SAISON			SAISON			TOTAL			AUTRES LEGUMES		
See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod
ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T
49	12,00	588	28	10,2	286	77	11,350	874	16	15	240

2-2-5 CHOU

CONTRE SAISON			SAISON			TOTAL		
See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod
ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T
60	12,00	720	38	14,526	552	98	12,979	1.272

2-2-6 POMME DE TERRE

POMME DE TERRE (Campagne 2008/2009)											
CONTRE SAISON			SAISON			ARRIERE SAISON			PRODUCTION TOTAL		
See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod
ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T
740	10,00	8.960	1.470	9,691	20.734	78	08,00	680	2.878	10,708	26.574

2-2-7 HARICOT

SAISON			ARRIERE SAISON			TOTAL			Maïs		
CULTIVEE	Rdt	Pro	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	CULTIVEE	Rdt	Prod
ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T
1.115	0,7	1.115	297	0,5	193	1.490	0,664	1.261	2.146	1,439	4.739

2-2-8

SOJA			BLE			ORGE			AVOINE		
See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod
ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T
438	1,04	544	40	1,05	54	14	0,97	19	08	1,20	14

2-2-9

PATATE			SAONJO			MANIOC			ARACHIDE		
CULTIVEE	Rdt	Pro	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod
ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T
1.025	11,387	12.400	195	11,536	2.275	535	11	8.490	2,5	1,58	5,5

2-2-10 CAROTTES

CONTRE SAISON			SAISON			TOTAL		
See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod
ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T
35	15,55	740	41	12	575	85	14,85	1.315

2-2-11 TOMATE

CONTRE SAISON			SAISON			TOTAL		
See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod
ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T
7	7,50	70,50	3,50	8,50	35,50	11,75	8,75	110

2-2-12 RESULTATS DES CULTURES FRUITIERES

PECHER			PRUNIER			POMMER			KAKI		
See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod	See	Rdt	Prod
ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T	ha	T/ha	T
6	10	55	5	11	45	7	08	75	2,5	08	25

II- ELEVAGE

NOMBRE DE CHEPTEL

COMMUNE	Bovins	Porcins	Volailles	Ovins	Caprins	Equins	Canins	Félins	Lapins
ANTANIFOTSY	10 583	5 100	76 000	14	60	-	1 380	1 100	1 200

3. Fahasalamana

1-1-4 CSB-II SOAMANANDRARINY

Médecin-01

1-1-5 CSB-I AMBATOVAVENTY-OUEST

Médecin-01

Aide Sanitaire-01

1-1-7 Dépositaire médicament : 03

1-1-8 Dispensaire Catholique Sœur Trinitaire dis à Antanifotsy.

COMMUNE ANTANIFOTSY

-01 Médecin pour 18.625 Habitats

-01 Paramédical pour 20.953 Habitats

Divers structures communautaires et ONG dont les COSAN , SEECALINE , CRS , MSIS , CROIX ROUGE , PSI , SAF FJKM , ECAR-CES-TUB sont vues au niveau de District d' Antanifotsy, Cet agent communautaires et ONG collaborent avec de Santé

INDICATEURS :

Pathologies	0-28 Jours	29-11 mois	1-4 ans	5-14 ans	15-24 ans	25 ans & plus	Taux
Diarrhées sans Déshydratation	03	124	166	51	21	49	3,2 %
Toux ou rhume	52	323	328	279	349	670	15,6 %
Autres IRA	25	124	159	146	160	362	7,6 %
Asthmes	0	0	09	04	21	126	1,2 %
Affection de l'œil Et de ses annexes	04	39	56	49	59	156	2,8 %
Affections digestives	26	46	55	62	95	242	4,1 %
Affections cutanées	06	30	59	76	92	159	3,3 %
Affection bucco- Dentaires	03	21	26	69	156	217	3,8 %
Parasitoses intestinales	0	02	186	177	126	132	4,8 %
Autres Pathologies	0	02	06	13	33	68	0,8 %

ACTIVITES DE VACCINATION

ANTIGENES	Nombres des enfants vaccinées	Taux de couvertures
BCG	1746	99 %
VPO 0	578	92 %
VPO 1	1980	99 %
VPO 2	1938	92 %
VPO 3	1936	96 %
DTC Hep B + Hib 1	1980	99 %
DTC Hep B + Hib 2	1938	92 %
DTC Hep B + Hib 3	1936	96 %
VAR	1762	95 %
VAT 1	897	38 %
VAT 2 et Plus	1270	47 %

Loharano : monographie 2012 d'Antanifotsy

4. Fanabeazana

INFORMATIONS SUR LES ETABLISSEMENTS-ENSEIGNANTS-ELEVES AU NIVEAU DE LA COMMUNE RURALE ANTANIFOTSY ANNEE SCOLAIRE 2010-2011(Publics & Privés)

	PUBLICS			PRIVES		
	NIV-I	NIV-II	NIV-III	NIV-I	NIV-II	NIV-III
Etablissements	65	11	01	25	05	04
ENSEIGNANTS	256	93	31	68	39	31
ELEVES	11.796	2.284	531	2.639	783	858
	TAUX DE			REUSSITE		
	CEPE	BEPC	BACC	CEPE	BEPC	BACC
	87,00 %	38,03 %	61,74 %	93,26 %	38,52 %	

Loharano : monographie 2012 d'Antanifotsy

5. Ambaratongan-drafitra ara-panjakana

ORGANIGRAMME DU BUREAU EXECUTIF DE LA COMMUNE RURALE ANTANIFOTSY

MAIRE

RABEVASON

Premier magistrat de la ville
Chef hiérarchique des personnels de la Commune
Premier responsable de la gestion des Personnels et Patrimoines Communal
Président du Bureau exécutif
Assure l'exécution des délibérations de Conseil Communal
